UNIVERSITE D'ANTANANARIVO

***************

DOMAINE : ARTS, LETTRES ET SCIENCES HUMAINES

***************

MENTION : ANTHROPOLOGIE FONDAMENTALE ET APPLIQUEE

***************

PARCOURS : ANTHROPOLOGIE FONDAMENTALE

******************

# SORONA SY FOMBA FIVAVAHAN'NY ZANABIBIANDRIAKOMANJAKA AO SOAVINANDRIANA ITASY. ANDRAM-PAMARITANA NY FIVAVAHAN-DRAZANA ETO MADAGASIKARA

**GRADE MASTER**

**Présenté par: RAVAOJANAHARY Jeannine**

**Encadreur : RAZAFIMAHEFA, Maître de Conférences**

**|Date de soutenance : 15 Février 2017**

UNIVERSITE D’ANTANANARIVO
***************
DOMAINE : ARTS, LETTRES ET SCIENCES HUMAINES
***************
MENTION : ANTHROPOLOGIE FONDAMENTALE ET APPLIQUEE
***************
PARCOURS : ANTHROPOLOGIE FONDAMENTALE
******************

# SORONA SY FOMBA FIVAVAHAN’NY ZANABIBIANDRIAKOMANJAKA AO SOAVINANDRIANA ITASY. ANDRAM-PAMARITANA NY FIVAVAHAN-DRAZANA ETO MADAGASIKARA

GRADE MASTER

**Présenté par: RAVAOJANAHARY Jeannine**

**Encadreur : RAZAFIMAHEFA, Maître de Conférences**

# FANOROAN-TAKILA

FANOROAN-TAKILA ........ 1
LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY ........ 4
LISITRY NY SARIN-TANY ........ 4
LISITRY NY SARY PIKA ........ 4
LISITRY NY FAFANA ........ 4
TENY FISAORANA ........ 5
FINTINA ........ 6
RESUME ........ 7
ABSTRACT ........ 8
TENY FAMPIDIRANA ........ 12
0-1-Sehatra ........ 12
0-2-Lohahevitra ........ 12
0-3-Petraka olana ........ 13
0-4-Ireo mpialoha lalana ........ 14
0-5-Petra-kevitra ........ 15
0-6- Fomba fiasa ........ 16
0-7- Haitsikera ........ 17
0-8- Tanjona ........ 17
0-9- Drafitry ny asa ........ 18

I-FANOLORANA NY SEHA-PIKAROHANA ........ 19
1.1. Famaritana ny toerana ........ 19
1.1.1. Ny distrikan' i Soavinandriana sy ny toeran'ny zanabiby ........ 19
1.1.2. Vohon-tany sy toetr'andro ........ 20
1.1.3. Ny foto-pivelomana ........ 20
1.1.4. Ny asa tanana ........ 22
1.2. Lafiny ara-piarahamonina ........ 24
1.2.1. Ny fanjakana Zanabibiandriakomanjaka ........ 24
1.2.2. Ny fahefana amam-pitondrana ........ 25
1.2.3. Ny fiheveran-javatra ........ 26
1.2.4. Ny fandrindrana ny vohitra telo ........ 27

1.3. Ny fitsipika mifehy ny zanabibiandriakomanjaka ............ 27
1.3.1. Ny dina ............ 28
1.3.2. Ny fady ............ 28
1.3.3. Ny fanajana ny fomba nentin-drazana ............ 29
1.3.4. Fankatoavana ny baikon' ny Fehiloha sy Lohavohitra ............ 29
1.4. Ny hery miafina ............ 30
1.4.1. Ny hery tsy hita maso ............ 30
1.4.2. Ny biby masina ............ 31
1.4.3. Ny zava-maniry ............ 32
1.4.4. Ny hasin'ny vato sy ny rano ............ 33
FEHINY ............ 35

II- NY SORONA SY NY TANDINDONA ARY NY FIHETSIKA ANDAMINANA AZY ............ 36
2-1- Ny sorona tontosaina ............ 36
2-1-1- Soron'Andriambolafotsy ............ 36
2-1-2- Sorona masay ............ 38
2-1-3- Ny sorona isa-patana ............ 39
2-1-4- Ny sorona tsangan-kavana ............ 40
2-2- Ny tandindona ampiasaina ............ 41
2-2-1- Ny omby tandindon'ny hery tsy hita ............ 41
2-2-2- Ny fototra maneho fanazavana sy fanadiovana ............ 42
2-2-3- Ny ranomahery midika ho fanadiovana ............ 43
2-2-4- Ny baramina tandindon'ny fitohizan'aina ............ 44
2-3- Ny andraikitry ny tsirairay ............ 45
2-3-1- Ny Fehiloha sy Lohavohitra tompon'ny fanapahana ............ 45
2-3-2- Ny mpanandro na mpimasy ............ 46
2-3-3- Ny mpanefa sorona ............ 47
2-3-4- Ny mpiara-belona ............ 48
2-4- Ny fomba amam-pihetsika atao ............ 48
2-4-1- Ny fiomanana sy fanatonana ny toeram-pisoronana ............ 49
2-4-2- Ny fotoam-pivavahana sy firariana ............ 50
2-4-3- Ny sakafo ............ 52
2-4-4- Ny fakana tany masina sy fizarana ny hena masina ............ 52
FEHINY ............ 56

III- NY HEVITRY NY SORONA ..... 57
3-1- Ny dikan'ny sorona ..... 57
3-1-1- Fanoitra hoenti-mamolaka ny tontolo manodidina ..... 57
3-1-2- Fitaovam-piarovana ..... 58
3-1-3- Fikajiana ny fadin-drazana sy ny tontolo iainana ..... 59
3-1-4- Fanamafisana sy fanorenam-pihavanana ..... 60
3-2- Ny finoana iorenan'ny sorona ..... 61
3-2-1- Zanahary ..... 61
3-2-2- Ny Razana ..... 62
3-2-3- Ny Natiora ..... 63
3-2-4- Ny vintana ..... 63
3-3- Ny soatoavina na fahendrena ilafihan'ny sorona ..... 64
3-3-1- Maneho fihavanana sy firaisan-kina ..... 64
3-3-2- Aina mamelona ny fiarahamonina ..... 65
3-3-3- Mitahiry ny vako-drazana ..... 66
3-3-4- Mirakitra fanabeazana sy fampitana ny hery anaty ..... 66
3-4- Ny sorona sy ny fampandrosoana ..... 67
3-4-1- Ny sorona manoloana ny fampandrosoana ..... 67
3-4-2- Ny sorona mitaha amin'ny fivavahana hafa ..... 67
3-4-3-Ny ho avin'ny sorona ..... 68
3-4-4- Tombana sy tolo-kevitra ..... 69

FEHINY ..... 72
TENY FAMARANANA ..... 73
LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA ..... 75
TOVANA

# LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY

CIDST : Centre d’Information de Développement Scientifique et Technique

IRD : Institut de Recherche et de Développement

M-DEV : Madagascar Développement

Zanabiby : Zanabibiandriakomanjaka

# LISITRY NY SARIN-TANY


1. Sarin-tanin’I Madagasikara misy ny faritra 22 .................... 9

2. Faritra Itasy .................... 10

3. Kaominina Soavinandriana .................... 11


# LISITRY NY SARY PIKA


Sary 1: Sary maneho ny Lohavohitra mamafy fototra ny omby .................... 43

Sary 2: Sarin’ny Fehiloha sy ny Lohavohitra .................... 46

Sary 3: Sary maneho ny Lohovohitra mivavaka sy mirary .................... 51

Sary 4: Sary maneho ny olona maka tanimasina .................... 53

Sary 5: Sary maneho ny fizarana hena masina .................... 54


# LISITRY NY FAFANA


Fafana : Ny karazam-piangonana hita ao Soavinandriana Itasy² .................... 88

# TENY FISAORANA

Ataonay ho zava-mahafaly tokoa ny manolotra teny indraim-bava ho fisaorana izay rehetra nitoto nahafotsy nahandro nahamasaka tamin'izao asa fikarohana izao.

Isaorana voalohany indrindra Andriamanitra, nihaino vavaka hatrany ka nanome ny hery sy ny tanjaka nahafahanay nanatontosa ny asa ka nahatrarana izao dingana izao.

Isaorana etoana Andriamatoa RAMANOELINA Panja René filohan'ny Oniversiten'Antananarivo.

Isaorana manokana ny Fakiolten'ny Teny aman-tsoratra ary ny Siantsa Maha olona tantanan'dRamatoa RALALAOHERIVONY Baholisoa Simone, Professeur tutilaire.

Tolorana fisaorana lehibe Andriamatoa RABOTOVAO Samoelson, Mpampianatra mpikaroka sady Talen 'ny « Mention Anthropologie Fondamentale et Appliquée ». Ankasitrahana toraka izany koa ireo Mpampianatra mpikaroka rehetra ao.

Isaorana sy ankasitrahana, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA, Maître de Conférences, nitarika sy nitantana anay tamin'ny fanatontosana ny asa fikarohana nataonay. Tsapanay tokoa ny fandavan-tena lehibe nasehonao tamin'ny fanitsiana sy fanomezana torohevitra anay, mba ho fanatsarana ny asa hatrany nandritra ny fotoana maro, na dia teo aza ny adidy aman'andraikitra maro sahaniny eo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy fikarohana.

Farany, fankatelemana no atolotra ireo Mpitondra fanjakana rehetra ao Soavinandriana Itasy nanome an-kalalahana ny fahazoan-dalana hanatanteraka ny asa firotsahana an-tsehatra. Omena fisaorana ihany koa ireo tompon'andraikitra sy ny Fehiloha, Lohavohitra tao amin'ny foko Zanabibiandriakomanjaka ary ireo sokajin'olona samihafa, tsy nisalasala fa nanampy anay sy nandray anjara mivantana na an-kolaka tamin'ny fanangonana ny tahirin-kevitra.

***Sitraka enti-matory, tompoko, ny soa vitanareo taminay ka hovaliana raha mahatsiaro!***

RAVAOJANAHARY Jeannine

# FINTINA

Mifaningotra sy tsy azo sarahina ny olombelona sy ny finoany eo amin'ny sehatry ny haiolona. Maro ny endrim-pivavahana hita maneran-tany kanefa mibahan-toerana amin'ny foko sy ny vondrom-piarahamonina tranainy ny fivavahan-drazana mifototra amin'ny fifandraisana amin'ny tontolo iainana. Miresaka mikasika izany indrindra ny lohahevitra izay ifantohan'izao asa izao, nampitondrana ny lohateny hoe : " SORONA SY FOMBA FIVAVAHAN'NY ZANABIBIANDRIAKOMANJAKA AO SOAVINANDRIANA ITASY. ANDRAM-PAMARITANA NY FIVAVAHAN-DRAZANA ETO MADAGASIKARA." Izany dia maneho indrindra ny sorona izay mampifamatotra ny finoana amam-pivavahana nentim-paharazana sy ny asam-piveloman'ity vondrom-piarahamonina ity sady azo amaritana ny fivavahan-drazan'ny malagasy.

Nitrandrahana an'ity asa fikarohana ity ny fomba fiasa nampiharin' i Konrad LORENZ antsoina hoe : « Analyse sur un large front », izay lalantsaina mifototra amin'ny fiaraha-miasan' ny singa maromaro sy ny fivondronany ho tontolo iray.

Mizara telo lehibe ny votoatin'ny asa. Mamariparitra ny toerana sy ny tontolo samihafa ivelaran'ny mponina ny fizarana voalohany. Ny fanehoana ny sorona sy ny tandindona ary ny fanatontosana izany no ambara ao amin'ny fizarana faharoa. Tao amin'ny fizarana farany kosa no noezahina nanome ny hevitry ny sorona izay maneho ny famaritana ny fivavahan-drazana malagasy sy ireo foto-pinoana mampifamatotra ny olombelona amin'ireo hery tsy hita inoany.

# RESUME

En matière d'anthropologie, l'homme et les croyances sont intimement liés voire inséparables. Il existe diverses religions ou des cérémonies cultuelles dans le monde mais la culte des ancêtres, basée sur les relations avec l'environnement et l'écologie occupe une place prépondérante dans la société. La présente mémoire intitulée“ SORONA SY FOMBA FIVAVAHAN'NY ZANABIBIANDRIAKOMANJAKA AO SOAVINANDRIANA ITASY. ANDRAM-PAMARITANA NY FIVAVAHAN-DRAZANA ETO MADAGASIKARA” parle de ce culte des ancêtres. Cela montre le sacrifice liant la religion traditionnelle de la nourriture de ladite société et permet d'essayer de définir la religion traditionnelle malagasy.

Pour mieux approfondir notre recherche, nous utilisons la méthode de Konrad LORENZ, appelée communément « Analyse sur un large front », qui étant une théorie axée sur la collaboration des divers éléments pour former un tout.

Notre travail de recherche tourne autour de trois points suivants. Primo, la description du lieu et le monde où se développe la société. Secundo, la démonstration du sacrifice, du totémisme ainsi que ses réalisations. Et tertio, le sens du sacrifice afin de définir la religion traditionnelle malagasy et les croyances liant les hommes avec les forces invisibles.

// ABSTRACT


In anthropology, man and beliefs are intimately linked and even inseparable. There are various religions or worship ceremonies in the world but the cult of ancestors, based on relationships with the environment and ecology occupies a preponderant place in society. This paper entitled "SORONA SY FOMBA FIVAVAHAN'NY ZANABIBIANDRIAKOMANJAKA AO SOAVINANDRIANA ITASY. ANDRAM-PAMARITANA NY FIVAVAHAN-DRAZANA ETO MADAGASIKARA "talks about this cult of ancestors. This shows the sacrifice linking the traditional religion of the food of the said society and makes it possible to try to define the traditional Malagasy religion.
To further our research, we use the method of Konrad LORENZ, commonly called "Analysis on a broad front", which is a theory based on the collaboration of the various elements to form a whole.

Our research work revolves around three points. First, the description of the place and the world in which society develops. Secondly, the demonstration of sacrifice, of totemism as well as its achievements. And tertio, the meaning of sacrifice in order to define the traditional Malagasy religion and the beliefs binding men with the invisible forces.




**Loharano :** ***Foiben-taosarintanin'i Madagasikara***

# ITASY




| DISTRICT<br>*VAKIMPARITRA* | SUPERFICIE ($Km^2$)<br>*VELARANA ($Km^2$)* |
|---|---|
| Arivonimamo | 2 094 |
| Miarinarivo | 2 605 |
| Soavinandriana | 1 852 |
| | 6 551 |

**Loharano :** ***Foiben-taosarintanin'i Madagasikara***




**Loharano : M-DEV**

# 0-TENY FAMPIDIRANA

### 0-1-Sehatra

Samy manana ny soatoavina manavaka azy ny vondron'olona, ny foko, ny fiarahamonina, ny faritra tsirairay maneran-tany. Io soatoavina io dia tsy inona fa ilay toetra sy fihetsika mampisongadina ny vondron'olona, ny foko, ny fiarahamonina iray ka manamarika azy eo anatrehan'ny hafa. Ny haiolona no anisan'ny taranja natao ikarohana sy andinihana an'izany. Ifotorana amin'izany ny tantara sy ny zava-misy marina mitranga eo amin'ny fiainan'ny fiarahamonina izay ihavahan'ny haiolona amin'ny seha-pandinihana hafa.

Raha atao indray mitopy maso ny amin'ny haiolona na "anthropologie" dia mandalo dingana telo mba hahatomombana ny asa fikarohana atao. Toy izao manaraka izao izany, voalohany ny "ethnographie" izay andinihana ny amin'ny toerana anaovam-pikarohana sy izay rehetra ao aminy. Faharoa amin'izany, ny "ethnologie", fantarina ao anatin'izany ny mampitombina ny toe-javatra dinihana sy izay rehetra ifandraisany amin'ny lafin-javatra hafa. Vao mipaka amin' ny dingana fahatelo farany"anthropologie" izay itondrana ilay zava-misy anaovam-pikarohana eo anivon'ny sehatra sy ny tontolo hafa, mahasahana ny maha olombelona.

### 0-2-Lohahevitra

Fombam-pivavahana azo iaingana hoenti-mamantatra ny finoana, ny fomba fiaina, ny fomba amam-panao, ny kolontsain'ny foko maro eto amin'ny nosy ny sorona. Ny sorona dia fomba fivavahan'ny foko Zanabibiandriakomanjaka. Azo sokajiana efatra ny sorona fanaon'ny foko zanabibiandriakomanjana, ao ny soron'Andriambolafotsy izany hoe sorona natao angataham-pitahiana ny taom-pambolena sy fisaorana noho ny fiakaran'ny vokatra. Ao ihany koa ny sorona masay izay naompana amin'ny fanalàna ny ota fady sy natao hisorohana ny loza tsy hihatra. Misy koa ny sorona isa-patana izay natao indrindra angatahan-pitahiana amin'ireo Hery tsy hita manoloana ny fitadiavana sy fiharian-karena, na koa tojo tsy fahombiazana na zohin'aretina tampoka na anaty fotoana maharitra. Manaraka izany ny sorona tsangan-kavana izay miorina eo amin'ny sehatry ny fihavanana satria amin'io fotoana io no hahafahana mampiditra olona hafa ho isan' ny mpiray foko ka arakaraka ny zava-misy niainany sy ny olona mampiditra azy ao no misy ny anjara toerany eo amin'ireo ambaratonga ao amin'ny foko.

Samy manasongadina ireo sorona ireo avokoa ny zavatra rehetra atao amin'ity fiarahamonina ity na fanefana voady, na vavaka fisaorana, na fisantarana asa, eny hatramin'ny fitokanana zava-baovao aza, sns… Maneho ny finoana amam-pivavahana nentim-paharazana ny

sorona izay mifanandrify amin'ny joro, ny fanatitra, ny velirano any amin'ny foko sy faritra hafa eto Madagasikara. Ny lafiny finoana sy fivavahana no tena iorenan'ny toe-javatra dinihina eto kanefa voakasika amin'izany ihany koa ny mahaolona; ka ato anatin'ity lohateny izay nofidinay ity no hamehezana izany : " SORONA SY FOMBA FIVAVAHAN'NY ZANABIBIANDRIAKOMANJAKA AO SOAVINANDRIANA ITASY. ANDRAMPAMARITANA NY FIVAVAHAN-DRAZANA ETO MADAGASIKARA."

**0-3-Petraka olana**

Ahitana mivantana ny fanatontosana ny sorona ao Andrainarivo, Miantsoarivo, Andraibiby-Soavinandriana Itasy, izay faritra anisany ivondronan'ireo zanabibiandriakomanjaka. Mifototra amin'ny finoana sy fivavahana nentim-paharazana ny mponina. Manaporofo izany ny fisian'ireo toeram-panasinana toy ny Lavabaton'Andriambolafotsy, Vatomasina, Hazomasina, Fisoronana, Vatolahin'Ambatotokana, ary ireo toeram-panaovam-panatitra izay hita amin'ireo vohitr'Andriakomanjakabe. Etsy andaniny, manomboka miorim-paka ao an-toerana ny riba vahiny sy ny firehan-kevi-pinoana hafa ka efa miseho lany ankehitriny ny fifandonana sy ny fifaningoran'ny fomba tranainy sy ny fomba maoderina.

Eo anatrehan'izany, mahaliana sady ikaroham-panazavana ny lafiny hevitra, ny fihetsika, ny zavatra entin'ny tompon-tany mandamina sy mandrindra ary manatanteraka ny sorona. Ny zavaboaary sy ny tontolo manodidina no entin'ny olona anatontosana ny fivavahana. Manankasina noho izany ny natiora ary izany no fototry ny fivavahan-drazana. Omena hasina ny zavaboaary ka ivavahana satria heverina ho manam-panahy sy itobian'ny hery tsy hita maso, afaka manampy ny olombelona amin'ny fiatrehany ny fiainany andavanandro, ny asa fivelomany ary ny famolahany ny tontolo manodidina azy.

Ny fivoarana ara-teknôlôjia sy ny fanatontoloana dia nitondra fiovan-javatra ao Soavinandriana Itasy. Tsikaritra fa toa mifikitra amin'ny finoana tokana ny mpitondra sy ny solontenam-panjakana sasantsasany ka tsy miraharaha ny finoana sasany indrindra fa ny nentim-paharazana. Toa voatelina sady voasaron'ny fanjakana lehibe ny fanjakana kely ary tafapaka ao amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka izany. Efa hita miseho lany eny anivon'ny fiarahamonina ireo fihetsika mamoa-fady izay tsy fampiseho masoandro teo amin'ny fiarahamonina tranainy. Mipoitra noho izany ny fanontaniana hoe:

Inona marina no atao hoe sorona ?

Manao ahoana ny fomba fifandraisan'ny olona sy ny tontolo manodidina ny sorona? Miova ve ny fomba fanatontosana sy ny vontoatin'ny sorona ankehitriny raha oharina amin'ny fomba tranainy?

Manao ahoana ny tandindona, famantarana aseho eo am-panatanterahana ny sorona ary hatraiza ny akon'izay eo amin'ny fiainan'ny mponina malagasy?

**0-4-Ireo mpialoha lalana**

Nahaliana mpandinika maro ny famakafakana momba ny finoana amam-pivavahana nentin-drazana, ka anisan'izany ireto manaraka ireto :

DURKHEIM (E .), Mpikaroka sangany amin'ny fandinihana ny finoana ity mpikaroka ity sady raiben'ny haiolona momba ny finoana. Namantarana ity mpandinika ity ny fandinihany miainga ifotony ny mahakasika ny finoana amam-pivavahana tranainy. Amin'ny fahalalana ny fomba amam-panao sy ny finoana nentim-paharazana hoy izy, dia ilaina fantarina ireo fambara na faneho rehefa manatanteraka fivavahana[1].

Ny fandinihana mikasika ny finoana amam-pivavahana semita kosa no nimasoan'i ROBERTSON. Nifototra tamin'ny fanaovana sorona ny fomba fivavahan'ireo semita ka tamin'izany no nilazany fa an'ny olon-drehetra ny fivavahana ka misy adidy tsy maintsy efan'ny fiarahamonina amin'izany ; ary nambarany koa fa ny lanonana no mampisy lanjany ny sorona[2].

Nanadihady momba ny finoana amam-pivavahana ihany koa i SAPIR (E.) tao amin'ilay voka-pikarohany nampitondrainy ny lohateny hoe « Anthropologie ». Ity mpikaroka ity kosa indray dia nanoritsoritra ny amin'ireo karazam-pinoana hitany sy tsapany fa iainan'ny olona amin'ny fiarahamonina tranainy[3].

Ny fandinihana momba ny sorona teto Madagasikara kosa no niaingan'i AUJAS (L.) tamin' ny fikarohana nataony. Tao anatin'izany no nanasokajiany ny sorona : ho sorona natao ho fisaorana sy natao manokana ho an'ny fambolena mba hahatsara ny vokatra[4].

Tsy latsa-danja amin'izany koa ny mpandinika izay nanamarika fa efa nibahan-toerana teo amin'ny fiainana sy ny foto-pisainan'ny Ntaolo tokoa ny fivavahana amin'ny Zanahary sy ny Razana. Maro ny zavatra fadina sy tandremana mba tsy hahavoan-tsiny amin'izy ireny. Hoy indrindra ny filazan'i Adolphe RAZAFINTSALAMA momba izany, mifototra amin'ny finoana ka miteraka korontana sy loza ho an'ny tena, ny taranaka, na ho an'ny fananana na ny foto-

[1]DURKHEIM (E.), 1912 : « La présentation religieuse est en fait des représentations collectives ; l'essence des religieux ne peut pas être sacrée. » p.86

[2] ROBERTSON (SW.), 1907 : « La religion était la chose de tous, le devoir religieux une obligation sociale. … , Chaque sacrifice comportait une fête, et il n'y avait pas de fête sans sacrifice. »p.158

[3] SAPIR (E.), 1967 : « les différents types de croyances religieuses rencontrées chez les primitifs. » p.201

[4] AUJAS ( L.), 1927 : « On peut diviser les sacrifices en : sacrifices de remerciement ; ce sont des sacrifices d'action de grâces « sorona », sacrifices agraires : ces sacrifices sont usités lorsqu'on veut faire venir la pluie, si elle tarde à tomber, lorsqu'on désire obtenir une bonne récolte. »p.2

pivelomana raha tsy voatandrina ny fady. Hany ka notandremana fatratra ny fady rehefa manefa sorona na manao fomban-drazana hafa ny Ntaolo fahiny.

Nandinika momba ny finoana amam-pivavahana nentin-drazana ihany koa i JAOVELO-DZAO, ka tany amin'ny foko Sakalava no sehatra nanaovany ny fikarohana momba izany. Nambaran'ity mpandinika ity fa ny sorona dia fanatitra na fanoloran-javatra ka tsy azo alaina na kitihana intsony izay zavatra natolotra[5]. Nolazainy koa fa raha tsy misy ny fomba dia tsy misy ny fivavahana ; tsy mivaona amin'izany ny fivavahan'ny Sakalava hoy izy[6].

**0-5-Petra-kevitra**

Samy milaza, manoritsoritra, mamaritra ny momba ny finoana amam-pivavahan-drazana indrindra ny sorona sy ny fiheverany azy ireo mpialoha lalana notanisaina tetsy ambony. Iombonanay ny voalazan'izy ireo ary heverinay fa mitombina satria ny sehatry ny finoana amam-pivavahana sy ny fanakarana ny tontolo tsy hita maso no iorenan'ny sorona. Tsy dia mibahan-toerana loatra tao amin'ny fanehoan-kevitra naroson'ireo mpikaroka ireo kosa ny lafiny fihetsika, ny zavatra, ary ny hevitra enti-manatanteraka ny sorona. Tsy mivohitra loatra ny momba ireo tandindona, famantarana, sarin'ohatra miseho sy aseho mandritra ny fanatontosan ny fivavahana nentim-paharazana. Hoezahana hasongandina izany ato amin'ity asa fikarohana ity ka ny foko zanabibiandriakomanjaka no handinihana izany mivantana.

Tontolo iray efa nivalamparan'ny mpikaroka na mpandinika samihafa ny momba ny olombelona, ny rafi-piarahamonina ary indrindra ny finoana amam-pivavahana toy ny sorona. Ny sorona dia azo adika malalaka hoe: "firesahana sy fifandraisana mivantana amin'ny hery tsy hita maso afaka manampy ny olona izay miantsampy aminy; ary tanterahina miaraka amin'ny olona maromaro na ny mpiray foko izany hetsika izany".

Ny fandinihana momba ny sorona dia midika ho fandinihana ny fivoaran'ny mahaolona. Maneho an-tsary ny fombam-piainana, ny fihetsika, ny finoana sy ny tandindona, ny fifamatorana amin'ny ny hery tsy hita sy ny zavaboaary eo amin'ny tontolo manodidina. Tsy tongatonga ho azy ny hery manainga sy mandrisika ny zanabibiandriakomanjaka hanefa ny sorona fa ao ny hery sy fientanana manosika ny olona hanao izany. Amin'ity fiarahamonina ity, ny sorona dia sady fitaovana enti-miaro azy amin'ny hetraketraky ny natiora no enti-mitazona sy mitahiry ny soatoavina sy ny fomban-drazana malagasy.

[5] JAOVELO-DZAO (R.), 1996 : « sorona veut dire : « sacrifice, ce qu'on offre, qu'on immole en sacrifice ; argent consacré et qu'on conserve sans y toucher. »p.105

[6] « . …Sans rites pas de religion possible ; le culte Sakalava ne saurait échapper à la règle. »p. 103

**0-6- Fomba fiasa**

Ny fomba fandinika mampandray anjara mivantana ny mpandinika na ny « approche et observation participante[7] » no nampiharinay tamin'ny fanangonana ny akora iasana.

Dingana telo no nolalovana tamin'ny fanangonana ny akora.

Nirosoana voalohany ny fanangonana ny tahirin-kevitra mirakitra ny sorona sy ny fomban-drazana ary ny finoana amam-pivavahana nentim-paharazana. Tamin'ny alalan'ny famakiam-boky tany amin'ireo tranom-boky maromaro teto andrenivohitra: ny tranom-bokim-pirenena ao Ampefiloha, tranom-bokin'ny Rarihasina Analakely, Arisivam-pirenena Tsaralalana, IRD (Institut de Recherche et de Developpement) Ambatoroka, CIDST (Centre d'Information de Developpement Sientifique et Technique) Tsimbazaza ary ny tranom-boky ety amin'ny Anjerimanontolo no nanaovana izany. Nijery tranokala momba ny haiolona eto an-toerana sy maneran-tany mikasika ny sehatra iompanan'ny asa fikarohana.

Manaraka izay kosa dia niditra tamin'ny firotsahana an-tsehatra andinihana ny zava-misy sy ny trangan-javatra tao Soavinandriana Itasy. Nanaovana fandinihana maharitra sy niverimberenana tao Miantsoarivo, Andrainarivo ary Andraibiby noho ireo toerana ireo ifantohan'ny asa fikarohana atao sy misy ny toerana fanatanterahan'ny mpanjaka sorona fahavelony, toerana nonenany. Ao amin'ireo toerana ireo ihany koa no tena misy ny ivon'ny asa fikarohana satria ireo mponina ireo no valala fiandry fasana sy akanga sisa nanamborana mahalala ny tantara mikasika ny mpanjaka Andriambolafotsy sy ny antony ifikirany amin'ny kolontsainy sy ny fombam-pivavahana tranainy toy ny sorona.

Niresaka tamin'ireo sokajin'olona maro tao amin'ireo tanàna nidinana ifotony, toy ny mpiasan'ny kaominina, mpiasan'ny haino aman-jery tsy miankina ao an-toerana, ireo zokiolona, ireo mpampianatra ary ireo taranaky ny mpanjaka sy ny mponina mba hanampiana ny fahalalana azo. Narahim-panontaniana avokoa ireo fandinihana ireo. Na izany aza anefa nisy ihany ny fanombanana lavitra mba hahazoana mamantatra tsara ny tena fihetsika marina iainan'ny mponina.

Nanatrika ny fanaovana sorona ka amin'ny fomba milamina narahim- pahamalinana no nanatrehana izany mba tsy hanova ny fihetsik'ireo olona itarafana ny toe-javatra dinihana. Alamina araka ny tokony ho izy ny akora. Niezaka nanao jery todika ny zavatra hita rehetra tany amin`ny firotsahana an-tsehatra sy tamin'ny tahirin-kevitra. Manampy izay rehetra mbola ilaina nefa tsy hita tao amin'ireo akora efa voaangona.

[7] Christian MERIOT, *Approches anthropologiques du pied du soulier ;* Musée d'Ethnographie de l'Universite de Bordeaux II sur le thème : « Chaussures et Societés », 1980 .

Tamin'ny farany dia nanasokajy sy nandamina ary nandravona ireo akora voaangona rehetra ary niroso tamin'ny fandrafetana azy an-tsoratra.

### 0-7- Haitsikera

Mitaky haitsikera mazava sy mati-paika avokoa ny asa fikarohana rehetra. Noho izany mila fantarina sy fantenana tsara izay fomba fijery mifanaraka sy mifanandrify amin'ny lohahevitra. Koa eto dia ny haitsikera antsoina hoe « analyse sur un large front » no heverinay fa azo hitondram-panazavana sy famakafakana mikasika ny finoana sy fombam-pivavahan' ny zanabibiandriakomanjaka.

Niorina ny tamin'ny taona 1970[1950] ny haitsikera « Analyse sur un large front ». Fomba fiasa mandinika ny manontolo sy ny ampahany ao amin'ny fiarahamonin'ny biby sy ny olombelona. Ity haitsikera ity koa dia mametraka hatrany ny zavatra hanaovam-pandinihana ho manana toetra vondrona[8]. Misongadina ato anatin'ity fomba fiasa ity koa, ny maha zava-dehibe ireo singa tsirairay mandrafitra ny vondrona sy ny anjara asany. Avondrona ho tontolo iray ireo ka tsy azo sarahina ary mifampiankina sy mifameno tanteraka ; izay no mampisy lanjany ny zavatra iray hodinihana[9]. Itambaran'ny siantsa rehetra ity haitsikera ity izay tsy natao ijerena mitokana ny singa fa hijerena azy araka ny fifamatorana sy ny fifandraisana amin'ny manontolo.

### 0-8- Tanjona

Atao mba hanatsarana sy hampandrosoana ny fiainan'ny zanak'olombelona ny asa fikarohana. Tanjona amin'ny famakafakana an'ity lohahevitra ity ny handrefesana ny lanja sy ny finoan'ny Malagasy ankehitriny eo anatrehan'ny fivoaran'ny teknôlôjia vahiny sy ny fanatontoloana mahery vaika. Hitondrana tolo-kevitra hanampiana ny mpitondra fanjakana amin'ny fampirindrana ny tetika na paikadim-pampandrosoana sy ny finoana aman-tsoatoavin'ny mponina. Hotrandrahina ity lohahevitra ity mba hahazoana ampaham-bokatra hoenti-manatevina ny fahalalana ny olona sy ny fahaizana ny fiaraha-monina Malagasy ka hoenti-manabe sy mitaiza ny taranaka. Ny fahalalana ny amin'ny sorona sy ny fomba fivavahan-drazana dia antenaina fa hanazava ny lalana hampandrosoana ny fari-paiainan'ny zanabibiandriakomanjaka sy ireo fiarahamonina hafa manana fomba mitovitovy amin'izany.

---

[8] LORENZ (K) 1950 : 80 ; « L'analyse sur un large s'impose chaque que l'objet examine porte le caractère d'une totalité ».

[9] LORENZ (K) 1950 : 79 ; « Le rôle que chaque élément pris en particulier joue dans l'ordonnance du tout ne peut, par principe, être compris que simultanément avec celui de tous les autres éléments participant au tout »

**0-9- Drafitry ny asa**

Mizara telo lehibe ny drafitra itondrana ny famelabelarana ity asa fikarohana ity

Fanolorana ny seha-pikarohana no hita amin'ny fizarana voalohany, izay milazalaza momba ny tontolon'i Soavinandriana amin'ny ankapobeny. Hojerena amin'izany ny mikasika ny toerana, lafiny ara-piarahamonina, ny fipitsika mifehy ny zanabibiandriakomanjaka ary ny hery miafina itompoan'ity foko ity.

Ao amin'ny fizarana faharoa kosa no andinihana mikasika ny sorona sy ny tandindona ary ny fomba maro samihafa enti-mandamina azy. Ka asongadina amin'izany ireo sorona tontosaina, ireo tandindona ampiasaina amin'izany, ny andraikitry ny tsirairay ary ny fomba amam- pihetsika atao amin'izany.

Ny hevitry ny sorona no hamaranana azy ao amin'ny fizarana fahatelo. Ato no anolorana ny dikan'ny sorona, ny finoana ijoroany, ny soatoavina na fahendrena iorenany ary ny sorona manoloana ny fampandrosoana.

## Fizarana voalohany

# Fanolorana ny seha-pikarohana

## I-FANOLORANA NY SEHA-PIKAROHANA

Miompana amin'ny fanasongadinana ny momba ny toerana nirotsahana an-tsehatra ity fizarana voalohany ity. Amin'ny alalan'ireto venti-kevitra vitsivitsy ireto no hitondrana ny famahavahana izany : famaritana ny toerana, ny lafiny ara-piarahamonina, ny fitsipika mifehy ny Zanabibiandriakomanjaka ary ny hery miafina izay iorenan'ny finoan'ity vondrom-piarahamonina ity.

### 1.1. Famaritana ny toerana

Iavahan'ny foko na faritra iray ny toerana misy azy, ny mponina, ny tantarany izay maneho ny maha izy azy manokana ; toy izay hita ao Soavinandriana Itasy.

#### 1.1.1. Ny distrikan' i Soavinandriana sy ny toeran'ny zanabiby

Iray amin'ireo renivohitry ny distrika telo mandrafitra ny faritra Itasy ny distrikan'i Soavinandriana. Efapolo amby zato kilaometatra (140km) miala ny Renivohitr'i Madagasikara. Manana velaran-tany mirefy 199 $km^2$. Onenan'ny mponina miisa 41225 eo ho eo. Toerana tsy lavitra ary tafiditra ao amin'ny kaominina Soavinandriana no misy ireo vohitra telo mifanatrika Andrainarivo, Miantsoarivo, Andraibiby, toerana onenan'ny zanabibiandriakomanjaka.

Amantaran'ny maro an'i Soavinandriana ny hoe Renivohitry Mandridrano. Anarana iantsoana ny fitambaran'ireo mponina ao an-toerana izany. Ahitana karazam-poko maro ao amin'io distrika io. Ao ireo foko tranainy ary ao ireo foko mpiavy vao tonga taty afara. Ireo vondron'olona ireo dia saika mivelona amin'ny asam-pambolena sy fiompiana ary ny jono avokoa. Ka izany asany izany no mametra avy hatrany ny faritra sy ny toeram-ponenany. Noho izany lasa mitsitokotoko isam-bondrona ny mponina. Manampy trotraka izany koa ny tsy fitovian'ny fomba amam-panao sy ny kolontsaina nahazatra sy niainana tany amin'ny faritra niavian'ny vondrona tsirairay.

Malaza amin'iny faritra iny fa tanànan'ny Zanabibiandriakomanjaka Soavinandriana noho ity foko ity nanorim-ponenana voalohany tao an-toerana. Zanatany ao amin' iny distrika iny ny zanabibiandriakomanjaka. Tazana ao koa ny foko hafa toa ny Tamoronala, ny Berimanendrika, ny Zanakolo, ny Maroandriana, ny Manantompo. Saika Vazimba sy Merina ary Sakalava ireo foko ireo na nisy aza ny avy amin'ny fokom-piaviana hafa toy ny foko mpiavy sy mpila ravinahitra: Betsileo, Antandroy, Sihanaka,….saingy vitsy anisa ihany ireo fa ny tena maro anisa ao dia ny Zanabibiandriakomanjaka sy ny Berimanendrika. Tsy nitsaha-nitombo ny mponina tao an-toerana. Noho izany hamaroany izany dia "Marotanora" no anarana iantsoana ny mponina.

Ambaran'ny tantara sy ireo zokiolona fa tany amin'ny faraparan'ny taonjato faha17 no tonga nanorim-ponenana tao Soavinandriana ny mpanjaka Andraibibiandriakomanjaka. Avy any

Miantsoarivo andrefan'Ankaratra ity mpanjaka ity. Nalaza tamin'ny fitiavam-biby sy ny fanajana ny tontolo manodidina azy izy, ary mandraka androany ny taranany dia mifady ny mamonovono biby afa-tsy ny biby manota sy ny biby manonto. Rehefa niamboho Andraibibiandriakomanjaka dia Andriambolafotsy Andriakomanjakabe zanany lahimatoa no nandimby azy. Tsara fanahy sy nahay mitondra olona izy. Izy no nanajary ilay lava-bato ao Miantsoarivo ho fitoerana masina fanaovana sorona sy fanampiana ny olona amin'ny olana mianjady aminy.

Tany amin'ny fiandohan'ny taonjato faha18 dia nandritra ny rano atao tanimbary ny mponina ; faly noho izany ny mpanjaka ka novany ho "Mandridrano" ny anaran'ny mponina ary "Noasoavin'ny andriana" ny anaran'ny tanana izay lazaina hoe "Soavinandriana" amin'izao fotoana ary "Mandridrano" kosa ny anaran'ny mponina. (DESCHAMPS, 1959 ; 236 )

### 1.1.2. Vohon-tany sy toetr'andro

Ahitana tendrombohitra sy havoana ao amin'ny kaominina Soavinandriana. Manana haavo 1700 m miala ny ranomasina izy. Na izany aza anefa ahitana lemaka midadasika ihany koa ao amin'ity kaominina ity toy ny lemak'i Fitandambo, lemak'i Zanakolo, Tamoronala, Mahazina, Lemak'i Kazanga sy Andranomiely. Lemaka fambolem-bary avokoa ireo. Hita ao an-toerana ny karazan-tany volkanika sy baiboho izay tany mamokatra amin'ny ankapobeny.

Mizara roa miavaka tsara toy ny fahita amin'ny faritra afovoan-tany rehetra ny toetr'andro ao an-toerana. Enim-bolana isan-taona ny ririnina; May hatramin'ny Oktobra; vanim-potoana maha maina ny andro saingy mamirifiry sy mangatsiaka. Ny volana Novambra hatramin'ny Aprily kosa no fotoam-pahavaratra. Mafana sy manorana amin'io fotoana io. Eo amin'ny 1400 mm isan-taona ny rotsak'orana ao aminy.

### 1.1.3. Ny foto-pivelomana

Maro karazana ireo asam-pivelomana fanao sy hita ao amin'iny faritra Soavinandriana iny fa ny fambolena sy fiompiana no tena mibahan-toerana amin'izany.

**Ny fambolena**

Vaindohan-draharahan'ny mponina, indrindra fa ireo foko Zanabibiandriakomanjaka sy ny foko tranainy ny voly vary. Ahitana lemaka midadasika sy velaran-tany azo ajariana ho tanimbary, ary eo ihany koa ny baiboho izay azo volena vary an-tanety.

Mifofotra mafy amin'ny fambolem-bary ny isan-tokantrano. Efa voatsinjara isam-pianakaviana ny tanimbary ka samy manao izay hahatomombana ny azy ny tsirairay avy. Misy kosa anefa ny tanimbary natokana ho an'ny Lohavohitra telo, izay antsoina hoe :

« tanin'andriana » sy ny zara-tanimbarin'ireo nila ravin'ahitra ivelan'ny faritra izay napetrany amin'ireo zokiolona ; iombonan' ny mpiray foko ny fanaovana ny asa tanimbary amin'izany. Mialohan'ny hanombohana ny lahasa amin'ireo tanimbary ireo isaky ny fotoam-pambolena dia manao sorona. Ifandimbiasan'ny zokiolona isam-bohitra ny fanefana ny lany rehetra amin'ny fanaovana ny sorona.

Mbola mivelatra sy hita taratra ao amin'ity fiarahamonina ity ny fomba fiasa nentin-drazana toy ny findramana, ny valintanana, ny tombok'andro, ny farimbona. Fomba fiasa nolovainy tamin'ireo razany izany ary mbola zohiny sy ankatoaviny hatramin'izao. Ny soatoavina iorenan'ireo dia ny fifamaliana ara-kasa, fifanampiana, firaisankina, fifarimbonana eo amin'ny fanefana ny voly vary. Ny fitaovam-pambolena toy ny angady, ny angadin'omby, ny sarety sy omby ihany no mbola ampiasain'ny mponina hoenti-manatanteraka ny lahasa. Misy ny manana ny azy mahaleo tena fa ny tsy manana kosa dia mampiasa ny « angadin'ny Ntaolo » izay ao amin'ny « trano fitahiry ».

Tsy mba nanao ambanin-javatra ny fambolem-bary ny mponina. Reharehan'ny olona ny fanana tanimbary sy fananana vary betsaka ; fanefana ny satan'andriana amin'ny sorona sy ny fomba-drazana hafa ny vary. Hany ka henatra, fahafaham-baraka eo amin'ny tany ama -monina izany fianakaviana tsy mba manana tanimbary izany na koa tsy mba mavo ranjo fotoam-potaka na tsy mamboly vary.

Mitahiry finoana mifamatotra amin'ny hery tsy hita maso ny fambolem-bary ary ekena ho tolotra avy amin-Janahary izany. Tanindrazana iandohana ny tanimbary ary tanindrazana iafarana ny fasana. Singa iray tsy afa-misaraka amin'ny lanonan-drazana ny vary, ary fototra maha iray aina ny zanabibiandriakomanjaka ny fisiany.

Tsy nihanina tamin'ny fambolem-bary fotsiny anefa ny foko zanabiby fa namboly hanin-kotrana, voamaina, legioma, voankazo. Hany ka rakotra izany ny lohasaha, ny tanety, ary ny toerana manamorona ny renirano. Ankoatra izay dia manao voly dimbialotra ny mponina rehefa miala ny vary be.

**Ny fiompiana**

Tsy afa-misaraka amin'ny sehatry ny fambolena ny fiompiana ao Soavinandriana. Ampiasain'ny tantsaha ao an-toerana amin'ny fikarakarana ny tany ambolena mantsy ny vokatra azo avy amin'ny biby fiompy.

Loharanon-karena eo amin'ny foto-pisainana malagasy ny omby. Loharanom-bola ary fitaovam-pamokarana goavana iatrehana ny asam-pambolena. Manana ny anjara toerany ity biby

ity amin'ny zanabibiandriakomanjaka na dia tsy maro loatra aza izany. Tandindon'ny kolontsaina malagasy ny fananana azy.

Ny ankamaroan'ireo zanabiby dia miompy omby avokoa. Manan-danja aminy ny fananana izany satria voninahitra sy marika maneho ny maha izy azy ny tokantrano iray ny fananana izany. Tsarain'ny olona ho tsy manam-bariraiventy ny olona tsy manana omby ; kiriorion'olona na tsy manana tongotra alika iray no ilazany azy.

Tsy harena na fananana na fitaovana hoenti- manatanteraka asa fotsiny ihany anefa ny omby ao amin'ity fiarahamonina ity fa fitaovana enti-manefa fomban-drazana toy ny sorona, famadihana, sns. Mahavery ny hasina maha izy azy sy mampidi-tsaranga ny fianakaviana eo amin'ny fiarahamonina ny tsy fananana azy.

Ahitana fiompiana kisoa ihany koa ao amin'ity fiarahamonina ity saingy tsy dia mibahan-toerana loatra. Manampy izay dia ny fiompiana akoho amam-borona izay hita fa miroborobo tokoa ao an-toerana na dia mbola mifikitra amin'ny fomba nentim-paharazana aza ny fikarakarana azy.

Azo lazaina ho mampidi-bola sy mampitombo ny harin-karen'ity foko ity kosa ny jono satria saika mandavan-taona no hanatanterahany izany. Eo ihany koa ireo miompy izany anaty dobo sy anaty tanimbary.

### 1.1.4. Ny asa tanana

Kolontsaina efa nolovaina tamin'ireo ray aman-dreny tany aloha ny fampianarana sy fitaizana ny ankizy dieny mbola kely hanana fahazarana amin'ny fanaovana asa tanana. Na lahy na vavy samy novolavolaina ho amin'izany mba hahafahany sahady miatrika ny fiainany sy mitsinjo ny ho aviny.

**Ny taozavatra**

Hain'ny zanabiby tsara ny manodina ireo akora manodidina azy ho fitaovana fampiasa eo amin'ny fiainana an-davanandro na koa amin'ny vanim-potoana miavaka. Mandrafitra ny lehilahy, ary anisan'ny fitaizana ireo zazalahy kely ny fitondran'ireo raim-pianakaviana azy ireny any an'ala haka hazo anaovana fitaovana na fanaka samihafa ; eo koa ny fanazarany azy ireny iara-mandrafitra aminy mba hahatonga ny ankizy hahafolaka tsara ny asa mandra-pahalehibeny. Maro ireo karazan-kazo ampiasain'ny zanabiby amin'izany : ny kininina sy kesika ary volotsangana. Ireny no alainy any anala sy eny andohasaha ka anamboarany fitaovana samihafa toy ny farafara, latabatra, seza, laona,…

Ny rary sy ny tenona kosa no mampalaza ny vehivavy ary adidin' ny reny ny miandraikitra ny fampitam-pahalalana momba izany amin'ny zanaka vavy. Manjary fanao mahazatra raiki-tampisaka izany teo amin'ny fitaizana ny ankizy hany ka vao mbola kely ireo zazavavy dia efa mahavita taobody sy rary tsihy tokan-dela. Maro ireo akora fototra ampiasainy amin'izany : hisatra, zozoro, vinda, bozaka, horokely ka ahavitany karazan-javatra maro toy ny haingon-trano, satroka, harona, tsihy,... Araka izany, tsy mananosarotra ny mponina amin'ny famoriana ny fitaovana ilaina amin' ny sorona na amin' ny fomban-drazana hafa satria ao an-tanàna ihany dia efa hita izany.

Henatra hoan'ny zanabiby ny tsy fahaizan'ny zanany taozavatra. Sokajiana ho zaza tsy mba nomen-dreniny fanabeazana ka tsy afaka hitondra tokantrano sy hahavita adidy amin'ny mpiara-belona aminy ny tovovavy tsy mahay mandrary.

**Ny taotrano**

Azo lazaina ho manan-talenta ireo zanabiby amin'ny fanorenana trano satria tsy vitsy amin'izy ireo no mahay mandrafitra trano. Zava-dehibe loatra amin'ity fiarahamonina ity ny fananana trano. Aminy dia tsy ataotao foana ny fanorenana izany fa ilaina jerena tsara ny toerana anaovana azy sy ny andro hananganana azy na mifanaraka amin'ny vintan'ilay tompony na tsia. Ireo zokiolona ao amin'ny vohitra no hatonina raha hanangana trano. Ireo no manoro izay toerana tsara mety hanorenana izany.

Ny vanim-potoana main-tany no fotoana ananganana trano ao amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka. Tsy fanaon'ny olona loatra ny manao trano amin'ny vanim-potoana fahavaratra satria fady amin'ny zanabibiandriakomanjaka ny mipai-bato fahavaratra, ka sao, hono, hamoa-doza raha tsy voatandrina izany ka ota fady ny tany ary hisy ny havandra hanimba ireo vary sy ny fambolena hafa mbola eny an-tsaha.

Mahavoasazy eo amin'ity fiarahamonina ity raha hikapa hazo hanaovana trano ka tsy hanao sorona na fanatitra ho mari-panajana ireo razana tompon'ny hazo sy ireo hery masina ao amin'ny zavaboaary. Araka ny finoan'ireo zanabibiandriakomanjaka dia mahatezitra ny Zanahary sy ny Razana ary ireo fanahy ao amin'ny natiora ny tsy fanaovana ny sorona raha hikapa hazo ; ka mitera-doza eo amin'ny fiarahamonina.

Betsaka ny zavatra fadin'ny zanabibiandriakomanjaka amin'ny fananganana trano. Tsy azo atao ao amin'ity vondrom-piarahamonina ity ny mampiasa ny lehilahy kaboty ray na reny mandrindra ny fiadiana fototra fa mahakizo fara. Rehefa misakafo tsy mety ny manapitra ny sakafo eo an-dovia fa tsy maintsy asiana sisa, mba hirariana ny tompon-trano hanana ambim-bava any aoriana any, hono, no anaovana izany.

Tsy nampiasain'ny Ntaolo hanaovan-trano avokoa akory rehefa mety ho hazo, ary tsy nankininy amin'ny hamafiny no ampiasaina azy. Misy antony manokana amin'ny Ntaolo malagasy sady narahiny finoana ny fandavany tsy hanao trano amin'izay hazo fady. Koa rehefa hanao trano dia notandremana fatratra sao misy hazo fady tafiditra amin'ny hazo hanorenan-trano[10].

### 1.2. Lafiny ara-piarahamonina

Mahay mifanindran-dalana hatrany ny fitsipika sy ny rafitra najoron'ny fokonolona sy ny fanjakana entim-bahoaka ao amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka. Manaiky sy mankato izany na ny tompon-tany na ny mpiavy**.**

#### 1.2.1. Ny fanjakana Zanabibiandriakomanjaka

Ahitana karazam-poko maro ao Soavinandriana izay samy manana ny fanjakany sy ny filoha mpitarika azy. Ao ny Berimanendrika izay niorim-ponenana ao Kazanga sy Mahatsinjo. Ny Maroandriana nonina ao Ambohidanerana. Ao koa ny Tamoronala izay nipetraka manamorona ny lalam-pirenena faha 43 manomboka ao Mahazina ka hatrany Ambohinirina. Hita ao ihany ny Zanakolo izay andiany miori-mponenana ao Ampasika sy Ampiakarana ary niitatra hatrany Ampary. Ny Manatompo kosa indray manomboka ao Miadamanjaka hatrany Ampefy. Ny faritra Andrainarivo, Miantsoarivo, Andraibiby kosa no misy ny Zanabibiandriakomanjaka.

Taranak'Andraibibiandriakomanjaka avy any Miantsoarivo Andrefan'Ankaratra ny Zanabibiandriakomanjaka. Noho ny fisian'ny valan'aretina pesta izay nandripaka olona maro tany amin'ny toerana nisy azy no nahatonga azy nandao ny vohitra nipetrahany ka nikisaka nianatsimo Andrefana tao Soavinandriana izy nomban'ireo biby fiompiny tamin'ny faraparan'ny taonjato faha17 ; ary nanorim- ponenana tao. Mamboly sy miompy ny foto-pivelomany ka nety tsara taminy ny toe-tany sy ny zavaboaary hitany tao. Afaka nampitombo sy nampivelatra ny velaran'ny tanimbary azo novolena tamin'ny alalan'ny fandritana ny rano ho tanimbary ity vondrom- piarahamonina ity.

Nifandovana hatrany ny fitondrana ny fanjakana teo amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka ka ny zanaka lahimatoan'ny mpanjaka hatrany no mandray ny fanjakana. Atolotry ny mpanjaka ny zanany lahimatoa ny fitondrana rehefa tratra antitra ka tsy mahazaka fitondrana intsony izy. Imason'ny mponina rehetra no anaovany izany ary arahina

[10] ANDRIAMANANTSIETY (Z. J.) sy ANDRIAMISAODRAY (J.), *« Ny fomba fanaon'ny Ntaolo hova* trano *»,*Ny Mpanolontsaina, n°51, jolay 1916, p. 159-167 : « koa raha hanao trano ny izy dia notandremany tsara fandrao tafiditra amin'ny trano hatao ireo hazo iret, fa hazo fady : fandirana, tomonja, fanely na volomborona, malemilahy na voretra, hazomafana, maintifototra, romoromo, vintanina, hidina, ampody, sns »

lanonana sy fiaraha-misakafo. Mandimby toerana avy hatrany kosa ny zanany raha misy ny fahafatesany am-perin'asa.

Toy izao manaraka izao ireo mpitondra nifandimby teo amin'ny fanjakana zanabibiandriakomanjaka ; araka ny fitantaran'ny zokiolona[11] tao an-toerana.

Andraibibiandriakomanjaka (Faraparan'ny taonjato faha 17)

↓

Andrimbolafotsy Andriakomanjakabe 1840

↓

Andriakopakopaka 1868

↓

Andriambelonjanahary 1889

↓

Andrianabezanahary 1910

Marihina etoana fa na dia tsy hita mivantana intsony aza ny fitondrana mpanjaka ao amin'ity foko ity amin'izao fotoana izao dia mbola misongadina kosa ny fitondran'ny Fehiloha sy ny Lohavohitra izay zokiolona avy amin'ny taranaky ny mpanjaka. Izy ireny indray no mitantana sy mitondra ny foko.

### 1.2.2. Ny fahefana amam-pitondrana

Manan-danja ny rafi-pitondrana nenti-drazana raha ampitahana amin'ny fitondram-panjakana. Na dia izany aza anefa dia manaiky sy manaraka ny lalàna napetraky ny fanjakana ao an-toerana ny zanabibiandriakomanjaka. Milamina sy mirindra hatrany ny fiaraha-miasan'izy ireo. Porofon'izany ny fisian'ireo sehatr'asa iantsorohan'ny solontenam-panjakana toy ny birao sy toeram-piasana samihafa.

Mihatra eo anivon'ity fiarahamonina ity ny tsinjara fahefana manao an-tanan-tohatra. Ny fehiloha na ny zokiolona indrindra amin' ny taranaky ny mpanjaka ao amin'ireo vohitra telo no tompon'ny fahefana faran-tampony. Manaraka azy ny Lohavohitra mpitondra sy mifehy ny vohitra tsirairay. Goavana ny adidy aman'andraikitra iantsorohan'ny Fehiloha sy ny Lohavohitra satria sady mitantana ny vahoaka no misahana ny raharaha mikasika ny fomban-drazana ao amin'ny foko. Mpanelanelana ny vahoaka amin'ny Razana sy ireo hery tsy hita ihany koa izy ireo.

[11] RAZEFA, 75 taona zokiolona monina ao amin'ny vohitra Andrainarivo.

Mpandrindra sy mpitarika ny sorona ny Fehiloha sy Lohavohitra satria izy ireo no manao izay hahatomombana ny vavaka sy rary atao mandritra ny sorona.

Samy manatanteraka ny adidiny sy ny andraikiny avy ny tsirairay ao amin'ny zanabibiandriakomanjaka mandritra ny fanaovana ny sorona ary samy mihevitra izany ho adidy masina tsy maintsy atao. Ny Fehiloha sy ny Lohavohitra no manao ny rary sy saotra amin'ny soron-dehibe. Ny Lohavohitra irery ihany no manefa izany amin'ny sorona masay. Anjaran'ireo vahoaka isam-bohitra kosa ny manao ny raharaha rehetra momba izany. Saingy manaraka ny tsinjara asa mifanandrify amin'ny an-tanan-tohatra misy ny tsirairay.

Manana ny hasina maha izy azy ihany koa ny mpanandro ao amin'ity foko ity. Iankinan'ny ain'olona tokoa izy indrindra fa amin'ny fanaovana ny sorona sy ny fampilaharana ny vintana amin'ny zavatra eo amin'ny fiainana an-davanandro.

Mirindra tsara ny tsimbalivalim-pifandraisana misy eo amin'ny Fehiloha, ny Lohavohitra ary ny fokonolona. Mifanitsy sy mifampitaiza ny Lohavohitra sy ny fokonolona. Mifanampy ara-tsaina, ara-bola, ara-pitaovana ihany koa izy ireo ary indrindra ny ara-kevitra. To teny sy henom-pananarana ireo zokiolona ary samy manaiky ny rafitra napetrany ny rehetra na tompon-tany na vahiny.

### 1.2.3. Ny fiheveran-javatra

Iray vatsy ary iray aina ny zanabibiandriakomanjaka ka miara- miaina sy mifampitondra ao anaty fitsipika iray izay najoro ifampifehezana. Raha misy olana sy ny trangan-javatra manahirana eo amin'ny vohitra dia hoentina ao amin'ny Lohavohitra sy ny Fehiloha. Izy ireo no mandrindra sy mandamina ny andro andinihana ny raharaha. Rehefa tapaka izay fotoana anaovana izany dia ampandalovina ao amin'ny solontenam-panjakana misy ao an-toerana toy ny Sefo fokontany, Ben'ny tanana,…. Matetika dia ny andro fady tsy iasana toy ny Talata sy Alahady no tanterahina ny fivoriana. Ny raharaha mila fandinihana maika kosa dia tontosaina ny takariva.

Samy manana ny toeram-pivoriany ny vohitra tsirairay avy ao amin'ny zanabibiandriakomanjaka ; fa misy ny toerana manokana hivoriana rehefa handinika mikasika ny soron'Andriambolafotsy sy ny sorona tsangan-kavana. Ao Andrainarivo no anatanterahana azy ; eo amin'ny famoloana izay toerana nisy ny tranon'ny mpanjaka fony fahavelony no toerana anaovana ny fivoriana ka tsy maintsy manatrika izany daholo ny mpiray foko. Ny raharaha hafa ankoatra izay kosa eny amin'ny toeram-pivorian'ny vohitra tsirairay avy no atao. Indroa isan-taona no hanaovana io. Ny mpiray vohitra ihany no manatrika ny fivoriana ka eo no amborahana ny alahelo, ny fitarainana. Miara-mihevitra sy mandinika izany ny olona sy ny Lohavohitra ka mamoaka izay sazy ho an'izay voaporofo fa nanao ny tsy mety.

Tsy fotoana fandinihan-draharaha fotsiny ihany ny fivoriana atao ato amin'ity foko ity fa natao indrindra hampahatsiahivana ny fady tany sy ny fomba ary ny fitsipika mifehy ny foko. Eo koa no andraisana sy itsofan-drano voalohany ireo « zanabiby solo » izay vao avy natsangana tamin'ny sorona tsangan-kavana.

### 1.2.4. Ny fandrindrana ny vohitra telo

Vohitra telo mifanatrika no misy ny toeram-ponenan'ny zanabibiandriakomanjaka. Andrainarivo ao avaratra, Miantsoarivo ao atsimo ary atsinana kosa no misy an'Andraibiby. Samy manakaiky tanimbary avokoa ireo toerana ireo.Tsy nanova ny lamina nametrahan'ny razana ny vohitra ny taranaka zanabibiandriakomanjaka taty afara fa nitazona izany.

Samy manana ny hasina maha izy azy ny vohitra tsirairay. Iavahan'i Miantsoarivo amin'ny ireo vohitra roa hafa ny fisian'ny lavabaton'Andriambolafotsy izay toeram-pisoronana anaovan'ity foko ity fivavahana. Ao Andrainarivo kosa no misy ny fasana anafenana ny taolam-balon'ny mpanjaka izay mbola hasinin'ny olona sy hangatahany fitahiana hatramin'izao. Hita ao Andraibiby kosa ny ranon'Antaboaka izay loharano masina fakan'ny olona rano hafafy rehefa hanao sorona na fomban-drazana. Anaovan'ny olona fanatitra na fanalam-boady ihany koa io toerana io.

Efa voarindra tsara ny lamina nitsinjarana ny toerana. Ary toraka izany koa ny tokontany satria efa nolovaina tamin'ireo Razana ny faritra onenana. Tsy misy mihevitra ho manam-be sy kely ny mponina fa samy manaiky ny fizarana. Hita soritra eo amin'ity foko ity ny fitovitovian'ny trano onenana isaka ny vohitra sy ny firafitry ny tanàna.

Hita eny amin'ny toerana avoavo, eny an-tendrombohitra ny vatomasina, ny vatolahy, ny hazo amontana,…izay toeram-panasinan' ny mponina. Eo amin'ny sisiny atsinana amin'ny fasan'ny mpanjaka kosa no misy ny tandrok'omby mazava loha izay anaovan'ny olona fanatitra rehefa handeha hihary ivelan'ny faritra izy.

## 1.3. Ny fitsipika mifehy ny zanabibiandriakomanjaka

Ny fitsipika dia fenitra, lalàna iaraha-manangana sy fomba ifampifehezana ka ifaneken'ny olona samihafa ao anatin'ny vondrona na fiarahamonina iray. Mampihatra ny fitsipi-pifehezany ny zanabibiandriakomanjaka.

### 1.3.1. Ny dina

Fomba iray napetraky ny zanabibiandriakomanjaka hitaizana ny mponina ao aminy hahay ankato sy anaiky ny fitsipika sy rafitra ny dina. Fitaovana mahomby andravana ny tsy fandriam-pahalemana eo amin'ny fiaraha-monina ihany koa izy.

Tsy nosambotsamborina na noforomporonina ny dina fa fitsipika nolovaina tamin'ireo Razana. Efa mahazatra ny zanabibiandriakomanjaka ny miaina izany ; na eo aza izany dia tsy manova ny fomba fiainana fa vao mainka aza mampiditra azy anaty fiarahamonina anjakan'ny fandriam-pahalemana sy milamina.

Mifampiera sy mifampidinika hatrany ity fiarahamonina ity mialohan'ny anatanterahana zavatra iray. Ny hevitra tapaky ny besinimaro amin'ny fivoriana no ankatoavina sy ampiharina. Tsy mitovy avokoa ny dina efain'ny olona fa arakaraka ny fahadisoana ataony no mametra ny sazy aloany.

Maro ny zavatra mahavoa ny dina ao amin'ny foko zanabiby : ny hala-botry, tsy fanatrehana fivoriana, tsy fanefana ny satan'andriana, sns. Manomboka amin'ny fanefana sazy ny dina, ohatra mandoa vola dimy arivo ary miafara hatramin'ny fandroahana tsy ho isan'ny foko intsony. .

Amin'ny ankapobeny dia samihafa ny dina mifehy ny fifandraisan'ny mpiray foko na mpiray monina sy ny dina ifampifehezan'ny mponina sy ny fokontany. Iray ihany anefa ny tanjona tian-ko tratrarina amin'izany dia ny anabeazana ny mponina anaraka ny fitsipika izay napetraka andrindrana ny fiarahamonina.

### 1.3.2. Ny fady

Rafitra napetrak'ireo razana teo aloha handrindrana ny fiarahamonina ny fady. Mazàna miteraka fikorontanana na loza mihitsy na tsiny avy amin'ny razana sy ny natiora ny fandika azy ireny. Fitaovana enti-miaro amin'ireo loza sy ny trangan-javatra tsy ampoizina mandalo eo amin'ny fiarahamonina izany ; hany ka notoavina sy nolalaina fatratra tao amin'ny fiaraha-monin'ny zanabibiandriakomanjaka.

Toy ny lalàna ifampifehezana sy zohina eo amin'ny fivavahan-drazana ny fanajana ny fady eo amin'ny fiarahamonina. Ka ny olombelona rehetra any amin'ny toerana misy azy avy dia manaja sy mankato izany avokoa na fady tany io na fadin-drazana. Midika izany fa misy fenitra tsy maintsy arahina ao amin'ny vondrom-piarahamonina tsirairay avy ; ary ny isam-batan'olona dia miaina sy mampihatra izany eo amin'ny fiainana andavanandro sy amin'ny vanim-potoana miavaka.

Azo sokajiana roa mazava tsara ny fady ao amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka : ny fady maharitra sy ny fady mandalo[12]. Ny fady maharitra dia ny fadin-drazana sy ny fady tany izay tandremana sy hajain'ny taranaka mandava taona. Antsoina hoe fady mandalo kosa ny fady izay voafetra ao anaty fotoana fohy ny fandrarana ny fanaovana azy ; ohatra, ny fady amin'ny fanaovana fomban-drazana toy ny hasoavana, ny fady mandritra ny fanaovana ny sorona.

Tsy sasatra ny mampita izany fady izany amin'ireo taranany ny foko zanabibiandriakomanjaka ; tsy adinony ny mampahatsiahy izany isaky ny manao sorona. Heverin'ity foko ity fa mampirindra sy mampilamina ny fifandraisany amin'ireo Razana sy ny hery tsy hita ary mampahomby azy amin'izay zavatra angatahiny ny fanajana ireny fady ireny.

### 1.3.3. Ny fanajana ny fomba nentin-drazana

Mampisy lanjany sy mamelona ny fiarahamonina iray ny fisian'ny fomban-drazany mioripaka sy mahazo vahana ao aminy. Manjary fanoitra entiny miatrika ny faharavana kolontsaina sy fomba izany.

Malaza amin'ny fanajana ny fomban-drazany ny zanabibiandriakomanjaka. Ankatoavina fatratra izany. Tsy misy eo amin'ity foko ity raha handeha ivoaka ny trano ka tsy ilelaka tanimasina sy tantely ary anosotra izany amin'ny lohany. Izany no ataony dia mba ho fiarovana amin'ny loza. Miala satroka ihany koa ny mponina rehefa mandalo ny fasan'andriana. Mbola voahaja daholo ny fomban-drazana rehetra fanao ao amin'ity foko ity. Raha tsy ilaza afa-tsy ny fanaovana sorona sy ny fanatitra atao eo amin'ireo toerana masina isan-karazany. Izany dia mahatonga azy sy ny kolontsainy ho velona sy hiaina ary tavela hatramin'izao any amin'iny faritra iny raha efa maro ireo foko madinika tahaka azy tao an-toerana sy manerana ny faritra maro teto amin'ny firenena no tsy hita sy tsy re ary tsy fantatra intsony ny fisiany.

Manamafy fototra ny kolontsaim-pirenena ny fisiana foko manaja sy miaro ny fombandrazany tahaka ny ataon'ny zanabibiandriakomanja satria ny fiainany manontolo dia feno fanajana ny fombany. Antenaina fa tsy ho faty maso ny fomban-drazana sy ny kolontsaina malagasy raha mbola maro ny foko saro-piaro sy hentitra amin'ny fikolokoloana sy fanajana izany.

### 1.3.4. Fankatoavana ny baikon' ny Fehiloha sy Lohavohitra

Mametraka sata sy rafitra mati-paika ifampitondrana ny mpiray monina na ny vondrona tsirairay avy. Natao arofanina iarovana ny taranaka tsy ibirioka fa mba hamolavolana sy hanabeazana azy ho olom-banona kosa izany.

[12] FREUD (S.), 1966, Tabou et Totem : « Il y a des tabous permanents et de tabous passagers »p. 87

Miainga avy amin'ny Fehiloha sy Lohavohitra avokoa ny fanabeazana ny taranaka ao an-tanàna. Baiko avy aminy no ampiharana amin'ny fananarana ny ankizy isan-tokantrano. Tsy lavin'ny mponina izany satria ekeny fa manam-pahendrena sy feno fahalalana ireo Lohavohitra. Hany ka tsy mampaninona azy ny manaraka ny foto-pitaizana natorony. Heverin'ity foko ity fa ray amam-dreny tsy hanolo bato mafana ary mahalala izay hahasoa an-janany izy ireo.

Nozarina hankato ny tenin'ireo ray aman-dreny dieny mbola kely ny zazalahy sy ny zazavavy. Nomena andraikitra mifanandrify amin'ny taonany ihany koa izy ireo. Miova araka ny fitombony sy mandra-pahaleo-tenany izany. Manjary fahazarany izany fomba fiainana izany ka tsy manahirana azy intsony ny manatanteraka azy. Noho izany manaiky mora foana ny teny napetrak'ireo Fehiloha sy Lohavohitra izy.

Tsy eo amin'ny fanabeazana na fanazarana iasa ihany anefa no to teny ny Lohavohitra fa eo amin'ny fanatanterahana ny fomban-drazana sy fomba fitafy amin'izany. Tsy hita ao amin'ity foko ity izany vehivavy misikina lambaoany izany rehefa hanao sorona. Toraka izany koa ny lehilahy tsy mahazo misampy lamba.

Ekena sy toavina ao amin'ity foko ity ny tenin'ny Fehiloha sy ireo Lohavohitra. Tsy misy sahy manipaka na manda ny baikony na kely na lehibe. Anisany ireharehan'ity fiarahamonina ity ny fananany ireo zokiolona ireo satria tsy ny foko ihany no mankato azy ireo fa na ny fiarahamonina hafa aza manaraka sy mankato izay lazainy.

### 1.4. Ny hery miafina

Mila fantarina ny finoana amam-pomba fivavahan'ny vondron'olona na foko iray dinihana. Mitombina sy mirindra io fomba fivavahana io rehefa maty paika ny lamina hoenti-manefa azy.

#### 1.4.1. Ny hery tsy hita maso

Sarotra amin'ny zanabibiandriakomanjaka ny miala amin'ny finoana sy ny fomba fiainana mahazatra azy. Mafy orina ny finoany ny hery tsy hita toy ny Zanahary, ny Razana, ny Fanahy ao amin'ny natiora. Heveriny ho tena misy tokoa izy ireny na dia tsy hita maso aza.

Hery lehibe manan-kasina mahita ny ataon'ny olombelona eo amin'ny lafim-piainana rehetra ny Zanahary ; ka mamaly vavaka ireo mankato azy ary mitsara sy manafay ireo manao tsinontsinona azy kosa. Fiantso matetika ny Zanahary rehefa manao sorona na manasina ny zanabibiandriakomanjaka. Manam-boninahitra ambony ny Zanahary ka tsy maintsy tononina sy antsoina voalohany indrindra rehefa manao vavaka na rary amin'ny sorona sy ny fomban-drazana hafa.

Latsa-paka ao amin'ity foko ity ihany koa ny finoana ny Razana sy ny fanahy ao amin'ny natiora. Heverina fa mpanelanelana ny olombelona amin'ny Zanahary ireo hery tsy hita ireo. Natahoran'ny olona indrindra izany. Inoany mantsy fa mandehandeha sy miriaria eny tontolo rehetra eny izy ireny ka afaka manatona sy miseho amin'ny olona. Matetika dia ny andro alina no isehon'ireny amin'ny olona rehefa misy tsy mety ataon'ny mponina. Raha tsy manao fomba toy ny fanatitra na alafady ny mponina dia miverimberina sy miseho matetika izy ireny.

### 1.4.2. Ny biby masina

Manan-kasina ao amin'ny fiaraha-monin'ny zanabibiandriakomanjaka ny biby. Fady ary tsy fanao ao amin'ity fiarahamona ity ny mamonovono biby afa-tsy ny biby manota na manonto ihany. Misy ny biby heverin' ity foko ity fa masina ka hataorany sy inoany : ny voay, ny bibilava, ny goaika.

**Ny voay**

Biby malaza ho masiaka sy lian-dra ny voay raha ny hamantaran'ny besinimaro azy. Vaventy mampatahotra izy ka tsy misy mahajanona eo anatrehany. Manan-kasina sy hajain'ny zanabibiandriakomanjaka fatratra kosa anefa ity biby ity. Biby tsy dia misy loatra ao amin'ity fiarahamonina ity ny voay ary toerana iray ihany no ahitana azy dia eo Ambatotokana; matoa miseho izy dia milaza loza aman'antambo ao amin'ny foko.

Raha sendra hitan'ny olona mitapy andro eo amin'ny fasika ambody vatolampy ny voay dia midika fa hisy tondran-drano hahatratra ny tanimbary rehetra ao an-toerana. Raha ambony vatolampy kosa no ahitana azy dia hisy loza hanjo ny iray amin'ireo zokiolona mpitarika ny vohitra telo.

Katsafina ary am-polo taona maro vao miseho eo amin'io toerany io ny voay. Heverina fa nisy ota fady goavana vitan' ny mponina na ireo zokiolona ka tezitra ny Zanahary sy ny Razana rehefa mipoitra izy. Manan-tsiny noho izany ny tany ama-monina, tapaka ny fihavanana eo amin'ny roa tonta. Mihorohoro sy mitebiteby noho izany ny mponina ary mitady ny fomba rehetra hamitranana ny fihavanana. Mamono omby eo an-tokontanim-pasana niafenan'ny mpanjaka Andriambolafotsy izy ary samy mandohalika sy mifona eo mba hisorohana ny loza aman'antambo tsy ihatra aminy.

**Ny bibilava**

Foko sy faritra maro no mino ny hery miafina ao amin' ny bibilava. Mankato sy manaiky izany ny zanabibiandriakomanjaka ka tsy sahy mamono na mampijaly izany. Ny fihetsik' ireny

bibilava ireny no hanamarihan'ny olona azy ho milaza soa na milaza loza. Fambara loza na mamoa-tsampona ny bibilava raha misakan-dalana tsy mihetsika eo ampovoany lalana. Miverin-dalana tsy sahy manohy ny diany ny olona sendra izany. Manatona ny Lohavohitra izy ary manontany izay tokony atao isorohana ny loza tsy hihatra. Raha mialoha lalana ny olona kosa izy dia milaza soa sy fahombiazana amin'izay atao

Mihevitra ny zanabibiandriakomanjaka fa solon-tenan' ny Razana milaza iraka ny bibilava. Natahorany raha nibahan-dalana azy ary ninoany kosa raha mandeha anolohany. Noho izany dia tena tsy sahy namonovono biby fahatany ny zanabiby teo aloha ; ary mbola mankato izany ny taranany hatramin'izao. Na ny vahiny izay mandalo sy manori-ponenana noho ny adidy aman'andraikitra eo amin'ny firenena ao amin'iny faritra iny aza hampitandreman'ireo tompon-tany mafy fa fady ny taniny ny mamono bibilava fa mahavoa tsiny sy mitera-doza.

**Ny goaika**

Voron-drazana no iheveran'ny olona ny goaika noho izy mivezivezy eny rehetra eny sy mipetraka eny ambony fasana ary ny vatolahy. Maneho ny fisian'ny olona efa maty ny goaika ary misy milaza azy ho voro-manan-jina. Inoana fa misy fanahin'ny Razana mitoetra ao amin'ireny. Araka izany mafy ny fahatahoran'ny olona ny goaika noho izy maneho ny tandindon'ny fahaveloman'ny Razana.

Tsy mba sahin'ny olona vonoina na torahana ny goaika raha sendra manatona eny an-tanimboly eny fa heveriny ho ny fianakaviany efa maty no tonga manatona azy eny. Mahafaly ny zanabibiandriakomanjaka tokoa ny fisian'ny goaika roa manidina na mipetraka eny akaikiny na hitany rehefa mandeha na miasa eny an-tsaha eny izy satria hisy fahasoavana irotsaka, hono, aminy. Raha goaika tokana kosa no manapa-dalana azy dia midika izay fa miantso ny Razana ka ho faty izay olona sendra an'izay.

.

### 1.4.3. Ny zava-maniry

Zava-maniry masina sy saro-pady ifamatoran'ny finoan-drazan'ny zanabibiandriakomanjaka ny hazo amontana.

Hazo vaventy midoroboka ny hazo amontana. Hita matetika eny amin'ny tanànan'andriana na vohitra masina ireny. Atahoran'ny olona fatratra ireny hazo ireny sy ny tany aniriany satria heveriny fa misy fanahy miafina sy tavela ao amin'ireny. Tsy mba azo atao ny manapaka ny amontana fa mety mahafaty na mampanjavona tsy hita popoka ilay olona mikapa azy. Tandindon'ny fahaveloman' ny Zanahary sy ny Razana ary ny Fanahy ao amin'ireo zava-maniry ny amontana ka narovana mafy ; ary raha sendra nahatapaka na nahakapa tsinahy azy ireny aza

dia tsy maintsy manao alafady mba tsy hahavoan'ny tsiny. Ombilahy mena no vonoina eo amin'izany toerana izany ho fialana amin'ny loza vokatry ny tsiny.

### 1.4.4. Ny hasin'ny vato sy ny rano

Anisany natiora ifamatoran'ny finoana sy fivavahan'ny olombelona ihany koa ny vato sy ny rano. Tsikaritra indrindra izany ao amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka.

**Ny vato**

Faritra sy foko maro eto amin'ny Nosy sy maneran-tany no mampiasa ny vato amin'ny fanatanterahana fomba-drazana. Ny endriny sy ny ampiasana azy eo amin'ny fiarahamonina matetika no anomezan'ny olona anarana azy ireny, ohatra, vatolahy, vato masina, tsangambato,…

Entin'ny mponina anakarana ny hery tsy hita ny vato masina. Mariky ny faharetana, ny fahamafisana ny vato ka fidin'ny olona hanatanterahana ny fomban-drazana sy omeny hasina. Zavaboaary heverina ho misy fanahy ary maneho ny hita maso ny vato. Entin'ny zanabibiandriakomanjaka anehoana ny Razana tsy hita na very faty ny vato ka manangana vatolahy ny havany ho solon'ilay taolam-balo tsy hita. Misy aza vondron 'olona sasany mampiditra izany am-pasan-drazana mihitsy. Tandindon'ny taolam-balon'ilay olona tsy hita faty no antony anaovany izany.

Natao anarenana ny vintan'ny olombelona mba hifandrindra ihany koa ny vato. Ny mpanandro na mpimasy no maka ampahany amin'ny vato masina ary mampiasa izany ho fampifanarahana ny vintan'ny mpivady na mpianaka mifanohi-bintana. Mandrava fananana na mahafolaka andatony, hono, mantsy raha mifanohi-bintana ny mpianakavy. Hany ka najaina sy nomen-kasina manokana ny vato izay heverin'ity foko ity ho manana hery mandrava ny fikorontanana misy eo amin'ny fiainany.

**Ny rano**

Aina sy tandindon'ny fahaveloman'ny olombelona ary ny zava-manan'aina rehetra ny rano. Fitaovana anatanterahan'ny olona fombam-drazana sy iorenan'ny finoan-drazana ihany koa izy ireny.

Tena natahoran'ny zanabibiandriakomanjaka mafy ny loharano. Matetika dia toerana mangina na lohasaha feno kirihitr'ala no misy azy ireny. Vitsy ny olona sahy mandoto na manimbazimba azy ireny. Raha sendra voatery ampiasa izany aza dia tsy maintsy « misanda » ilay rano, izany hoe manipy vola tsy vatsy ao anaty rano na manao fanatitra toy ny tantely sy vatomamy ka mamona bozaka eo akaikin'ilay rano rehefa avy maka na mampiasa izany.

Anankinan'ny mponina ny finoany ihany koa ny farihy na dobo. Toeram-pivavahana heverina ho manafina ny hery tsy hita sy ipetrahan'ny fanahin'ny Razana izy ireny. Anakarana ny fanahy mipetraka amin'ny olombelona ny farihy. Eo amin'io toerana io no anindrin'ny fanahy ny olona amin'ny halalan'ny nofy na miseho amin'ny alalan'ny tandindona ao anaty rano ; ka manjary lasa manana hery hafa sy mahay mitsabo ary manasitrana aretina ilay olona.

Tsy azo irobodrobohana fahatany ny farihy fa misy ny andro sy ny fotoana efa natokana ho amin'izany. Amin'ny andro fady ihany koa dia tsy azo atao izany raha tsy efa maty masoandro. Masina sy manan-jina avokoa ny zavatra rehetra manodidina ny farihy ka mety hamparary na hahafaty mihitsy aza ny fanimbazimbana azy ireny.

# FEHINY

Nentina nampahafantarana ny zanabibiandraikomanjaka amin'ny ankapobeny ny fizarana voalohany tamin'ity asa ity. Noezahana nasongadina tamin'ny alalan'ireo ventin-kevitra natolotra teo fa mbola ao anaty fiarahamonina tranainy ifikiran'ny finoana amam-pivavahana nenti-drazana ny mponina.

Tsara sy mirindra ny fifandraisan'ny mponina ary samy manaiky sy mankato ny rafi-pitondrana sy ny fitsipika mijoro tarihin'ny Fehiloha sy Lohavohitra. Manome lanja sy manindrahindra ny sorona sy ny finoan-drazany ny Zanabibiandriakomanjaka. Anehoan'ity foko ity ny maha-zava-dehibe ny sorona avokoa ny fiaimpiainany andavanandro sy ny vanim-potoana miavaka.

Mibahan-toerana sady mamaritra ny finoany amin'ny ankapobeny ny fiheverana ny zavaboaary eo amin'ny tontolo manodidina ho masina sy manam-panahy ary zavatra itoeran'ny fanahin'ny Razana sy tolotra avy amin-janahary.

## Fizarana faharoa

# Ny sorona sy ny tandindona ary ny fihetsika andaminana azy

## II- NY SORONA SY NY TANDINDONA ARY NY FIHETSIKA ANDAMINANA AZY

Endri-pivavahan-drazana mifototra amin'ny finoana amam-pivavahana ny sorona izay vavaka fanaon'ny foko Zanabibiandriakomanjaka. Miompana amin'ny fanazavana momba izany indrindra no ambara ato amin'ity fizarana faharoa ity. Asongandina ato ny momba ny sorona sy ny tandindon'ireo zavatra ampiasain'ny olona  ary ny fomba amam- pihetsika tontosaina rehefa manao izany.

### 2-1- Ny  sorona tontosaina

Ny sorona dia fomba fivavahan-drazana natao ifandraisana amin'ny Zanahary sy ny Razana  mba handrindrana ny fifandraisana misy eo amin'ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy ; ka aseho amin'ny alalan'ny famonoana biby eo amin'ny toerana izay heverina fa masina izany.  Ny  zava-mitranga sy miseho eo amin'ny fiainan'ny olombelona no manosika azy hanao  sorona sy hiantsampy amin'ireo hery hafa ivelan'ny tenany.

#### 2-1-1- Soron'Andriambolafotsy

Fanao mahazatra ao amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka ny sorona rehefa hisantatra asa na mahazo vokatra tsara. Iombonana sy iarahan'ny mpiray foko ny fanatanterahana azy io. Indroa miantaona no manao io sorona io. Ny  tapatapaky ny volana jolay na Septambra no anaovany ny sorona fisantaran'asa ary ny volana Aprily hatramin'ny May kosa no anaovana ny sorona fahazoana vokatra. « Soron'Andriambolafotsy » no iantsoan'ny zanabibiandriakomanjaka ireo sorona roa ireo ary tontosaina eo amin'ny lava-baton'Andriambolafotsy.

**Fisantaran' asa**

Fotoana fanombohan'ny lahasa fambolem-bary ny volana jolay sy Septambra any amin'iny faritra iny, ka mialohan'ny hisantarana ny lahasa no anaovana ny sorona. Inoan'ity fiarahamonina ity tokoa fa manana hery enti- manampy azy amin'ny fiatrehana ny asa aman-draharahany sy afaka miaro ny famboleny amin' ny hetraketraky ny natiora  ireo hery tsy hita toy ny Zanahary sy ny Razana.

Andro masina sy sarobidy ny  fotoana anaovana sorona satria amin'io no ivavahana sy hangataham-pitahiana amin'ny Zanahary sy ny Razana  ka irariana ny taom-pambolena ho tsara sady ampahatsiahivana  ny fady sy ny fomba eo amin'ny foko. Amasinina amin'io koa ny ody havandra fiarom-boly. Heverina ho manan-tsiny amin'ireo hery tsy hita ary tsy nahazo halalana avy aminy raha tsy manefa izany.

. **Fahazoana vokatra**

Matetika dia ny volana May no manao ny sorona. Efa voavory eo an-tanana avokoa mantsy ny vary amin'izany ; ka manatanteraka sorona ny fiarahamonina ho fisaorana ny Zanahary sy ny Razana. Ny fiarahamonina iray manontolo no miara- manatontosa sy manatrika io fotoam-pivavahana io. Amin'io fotoana io no anehoan'ny olona ny hafaliam-pony sy fankasitrahany ireo hery tsy hita noho ny nahazoany fanambinana manokana. Ka manao ny saotra sy rary eo amin'ny lava-baton'Andriambolafotsy. Arahiny fanomezana zavatra toy ny vatomamy, vola, tantely, akoho amam-borona, izay arotsak'izy tenany mivantana izany. Heverina ho nanao hadisoana teo amin'ny tany ama-monina sy ireo hery tsy hita kosa ireo olona hita fa tsy dia nahazo vokatra na maivamaivana ny vokatra niakatra noho izany ilaina fanarenana amin'ny alalan'ny sorona. Ny Lohavohitra no manao ny vavaka fitalahoana ho azy amin'ny Zanahary sy ny Razana. Toy izao ny tonom-bavaka ataony amin'izany :

*« Eny ray Zanahary sy ireo Razana lolohavina an-tampon'ny loha, ao ianao Andraibibiandriakomanjaka, Andriambolafotsy, Andriakopakopaka… avy manatona anareo izahay zanakareo. Mitondra ny fifonana : nahatsiaro tena ho diso ka tonga mibaboka eto anatrehanareo. Koa miala tsiny sy miala fondro aminareo izahay ary miangavy sy mitalaho ny mba hitahianareo ny foto-piveloman'ny fianakavian-dR…. mba ho vanona sy ho vokatra ; ho lavitra ny ankaso ary ho ambinim-pahasoavana anie izy. Ankasitrao anio izao ireto fanatitra atolony anareo ho mari-panajana anareo ray aman-dreny izay tompon'ny tany. Isaoranay ianareo Zanahary sy Razana amin'ny fanambinana omenareo. »*

Roa andro no anatontosana ny lanonana amin'ny soron'Andriambolafotsy. Ny andro voalohany natokana hanaovana ny sorona izay fotoam-pivavahan'ny mponina; manomboka ny maraina ny lanonana ary mifarana ny maty masoandro. Atrehin'ireo olo-manan-kanja sy manam-pahefana isan-tsokajiny ao an-toerana izany. Atomboka amin' ny kabary ifandimbiasan'ireo manam-pahefana sy lohavohitra ao amin'ny foko ny lanonana. Miroso amin'ny sorona avy eo. Aorian'izay no anaovana ny fiaraha-misakafo. Faranana amin'ny fanandratana ny trafon-kena sy fakana ny tanimasina ary fizarana ny hena masina iny tontolo andro iny.

Andro masina eo amin'ny foko zanabiby ity andro faharoa ity; ka tsy azon'ny olon-kafa ivelan'ny foko atrehina io fihaonana io satria misy ny tsiambaratelon'ity foko ity izay koboniny ho azy manokana ka tsy tiany ho fantatry ny foko na vondrom-piarahamonina hafa.

Fotoana natokan'ny foko ifampitafana sy ifamborahana izay toetra tsy zaka nataon'ny olona na ireo zokiolona mpitondra. Amin'io ihany koa no anoloana ny mpitana ny baraminan'ny mpanjaka sy fampitana ny tsodrano amin'ireo taranaka; sady fanamafisana ny lalàna mifehy ao amin'ny foko.

Manomboka amin'ny fito ora maraina ny fihaonana ary miafara amin'ny mitataovovonana. Misy ihany koa ny fiaraha-misakafo, ary aorian'izay sady amaranana tanteraka ny andro masina ny tsitsika[13] sy ny rary[14] ataon'ireo Lohavohitra sy ny Fehiloha na ny Zokiolona lehiben'ny faritra telo (Andrainarivo, Miantsoarivo, Andraibiby).

### 2-1-2- Sorona masay

Matetika dia manatontosa sorona ity foko ity rehefa misy ota fady izany hoe misy olona nandika ny fady tany sy ny fadin-drazana; anefany izany koa ny fisantarana zava-baovao. Sorona masay no iantsoan'ity foko ity ny sorona tanterahina amin'ireny.

**Ny ota fady**

Manery ny olona hanao sorona ny fisiana ota fady eo amin'ny fiarahamonina na fady tany izany na fadin-drazana. Matetika dia miseho amin'ny alalan'ny tsy fahombiazana eo amin'ny fiainana toy ny tsy fahavokaran'ny fambolena, tsy mahavanon-karena na faharavan'ny fananana. Heverina fa nanao hadisoana teo amin'ny tany ama-monina ny olona iharan'izany ka manefa sorona mba hanarenana ny fiainany.

Ny fisian'ireo loza maro samihafa toy ny fahafatesana, fiantonan'ny orana, filatsahan'ny havandra, sns, kosa midika fa nandika ny fady tany sy ny fadin-drazana ny mponina ka tezitra noho izany ny Zanahary sy ny Razana. Mba hialana amin'izany rehetra izany no antony anaovana sorona eo amin'ny lava-baton'Andriambolafotsy. Ny omby mazava loha izany hoe fotsy loha no vonoina atao sorona ho fanalana fady[15]amin'izany.

**Fisantarana zava-baovao**

Mateti-piseho ny sorona tanterahina noho ny fahavitana na fitsanganan'ny zavatra iray naorina na notontosaina teo amin'ny fiarahamonina. Tsy atao ambanin-javatra ny manao sorona ho fitokanana ny trano vaovao, tranom-panjakana, tetezana, toeram-pitsaboana na ireo foto-drafitr'asa hafa naorina ao an-toerana. Anisany hanaovan-tsorona ihany koa ny fitokanam-pasan-drazana vaovao.

Ho fanamboarana ny vintan'ilay olona tompony hifanaraka amin'ilay zavatra no tanjona amin'ny fanaovana izany sy ho fialana amin'ny tsipak'andro. Atahorana tsy hifanitsy sy tsy

[13] Tsitsika : ozona irina hihatra amin'olona iray raha mandika ny lalàna na fady ifampifehezana.

[14] : Vavaka fangataham-pitahiana sy fanambinana, firarian-tsoa sy tsodrano atao hahazoana fahasoavana.

[15] RAINANDRIAMAMPANDRY, 1971, Tantara sy fomban-drazana : « Raha ota fady ny tany dia izao kosa no fanala fady ataon'ny olona sasany, alaina ny omby fotsy loha sy toaka roa tavoahangy…dia tadina ny omby ka ampandriana miantsinana ny lohany ary ny toaka kosa atao eo akaikin'ny omby. »p.17

hifandrindra amin'ny vintana sy ny tonon'andron'ny tompon-javatra vao naorina ny harena sy fananana azony ka mety handresy na hahafolaka an-datony azy.

Misorona ny olona rehefa mahavita na mitokana fasan-drazana na tranon-drazana. Tena atahorana mihitsy ny fasana ratsy andro satria maka olona na mandripaka ny fianakaviana. Ka kendrena amin'ny fanaovana sorona ny mba hanitsiana ny androm-pasana sy ho fanamboarana ny andron'ireo fianakaviana tompony.

### 2-1-3- Ny sorona isa-patana

Trangan-javatra maro mpahazo sy iainan'ny olona eo fiarahamonina no manery azy hanatanteraka sorona : ny aretina, ny fitadiavana na filan-dravinahitra,…. Saingy ny sorona atao amin'io dia tontosain'ny isa-pianakaviana ao an-tranony ihany. Sorona isa-patana no iantsoan'ny zanabibiandriakomanjaka ny fomba fivavahana sy fangataham-pitahiana atao amin'izany.

#### Ny aretina

Raha misy olona lalovan'aretina tampoka na marary mandritra ny fotoana ela dia manao sorona ny fianakaviany. Inoana hampisinda ny aretina sy hanafaingana ny fahasalaman'ny marary ny fiantsoana ny Razana amin'ny vavaka fitalahoana ataon'ny Ray aman-dReny. Ampahatsiahivan'ireo olona tonga mamangy na mitsidika ny marary ny tokony anaovana ny sorona iantsoana vonjy amin'ny Zanahary sy ny Razana. Vavaka sy fangatahana tsotra no atao amin'izany ary akoholahimena no biby atolotra ; ka ao an-tokantrano eo an-joro firarazana izay toerana heverina fa toerana masina[16] teo amin'ny Malagasy ka natokana ho an'ny razana no tontosain'ny raim-pianakaviana na ny zokiolona ny fivavahana.

#### Ny fitadiavana na filan-dravinahitra

Fomba fanao nahazatra ny zanabibiadriakomanjaka ny mandeha mitady na mila ravinahitra ivelan'ny faritra. Tsy mba sahiny ny handeha amin'ny herin'ny tenany fa mangata-tsodrano amin'ireo ray aman-dreny sy ireo Razana izy mialohan'ny hialan'izy ireo ny tanàna. Tandindon'ny fahombiazana amin'ny fitadiavana sy fiharian-karena ary ho fiarovana amin'ny ankason'ny hafa na ny zavaboaary any an-tanim-pivahinianana ny tsodrano atolotra azy amin'izany. Tsy mila omby ny fanaovana izany fa ny biby toy ny akoho matetika no fampiasa amin'izany ; ka ao an-tokantrano eo an-joro firarazana no anaovana izany. Mety hahadika ny

[16]AUJAS (L.), 1996, Les rites de sacrifices à Madagascar : « Dans la case de Malgache, il y a le coin des ancetres que l'on appelle le « zorofirarazana », qui est situé à l'angle nord-est : c'est la place sacrée, celle du pére, du grand-pére, ou l'ainé de la famille ».p 5

fadin-drazana any am-pandehanana sy any am-pivahinianana izy ireo noho ny fomban-tany tsy mitovy. Koa sorohana sy angataham-pamelana dieny mialoha izany mba hahatomombana sy hahalavorary ny fihariana sy fitadiavana. Toy izao ny tonom-bavaka fanaony amin'izany.

*« Andriamanitra Andriananahary sy ianareo Razana masina, lolohavinay an-tampon'ny loha. Ipoa-tsatrotra, ialan-tsalohy fito, tompon'ny tany sy ny vola aman-karena. Avy mangataka aminareo izahay zanakareo fa handeha hamakivavaky ny efitra, hitety ny lohasaha, hita ny rano be, ary honina amin'ny tany tsy nahazatra ny tena ; tsy hitan-dRay aman-dReny ary lavi-kavana, hitady vola aman-karena, handrato fananana, hikaroka izay hahasoa sy hahatsara ny fiainana. Koa arovy sy tantano ho tody soa ny zanakareo. Raha sendra solafaka manota fady iantrao fa zanaka manirery an-tanin'olona ary avelao ny hadisoany. Tahio ny asany rehetra ho vanona sy hahomby ; mba ho ambinin-java-manasatra sy ho tojo ny tsara hatrany anie izy any an-tanim-pivahinianana any. Ataovy lavitra azy ny ratsy sy ny rofy ; ka ho mangidy lavitra ny faty izy, fa ho mamy hoditra eo amin'ny fiarahamonina tokoa. Omeo azy ny harem-be vava, fenoy vary ny sopiny, rakofy omby ny valany, aza atao diso vola aman-karena ny vatany ka ho mpanalina, ho mpanapitrisa ary irin'olona fa tsy aniry olona ny zanakareo. Isaorana ianareo Razana masina anaovanay sorona, anateram-panatitra. »*

Manao sorona ihany koa ny olona rehefa misy tera-bao. Ka raha vao hiditra ny trano voalohany ny zaza dia hanaovan'ny ray aman-dreniny sorona. Irariana sy itsofan-drano ny zaza hanana ho avy tsara sy ho ela velona no anaovana izany. Inoana fa mahatonga ny zaza ho mankato anatra sy ho fitaratra eo amin'ny fiarahamonina ny fiantsoana ny Razana sy ny tonom-bavaka ataon'ny ray aman-dreny amin'izany.

### 2-1-4- Ny sorona tsangan-kavana

Tsy inona akory ny sorona tsangan-kavana fa vavaka na teny atao amin-janahary sy ny Razana amin'ny alalan'ny famonoana omby eo amin'ny lava-baton'Andriambolafotsy ho fanorenam-pihavanana na fampidirana ny olona hafa ho ao amin'ny foko. Isaka ny fito taona no anaovana ity fombam-pivavahana ity. Ny Lohavohitra no mamaritra ny olona atao tsangan-kavana. Fepetra maro no takina amin'izany satria tsy maintsy manaja ny fady sy manaraka ny fomba amam-panaon'ny foko. Mandalo sedra toy ny manatontosa ny fivavahan-drazana isan-kariva izy ary manatitra ny salohim-bary manitra sy ny trafon-kena ho an'ny Lohavohitra koa ireo olona hatsangana.

Inoan'ny mponina fa ny Zanahary sy ny Razana no mahita ny miafina sy ny ao am-po tsy miloaka ka dia ankinina amin'izy ireo ny fifidianana ireo olona mendrika sy tokony hanorenam-pihavanana. Amin'ny alalan'ny nofy na tsindry mandry no ilazan'ireo Razana amin'ny

Lohavohitra ireo olona hatsangana ho havana. Matoky izay ambaran'izy ireo ny mponina ary tsy misy mandà izany.

Raha amin'ny alalan'ny vaky rà na fato-drà no fomba hanorenam-pihavanana any amin'ireo foko na faritra hafa manerana ny nosy ; dia zava-pady ary mahavoatsiny amin'ny Razana izany eo amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka. Heverin'ity fiarahamonina ity fa mitovy amin'ny mamono olona ny mandatsa-drà amin'ny fanaovana izany ka nolaviny mafy. Ny sorona atao amin'ny ràm-biby sy ny vavaka aminy dia efa mahasolo izany ao amin'ity foko ity.

### 2-2- Ny tandindona ampiasaina

Tahaka ny fombam-pivavahana rehetra ny sorona ; misy ny tandindona sy ny zavatra ampiasaina amin'ny fanatontosana azy. Takina amin'izany ireto fitaovana fototra ireto : omby, ranomahery, fototra, tantely. Ny mpiara-monina iray riba no manome dikany ny tandindona sy mahalala ny soatoavina raketin'ny zavatra tandindominy.

#### 2-2-1- Ny omby tandindon'ny hery tsy hita

Fitaovana fototra ampiasaina amin'ny lanonam-pivavahana nentin-drazana Malagasy ny omby. Efa tarazo sy fomba fanao ny mampiasa azy isaka ny manao sorona. Heverin'ny zanabibiandriakomanjaka ho biby masina itoeran'ny fanahin-janahary sy ny Razana ny omby ka nataony anamboarana sy andrindrana ny vitan'ny olombelona sy ny zavaboaary manodidina azy. Anatontosana ny fomban-drazana toy ny famadihana ihany koa ny omby satria io singa iray io no teteza-mita mampifandray ny velona amin'ny maty.

Mitahiry finoana mifamatotra amin'ny hery tsy hita maso ny omby ka nofidina mba hoenti-manatontosa ny fivavahana sy fangataham-pitahiana amin'ny Zanahary sy ny Razana rehefa manefa sorona. Ahazoam-panambinana sy ialana amin'ny loza na ny tsy fahombiazana mety hitranga no tanjona amin'izany. Mpaneho ny any ankoatra sy ny tontolo tsy hita maso ny omby ka nofantenana tsara izay hampiasaina mba ialana amin'ny gaboraraka.

Ny omby tsy misy kilema, tsy tapa-tandroka, madio tsara tsy misy tohina no hoentina atao sorona. Mari-panajana ny hery antsoina ny fanolorana ny ràn'omby eo am-pivavahana. Ny omby ao am-bala matetika no akan'ny olona atao sorona ; inoany mantsy fa hahazo fanambinana manokana ny olona sady mitombo avo roa eny ny omby ao am-bala. Raha toa ka tsy manana ny volon'omby mifanandrify amin'ilay fivavahana tanterahina ny mpanefa sorona dia mividy. Ifandrombahan'ny olona ao an-tanàna ny mivarotra izany amin'ireo mpikarakara ny sorona ary mora no anaovany ny tombam-bidiny raha mitaha ny eny an-tsena satria mitondra fahasoavana ho azy, hono, ny fanaovana izany.

Ilam-pitandremana ny fanefana sorona, ka hatonina mandrakariva ny mpanandro na mpimasy ijerena ny andro tsara anatontosana izany sy ny omby hampiasaina satria ny tononandro tsy mahalehilahy. Araka izany, ankinina amin'izy ireny ny fanarenana sy fampilaharana ny vintana sy ny tononandro hifanaraka amin'ny volon'omby. Atahorana sao hitondra loza na hampisy fahavoazana eo amin'ny fiarahamonina ny tsy firindran'izany. Ny andro alahamady matetika no andro voatokana anaovana sorona ary ny omby mazava loha sy mena no vonoina amin'izany.

Anisany biby tena nankafizin'ny Razana ny omby. Heverin'ny olona ihany koa fa fanomezana tsara indrindra atolotra an'ny Zanahary sy ny Razana[17]izy ireny. Porofon'izany ny fampiasan'ny olona ny omby rehefa hivavaka amin'ny Zanahary sy ny Razana na rehefa manatanteraka fomban-drazana isan-karazany. Ilaina koa izy rehefa misy fahafatesana mitranga eo amin'ny fiarahamonina, tsy maintsy mamono omby andofosana ilay maty. Manaloka na manangatra mampatahotra mantsy, hono, izy ireny raha tsy amonoana omby. Henatra sy fahafaham-baraka eo amin'ny tany ama-monina ny fandrenesana ny toe-javatra toy izany satria midika ho tsy fahefana adidy teo amin' ireo ray aman-dreny niandohana ka mahavoatsiny.

### 2-2-2- Ny fototra maneho fanazavana sy fanadiovana

Fitaovana fampiasan'ny Zanabibiandriakomanjaka amin'ny fanaovana fomban-drazana sy ny lanonana iantsoana ny Zanahary sy ny Razana toy ny sorona ny « fototra ». Ireto avy ny zavatra mandrafitra ny fototra : rano madio mangatsakatsaka nalaina tao amin'ny loharanon'Antaboaka, vola tsangan'olona ary ny toaka, tantely, horombohitra, vololon'akondro.

Atao anaty siny madio ny fototra miaraka amin'ny horombohitra ary apetraka ao amin'ny tranon'ny Lohavohitra ao Miantsoarivo. Esorina amin'ny tavoahangy madio izay afafy ny omby sy arotsaka ao an-dava-bato mialoha ny anaovana sorona. Ny sisa kosa natao itsofan-drano ny olona mba hanadiovana azy amin'ny hadisoany sy hamelomana ny ainy sy ny hasiny ary anesorana izay rehetra mety nanalokaloka azy ka hahatonga azy ho madio sy mazava.

---

[17] ELLI (L.) 1993, *une civilisation de bœuf : les Bara de Madagascar : «* … le bœuf est l'offrande la plus agréable au Zanahary et aux ancêtres ».p 89

**Sary 1: Sary maneho ny Lohavohitra mamafy fototra ny omby**




**Loharano : Ny mpikaroka**

Miditra isam-pianakaviana ao amin'ny trano misy ny fototra ny olona ho tsofin-drano. Entina itsofan-drano azy ireo ny horombohitra sy ny vololon'akondro. Atsofoka anaty siny izany sady arahin'ny Lohavohitra rary toy izao : *« Afa-tsiny ama-pondro ianareo, koa enga anie ho ambinim-bola amin-karena, ka ny ombinareo ho feno vala ary ho be fantam-bary tokoa anie ianareo ; hahazo izay irina, ho tojo izay tadiavina »*. Inoan'ity fiarahamonina ity fa avy amin'ny Razana ny tsodrano raisina avy amin'ny Lohavohitra. Noho izany dia mahaliana azy fatratra ny handray sy hihaino izany. Velom-panantenana avy hatrany izy ireo rehefa nahazo izany ary miandrandra fitahiana goavana ho tonga aminy.

### 2-2-3- Ny ranomahery midika ho fanadiovana

Ampiasaina ny ranomahery rehefa hanao sorona. Ny ranomahery dia tsy inona akory fa rano nalaina tamin'ny loharano teny amin' Andriambahoaka ampofoan-tany tao Amboniazy ; noharoina toaka gasy sy tantely. Ny Lohavohitra sy ny mpimasy no maka sy manamboatra

izany ka manao azy anaty tavoahangy madio. Vao mangiran-dratsy amin'ny andro voatondro anaovana sorona no iaingan'ny tovolahy avy ao amin'ny vohitr'Andrainarivo hametraka izany eo ambony lava-baton'Andriambolafotsy ao Miantsoarivo.

Rehefa misandratra andro dia alain'ny lohavohitra ny rano ary afafiny eo amin'ny lapa mba ho fanadiovana sy famerenana ny hasin'ireo olona nanota fady. Vita izay vao azo idirana ny lapa. Mandritra ny fotoana idiran'ny olona mandroaka ny omby sy ny olona rehetra kosa no ijoroan'ny Lohavohitra eo am-bavahadin'ny lapa sady mamafy ny ranomahery amin'ny olona. Heverina ho mbola manan-kelona sy tsy masina ny olona no antony anaovana izany ka mila diovina sy hasinina.

Tsy afaka miroso amin'ny sorona raha tsy efa izay fafy ranomahery izay. Manan-kasina ny Zanahary sy ny Razana ka tsy mahazo manatona ivavaka aminy ny olo-meloka sy manan-tsiny. Antenain'ity foko ity fa manadio sy manafaka azy amin'ny fahadisoany ny ranomahery ; mino koa izy fa mitondra aina ho azy izany ary mifindra ao aminy ny hery ao amin'ilay rano ka nahazo alalana ihaona sy iresaka ary italaho sy angata-pitahiana amin'ireo Razana izy.

### 2-2-4- Ny baramina tandindon'ny fitohizan'aina

Mandringa sy tsy ampy ary mandeha amin' ny tsy tokony ho izy ny sorona raha tsy eo ity fitaovana iray ity. Fitaovana enti-misorona ny baraminan'Andriambolafotsy ka tsy azo ampiasaina amin-javatra hafa. Efa misy olona voatokana natao itahiry izany baramina izany ; « mpita-marika » no anarana iantsoana azy. Marihina fa tsy ny lohavohitra no mitahiry ny baramina fa ny matoan'olona ao amin'ny foko ; ny zokiolona no manendry izay olona hitazona izany. Zava-masina ny baramina ka tsy azo azera ; raha sanatria ka misy izany dia tsy maintsy soloina avy hatrany ny mpita-marika.

Amin'ny fotoana fanadratan'ny lohavohitra ny vavaka no ilana ny baramina. Natao anendrena ny tandrok'ilay omby isoronana izy. Atsatoky ny lohavohitra eo amin'ny trafon'ilay omby efa voalavo mitodika miantsinana ny baramina sady miantso ny Zanahary sy ireo Razana izy anatrika ny fivavahana ataony sady ho fampiomanana ny mpanatrika rehetra hifantoka. Mitsahatra ny tonom- bavaka vao esorina ny baramina ary atsatoka ao an-dava-bato. Manaporofo izany fa tandindona maneho ny fisian'ny fitohizana eo amin'ny tontolon' ny velona sy ny tontolon'ny any ankoatra ny baramina.

Anisany fitaovana isoronana ihany koa ny vololon'akondro izay midika ho fampitana sy fitohizana ihany koa izy ; matetika natao itsofandrano sy irariana soa ny olona izy rehefa manatanteraka fomban-drazana na manao lanonana toy ny fanambadiana. Tandindon'ny fitohizan'ny taranaka no asehon'ny vololon' akondro.

### 2-3- Ny andraikitry ny tsirairay

Lanonam-pivavahana iarahan'ny mpiray foko manatanteraka ny sorona ka samy manana ny tsinjara asa manandrify azy avy ny isam-batan'olona. Samy mahatsiaro ho tompon-draharaha ny rehetra ka tsy misy mialangalana fa manatontosa antsakany sy andavany izay andraikitra napetraka aminy.

#### 2-3-1- Ny Fehiloha sy Lohavohitra tompon'ny fanapahana

Tsy inona akory ny Fehiloha fa zokiolona indrindra ao amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka izay mifehy ny vohitra telo. Ny lehilahy zokiny indrindra avy amin'ny taranaky ny mpanjaka monina ao amin'ny vohitra tsirairay sy mifehy izany no antsoina hoe Lohavohitra. Masi-mandidy sy to teny izy ireny eo amin'ny fiarahamonina, indrindra anie raha misy raharahan-drazana hotontosaina ao amin'ny foko. Izy ireny no tompom- pahefana amin'ny fanandratana ny vavaka[18] mandritra ny sorona. Manana ny hasiny manokana izy ireny ka misolo tena ny olombelona amin'ny alalan'ny firesahana mivantana amin'ny Zanahary sy ny Razana.

Fahefana avy amin'ny Razana no anaovan' ny Fehiloha sy ireo Lohavohitra ny raharaham-pisoronana. Araka ny finoan'ity foko ity, baiko avy amin-janahary sy ny Razana ny fanefana sorona ka tsy ataotao foana ny fomba sy ny rary ary ny vavaka fa izay tendriny no tanterahina. Amin'ny alalan'ny nofy sy ny tsindrimandry no entiny manambara izany amin'ny Fehiloha sy ny Lohavohitra. Am-panetren-tena lehibe no andraisany izany baiko izany.

Toavin-teny sy nekem-pananarana ny Fehiloha sy ireo Lohavohitra noho ireo andraikitra lehibe sahaniny. Masina sy be voninahitra ihany koa izy ka tsy misy sahy manipaka ny fandaharana ataony amin'ny fanefana ny fivavahan-drazana sy ny fiainana an-davanan'andro. Izy ireny mantsy no mpanalalana ny olona amin'ny hery tsy hita ka najaina fatratra teo amin'ny fiarahamonina.

Ray aman-dreny nomen-kanja manokana ny Fehiloha sy ireo Lohavohitra ary tena natahoran'ny olona teo amin'ny fiarahamonina. Antsoina mandrakariva izy rehefa misy sorona atao na fomban-drazana iantsoana na angataham-pitahiana amin'ny Razana. Ho mari-pankasitrahana sy ho fanajana azy ireny dia manatitra « Lohavary » na vary iray vata any amin'izy ireny ny olona isaka ny milaza azy.

[18] ELLI (L.) 1993, Une civilisation de bœuf : les Bara de Madagascar : « L'aîné de la génération la plus commande à sa famille …. Sa force s'appuie sur son rôle religieux ». p. 91

**Sary 2: Sarin'ny Fehiloha sy ny Lohavohitra**



>

**Loharano : Ny mpikaroka**

Iarahan'ny Fehiloha sy Lohavohitra manapaka avokoa ny zavatra sy hetsika rehetra tontosaina ao amin'ny foko. Iavahan'ny Fehiloha amin'ireo Lohavohitra ny fahazoany ny santa-bokatra avy amin'ny mponina rehefa fotoana fiakaran'ny vokatra. Mari-panajana sy tandindon'ny fahefana hananany izany.

### 2-3-2- Ny mpanandro na mpimasy

Maro andraikitra sahanina ny mpanandro na mpimasy. Mitsabo sy manasitrana ny olona amin'ny fomba nentim-paharazana ary mampilahatra ny vintan'ny olombelona sy ny zavaboaary manodidina izy ireny. Tsy ny olona rehetra anefa no mety ho mpanandro na mpimasy fa tendry avy amin-janahary no hananany io hery io.  Ao koa ny lova avy amin'ny razana izay mitarazo amin'ireo taranany mifandimby.

Olona manan-kasina eo anivon'ny fiarahamonina ny mpanandro na mpimasy. Miara-miasa amin'ireo Lohavohitra izy amin'ny fanefana ny sorona. Ankinina amin'izy ireny ny fijerena ny

andro tsara sy ny fotoana anaovana ny sorona sy ny fomban-drazana isan-karazany. Izy koa no manondro ny volon'omby mifanaraka amin'ny sorona atao. Miandraikitra ny fanarenana ny vintan'ny olona izy ireny. Hany ka tsy mahasahy manda ny sikidy lazainy ny olona. Atsahatra na ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fomba raha sendra ka misy andro mifanipaka mbola ilam-panarenana.

Lazaina ho mpanelanelana ny olombelona amin' ny Razana ihany koa ny mpanandro. Itoeran'ny fanahin'ny maty koa izy ireny ka hatonin'ny olona ijerena izay tokony hataony manoloana ny zava-manahirana na tsy fahombiazana misesy lany eo amin'ny fiainany ka ilam-panamboarana.

Ny ravin-kazo sy ny voan-java-maniry eo amin'ny natiora manodidina ihany no entin'ny mpanandro manasoa sy mitsabo ny mpiara-belona aminy. Ny Razana no manoro azy amin'ny alalan'ny nofy na tsindry mandry izay fanafody ampiasaina amin' ny olona mitady fanasitranana ao aminy. Manam-pahaizana sy traikefa manokana noho izany ny mpanandro amin'ny fampiasana ny zava-maniry. Ikohizana koa ny fahalalany ny toetra ama-pihetsik'ireo zavaboaary izay manjary fanoitra entiny mandrindra ny vintan'ny olombelona sy ny hery tsy hita maso.

### 2-3-3- Ny mpanefa sorona

Ny olona mangataka ny anaovana sorona no antsoina hoe mpanefa sorona na tompon'ny sorona. Tsy olom-bitsy ny mpagataka ny sorona fa mety ho olona maro na fianakaviana iray manontolo. Ny Lohavohitra no miangavy sy mangataka ho azy ireo. Anjaran'ny mpanefa sorona kosa ny manaraka ny fepetra sy toro-marina nomen'ireo mpanandro sy Lohavohitra amin'ny fotoana rehetra anatanterahana ny sorona.

Manana andraikitra manokana ny mpanefa sorona amin'ny fanomanana ny fivavahana satria izy no manao izay hahatomombana ny hoenti-manana rehetra amin'izany. Manome ny « lohavary » sy ny satan'andriana an'ireo Lohavohitra ihany koa izy. Apetraka aminy koa ny famoriana ny mpiray foko sy ny zanabiby solo ary ny zanatany vahiny.

Tsindriana manokana eto fa tsy mba natao hanavakavana na hijeren-tavan'olona ny sorona ; ny olon-drehetra no mpanefa na tompon'ny sorona na dia olom-bitsy aza no mangataka ny fanaovana izany. Iombonan'ny mpiray foko ny fahasoavana sy ny fanambinana azo avy amin'izany. Mitaky fihetsika voalanjalanja sy voatandrina avy amin'ireo mpanefa sorona ny Lohavohitra mba hahatomombana tsara ny lanonam-pivavahana. Ampatsiahivan'ny Lohavohitra amin'ireo mpanatrika sy ny mpanefa ny sorona ny ampanjakana ny firaisankina sy fihavanana amin'ny fanatontosana ny sorona mba hampirindra ny fotoam-pivavahana sy hahatonga ny vavaka sy fitalahoana any amin'ny Zanahary sy ny Razana. Vavaka fifonana sy fangataham-pitahiana ary

fanambinana ho an'ny olon-drehetra sy ny mpanefa sorona no hasandratry ny Lohavohitra. Na dia izany aza anefa, inoan'ny olona fa mahazo fitahiana sy fanambinana manokana ny mpanefa ny sorona.

**2-3-4- Ny mpiara-belona**

Vavolombelona manatrika ny sorona ny mpiara-belona. Izy ireo ihany koa no anankinana ny lanonana. Tsy tontosa ny lanonam-pivavahana raha tsy manatrika eo izy. Solontenan'ny velona eo anatrehan'ny Razana mantsy izy ireny ka tsy azo tsinontsinoavina. Tsy efan'irery ny lanonana toy ny sorona izay iantsoana an'ny Zanahary sy ny Razana. Tsy mba miangatra mantsy izy ireny sady mankasitraka ny firaisan-kinan'ny mpiara-belona. Heverina ho heni-kaja sy voninahitra ny Razana rehefa vory lanona eo avokoa ny fokonolona ka mihaino sy mamaly vavaka avy hatrany.

Manao izay hahatontosa ny sakafom-pihavanana izay iaraha-mihinana amin'ny lanonana ny fokonolona. Tsy mitarain-tana-miepaka izy ireny fa manao izany an-tsitra-po tokoa. Ho fanomezam-boninahitra ny tompon-tsorona na mpanefa sorona sady ho fankasitrahana ny Razana no kendreny amin'izany. Ahazoan-tondro maso eo amin'ny fiarahamonina ny tsy fahatongavana manao ny raharaha amin'izany. Ambara ho tsy mahefa adidy na mpilefa andraikitra ny olona tsy manatrika izany raha tsy mandefa filazana mialoha any amin'ny Lohavohitra milaza ny antony tsy nahafahana.

Adidy aman'andraikitra goavana no sahanin'ny mpiara-belona. Izy ireny tokoa mantsy no mpanome hery sy fahefana ary mampisy hasina ny sorona atao. Porofo sy vavolombelon'ny fanatrehan'ireo hery tsy hita ny fahatongavan'ny olona vory marobe satria ny feon'ny vahoaka hoy ny Ntaolo no feon'andriamanitra. Noho izany nandrianina sy najaina fatratra izy ireny ka nangatahin-dalana sy nialana fondro alohan'ny anaovana sorona na fomban-drazana hafa.

**2-4- Ny fomba amam-pihetsika atao**

Mitaky fombafomba sy fihetsika ny fanatanterahana ny fivavahan-drazana lehibe toy ny sorona. Mila fanomanana matotra sy mirindra ny fotoan-dehibe toy ireny mba tsy haharesy tondro maso ny mpikarakara azy. Ato amin'ity zana-pizarana ity no handinihana ny fomba amam-pihetsika maro samihafa hotontosaina mandritra izany. Hojerena voalohany ny fiomanana sy fanatonana ny toeram-pisoronana ; arahin'ny vavaka fangatahana sy firariana izany ary mitohy amin'ny sakafo iarahan'ny mpanotrona rehetra izany. Amaranana azy ny fakana ny tany masina sy fizarana ny hena masina.

### 2-4-1- Ny fiomanana sy fanatonana ny toeram-pisoronana

Tsy neken'ny Ntaolo izany hanao zavatra kimaimaika na tsy am-piheverana izany. Mila miomana hatrany aminy raha hanao fomban-drazana na hanatona ny toerana masina fanaovana sorona.

**Fiomanana**

Marihina etoana fa ny sorona tontosaina ao amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka dia misokajy roa, ao ny sorona iarahan'ny foko manatanteraka toy ny soron'Andriambolafotsy. Ny mpiray foko no mpikarakara sy manao izay hahatomombana ny sorona. Ny faharoa kosa dia sorona tanterahin'ny fianakaviana iray na olona maromaro. Na izany aza anefa mitovitovy ihany ny fiomanana amin' ny fanatanterahana azy.

Rehefa voatondron'ny mpanandro na mpimasy ny andro mety hanaovana ny sorona dia efa manomankomana ny hoenti-manana amin'ny lanonan-drazana ny Fehiloha sy ireo Lohavohitra. Ny mponina iray manontolo izany hoe ny tokantrano tsirairay no tsy maintsy manefa ny adidy ary araka ny ananana no atolotra. Tsy vola anefa no omena amin'izany fa vary izay antsoina hoe « satan'andriana » ary ny Lohavohitra isam-bohitra no mandray an-tsoratra ny « fatana » manatitra adidy. Ny vary voaangona no hanomanana sy hamolavolana ny fitaovana rehetra hoenti-miatrika ny sorona.

Iray volana mialoha dia efa voaangon' ireo Lohavohitra isam-bohitra ny satan'andriana izay adidy efain'ny isa-patana ; voavidy ny omby atao sakafo sy ny omby hoenti-misorona ary voatsinjara ny asa aman-draharaha manandrify ireo vohitra tsirairay. Samy vonona hiantsoroka ny adidy aman'andraikitra tojo azy avy ny tsirairay. Roa andro mialoha ny sorona, efa voapetrapetraka sy milamina daholo ny zavatra rehetra hoenti-manefa izany, indrindra ny fotsim-bary sy ny omby atao sakafo ary ireo fitaovana fototra ilaina amin'ny sorona : ny omby sy ireo zavatra maro samihafa. Eny Miantsoarivo misy ny lava-baton'Andriambolafotsy izay toeram-pisoronana no hananganana ny trano zozoro asiana ny fitaovana rehetra hoenti-manana amin'ny fikarakarana ny sakafo.

Ny takariva mialoha ny andro anaovana ny sorona no itsofana ny mozika manodidina ny tanàna sy eo amin'ny fasan'Andriambolafotsy mba ho fampiomanana ireo Razana sy ho fampihaonana ny tontolon'ny hita maso sy ny tsy hita maso no dikan'izany eo amin'ny zanabibiandriakomanjaka.

Toy izay ny fiomanana atao rehefa manatanteraka ny soron'Andriambolafotsy. Ny sorona ankoatra izay kosa dia ny mpanefa sorona na ny olona mpikarakara izany no miantoka ny hoenti-

manana rehetra amin'izany. Iarahan'ny fokonolona manatontosa kosa ny asa aman-draharaha sy ny fombafomba atao amin'ny sorona.

**Fanatonana ny toeram-pisoronana**

Efa vory lanona eo amin'ny toeram-pivoriana avokoa ny rehetra raha vao mipaika ny amin'ny enina ora maraina izay fotoana voatendrin'ny mpanandro iaingana hamonjy ny toeram-pisoronana. Entina manodidina impito eo amin'ny fasan'ny mpanjaka Andriambolafotsy ny omby mialohan'ny iaingana. Roso ny dia ; rohain'ireo tovolahy avy ao Andrainarivo ny omby ; entina mamakivaky ny tanànan'i Soavinandriana izany arahin'ireo mpitsoka mozika sy ny olona rehetra. Mitari-dalana ny olona amin'izany ny Lohavohitra sy ireo ray aman-dreny avy ao Andrainarivo.

Efa miandry eo amin'ny vavahadin'ny tanànan'i Miantsoarivo kosa ny Fehiloha sy ny Lohavohitr'Andraibiby sy Miantsoarivo miaraka amin'ny ranomahery. Mitotorebika mandihy ny olona raha vao migadona eo am-bavahadin'ny tanànan'i Miantsoarivo. Afafin' ireo Lohavohitra ny ranomahery sy ny fototra, arahin'ny Fehiloha teny hoe : *« Oy ! Oy ! tonga izay rehetra, ka miantso anareo Zanahary sy ray Razana masina, ray kaiky amin-dry neny. Avy manatona ny lapa am-panajana hanome voninahitra sy hanati-pisaorana ho anareo ; koa manatreha re izao fotoana masina anaovam-pivavahana aminareo izao ».*

Tonga eo amin'ny lapa isoronana ny olona ; mitohy ny dihy. Entina miodidina impito ny toeram-pisoronana ny omby. Arahin'ireo Lohavohitra fafy ranomahery hatrany izany. Afatotra eo amin'ny hazo tokana ny omby ary maka toerana avokoa ny rehetra. Miroso amin'ny kabary ifandimbiasan'ireo manam-pahefana isa-tsokajiny sy ny Fehiloha ary ireo Lohavohitra ao an-toerana.

### 2-4-2- Ny fotoam-pivavahana sy firariana

Ny mitataovovonana no fanaovana ny sorona ao amin'ny zanabibiandriakomanjaka. Fotoana izay heverina fa fiaton'ny zavaboaary rehetra sady atoandro benanahary ka vory eo avokoa ny hery tsy hita rehetra. Mialoha io fotoana voatondro io ; afatotr'ireo tovolahy ny tongotra aman-tanan' ny omby ary fafazan'ny Lohavohitra ny fototra. Mipaika ny amin'ny roambinifolo ora atoandro efa voararaka anaty lava-bato ny fototra ary tafakatra ambony lava-bato ny omby.

Atomboka avy hatrany ny fivavahana ataon'ny Lohavohitra. Mijoro manodidina manatrika ny lapa ny olona rehetra. Miakatra ambony lava-bato ny Lohavohitra. Esoriny ny satrony ; raisiny ny baramina ka atsatony eo amin'ny tendan'ilay omby sady miantso an'i Zanahary sy ny Razana izy. Esoriny iny vao mamono ny omby ireo tovolahy mpisorona

terak'Andriambolafotsy. Kendrena ifanandrify tsara amin'ny vava-lavaka ny tendan'ny omby mba ho tafiditra ao ny rà. Mandritra izany fotoana izany, manatsatoka ny baramina eo ambony trafon'omby sady manangana ny tanany havanana manandratra vavaka ny Lohavohitra. Faranany amin'ny fanolorana ny rà izay heverina fa fanatitra mendrika sy lafatra ary sakafo ho an'ireo hery tsy hita izany. Toy izao no ataony amin'izany *: «Tsy avy ila zavatra aminareo fotsiny izahay fa tonga anati-panajana anareo Zanahary sy ray Razana kaiky amin-dry neninay ; koa raiso fa atolotray am-pitiavana ny rà anjara sakafonareo ; fa avy taminareo ihany no niavian'ny omby nakanay izany ».*

Ny vavaka ataon'ny Lohavohitra tsy maintsy tononina mafy ho ren'ny rehetra. Miara-miombom-bavaka ny mpanatrika rehetra anatin'izany fotoana izany. Samy mangataka izay zavatra iriany. Atsatoky ny Lohavohitra ao anaty lava-bato ny baramina rehefa vita ny tonom-bavaka nataony ary arotsany ao ny fototra, arahiny tantely izany. Tsy esorina eo ambony lava-bato ny omby raha tsy efa vita ny fiaraha-misakafon'ny daholo be.

**Sary 3: Sary maneho ny Lohovohitra mivavaka sy mirary**



**Loharano : Ny mpikaroka**

### 2-4-3- Ny sakafo

Tsy afa-misaraka amin'ny fomba fivavahan-drazana arahin-danonana toy ny sorona ny fiaraha-misakafon'ny besinimaro tonga nanatrika nanome voninahitra izany sy ireo hery tsy hita nantsoina.

Tiana ny manamarika fa tsy ny omby avy nanaovana sorona no andrahoina atao sakafo eto ; fa efa misy ny omby natokana ho amin'izany. Ny volon'omby voatondron'ny mpanandro ihany no vonoina atao sakafo. Tsy azo hetsehana eo amin'ny toerana nisy azy ny omby nisoronana mandritra ny fisakafoanana. Anisany fotoana tena andrandrain' ny maro ny fiaraha-misakafo amin'ny sorona toy itony satria misy ny fanatrehan'ny Zanahary sy ireo Razana ka hahazoana fitahiana sy fanambinana. Inoan'ity foko ity aza fa sitrana avy hatrany ireo marary manatrika izany.

Maty paika ny fandaminana ny fikarakara ny sakafo sy ny famahanana ny fokonolona. Velarina manodidina ny tsihy hisatra. Mipetraka ambonin'iny ny olona ka ireo ray aman-dreny sy ny lehilahy avy any avaratra sy atsinanana ; avy any amin'ny andrefana sy ny atsimo kosa ny zaza amam-behivavy. Ny tanora lahy sy vavy no mpandroso sakafo. Alahatra eny anoloan'ny olona ny loviam-bary sy lovian-daoka ka atao mifanelanelana. Ialohavan'ny vavaka ataon'ny Lohavohitra hatrany izany fiaraha-misakafo izany. Mamarana tanteraka ny fisakafoanana ireo tanora mpikarakara sy namahan'olona.

Maneho ny firaisam-po sy fihavanana ity sakafom-piraisana ity. Mampiharihary ny tsy misara-mianakavy izay foto-pisainana malagasy ihany koa izany. Tandindon'ny fiombonan'aina sady mandravona ny tontolon'ny velona hita maso sy ny tontolo miafina any an-koatra izany fiaraha-misakafo izany.

### 2-4-4- Ny fakana tany masina sy fizarana ny hena masina

Ny rindran-damina nampiharin'ireo ray aman-dreny teo aloha tamin'ny fanatanterahana sorona ihany no nolovain'ireo taranany aty afara ary tsy sahiny novana izany. Araka izany, ny fakana ny tanimasina sy fizarana ny hena masina no amaranana ny lanonam-pivavahana.

**Ny fakana tany masina**

Miakatra eo amin'ny lampy vato misy ny omby novonoina ny Lohavohitra, misaotra sy mankasitraka ny olona rehetra amin'ny fahavitan'ny fivavahana. Ampidinin'ireo tovolahy ny omby nisoronana ho eo amin' ny lasy na ny toerana natokana ametrahana izany. Raisin'ny Lohavohitra ny baramina, atolony ny mpita-marika.

Miroso avy hatrany amin'ny fakana ny tanimasina ny olona rehefa vita izay. Misy lamina napetraka hoenti-manatanteraka izany. Misesy isam-bohitra ny fakana ny tanimasina ka izay vohitra voaantso no manatona. Ny mpita-marika no miandraikitra ny fakana izany. Toy izao no fomba ataony amin'izany ; mitsatoka eo ambony lampy vato izy ary manatsatoka ny baramina ao anaty lava-bato. Ny olona kosa milahatra tsirairay manatona azy maka ny tany manaraka ny baramina. Mety ho intelo na inefatra atomboka ao amin'ny lava-bato ny baramina vao mahazo izay ampy azy ny olona iray.

Tena sarobidy amin'ny zanabibiandriakomanjaka ny tanimasina. Inoan'ity fiarahamonina ity fa fitaovana mahomby afaka miaro azy amin'ireo fahavalo manani-bohitra sy amin'ny ankaso na ny hetraketraky ny natiora ny tanimasina ; ka nampiasain'izy ireo atao famato sy fiaro ary ody havandra. Ilainy koa izany amin' ny fanatanterahana ireo fomban-drazana maro samihafa.

Manaraka hatrany ny toromarika nomen' ny mpanandro na mpimasy ny fanatanterahana izany. Hentitra ihany koa ny baikon'ny Lohavohitra amin'ny fifehezana ny fotoana. Manaiky sy mankato izany ny tsirairay ka tsy misy mitaredretra eo am-panefana izany ; fa samy miezaka hahatratra ny ora voatondro.

**Sary 4: Sary maneho ny olona maka tanimasina**



**Loharano : Ny mpikaroka**

**Fizarana ny hena masina**

Ny henan'ny omby novonoina nanaovana sorona no antsoina hoe « hena masina ». Heverina fa mitondra fanambinana sy fahasoavana ho an'ny mpanatrika izany noho izy masina ary ifindran'izany fahamasinana izany ny tsirairay avy.

Madiva ifarana ny lanonana, vory lanonana eo an-dasy ny Fehiloha sy ireo Lohavohitra telo mirahalahy arahin' ireo tovolahy matanjaka ikarakara ny omby avy nanaovana sorona. Rasaina ny omby rehefa voatsodranon'ny Fehiloha tamin'ny ranomahery. Ny Lohavohitra no mandamina ny fitsinjarana ny hena. Toy izao ny fandaminana ny fizarana izany. Isana ny isan'ny vatan'ny vary ary atao mitovy isa amin'iny ny tokon-kena izany hoe vary iray vata= hena iray toko. Mangarahara ary tsy misy fijeren-tavan'olona ny fizarana ny hena fa ny vary naloan'ny tokantrano iray no mamaritra ny tokon-kenany.

**Sary 5: Sary maneho ny fizarana hena masina**



**Loharano : Ny mpikaroka**

Tsinjaraina avokoa ny hena rehetra afa-tsy ny trafon'omby ihany. Fitaovana ampiasain'ity fiarahamonina ity rehefa miantso razana izany sady atao hanatanterahana ny fombafomba eo amin'ny lava-baton'Andriambolafotsy izany rehefa mitoreo ny andro. Tsara homarihina fa ny mpita-marika ihany no mitahiry ny trafon-kena.

Miroso amin'ny fanandratana ny trafon-kena ny Lohavohitra rehefa voatsinjara isan-tokony ny hena. Atolony ny mpita-marika ny trafon-kena ; manandra-bavaka izy ka Zanahary no antsoiny mialoha. Rehefa tapitra ny tonom-bavaky ny Lohavohitra dia miara-miredona ny olona rehetra manao hoe : *« Ankasitrao, ray Zanahary tsitoha, ankasitrao ray Razana masina fa io no emboka manitra atolotray anareo any andro, any volana, any taona ».*

Zaraina ny hena rehefa vita izay. Mifandimby miantso ny olona aka izany ny Lohavohitra isam-bohitra sady manonona izay tokon-kena mifanaraka amin'ny adidy na satan'andriana noefainy. Manolotra izany ho an'ny olona kosa ireo tovolahy matanjaka. Milamina tsara ny fizarana ny hena masina ary tsy misy diso anjara ny tokantrano tsirairay.

Mariky ny fiombonam-po amam-panahy ny hena masina ifampizaran'ny mpiaraha-monina sady maneho ny firaisan-kina sy fihavanana. Mandravona ny tontolon'ny hita maso sy ny tontolo miafina ihany koa izany ary mampirindra ny rohy sy ny tsimbalivalim-pifandraisana mampifamatotra ny olombelona amin'ny hery tsy hita.

# FEHINY

Nampahafantarana ato amin'ity fizarana faharoa ity ny momba ny sorona sy ireo tandindona ary ny fomba amam-pihetsika hanefana ny fivavahan-drazana. Hetahetan' ny olon-drehetra ny ho sambatra sy finaritra eo amin'ny fiainany ; hiriany fatratra ny hanana fahasalamana sy fahavelomana azo antoka ; fikasany mafy ny hahomby eo amin'ny fitadiavana sy fiharian-karena. Izany rehetra izany no antom-pisian'ny sorona raha hatao indray mitopy maso.

Anjakan'ny hery miafina ny tontolo manodidina ny olombelona. Asehony sy takarany amin'ny alalan'ireo zavaboaary manodidina azy toy ny omby, rano, baramina, zava-maniry, sns, izany. Kendrena amin'izany ny fampitovizana ny endri-piainan'ny fiarahamonina sy ny tontolo miafina.

Miavaka ny hasina maha izay azy ny mpandray anjara rehetra amin'ny fanatontosana ny sorona. Mifameno sy mifampiankina ary mifampiako ny andraikitry ny Fehiloha sy ireo Lohavohitra, ny mpanandro na mpimasy, ny mpanefa sorona ary ny mpiara-monina ka milamina sy mirindra ny asa rehetra. Ny fivondronan'ireo hery ireo ary ireo hery ivelany voajanahary eo amin'ny fiarahamonina sy ny natiora manodidina no antoka mampahomby ny fandrindrana an'ity fivavahan-drazana ity.

## Fizarana fahatelo

# Ny hevitry ny sorona

### III- NY HEVITRY NY SORONA

Manamarika ny finoana amam-pivavahana nentim-paharazana ny sorona. Mby an-tsaina avy hatrany ny fiantsoana an'ny Zanahary sy ny Razana raha vao miresaka io fombam-pivavahana io. Ato amin'ity fizarana fahatelo ity no anomezana ny hevitry ny sorona. Avy amin'izay no hanomezana andram-pamaritana ny fivavahan-drazana eto Madagasikara. Koa andeha àry hotakarana sy hazavaina izay mety ho hevitry ny sorona sy ny foto-pinoana malagasy raketin'ity fomba fivavahana ity. Hodinihana ato koa izay mety ho dikan'ny sorona, sy ny fanazavana ny finoana ijoroany. Manaraka izany ny soatoavina na fahendrena ilafihan'ny sorona ary faranana amin'ny sorona miatrika ny fampandrosoana izany.

#### 3-1- Ny dikan'ny sorona

Ny faritra, ny fiarahamonina ary ny foko sy ny vondrom-piarahamonina tsirairay avy eto amin'ny firenena dia samy manana ny fomba ilazany sy andikany ny fanatontosana sorona. Hoezahina hovaliana etoana izany. Matoa manefa ny fivavahan-drazana ny mponina dia ao ny andraikitra tazoniny izay mifaningotra sy mifamatotra akaiky amin'ny fandavorariana ny foto-pivelomany sy ny fiainany manontolo. Ny fandalinana ny endrika sy ny votoatiny no ahafahana misintona hevitra fa ny sorona dia nataon'ny olona fanoitra hoenti-mamolaka ny tontolo manodidina, fitaovana fiarovana, hanadiovana ny ota natao an-tsitra-po na tsy nahy, hisorohana ny loza sy ny tsiny. Natao ho fikajiana sy fiarovana ny fomban-drazana, tanindrazana, tontolo manodidina koa izany, sady fanorenam-pihavanana eo amin'ny foko sy ny hery tsy hita sy eo amin'ny foko samy foko ary eo amin'ny olona sy ny Zavaboaary.

##### 3-1-1- Fanoitra hoenti-mamolaka ny tontolo manodidina

Tsy afa-misaraka amin'ny hery tsy hita eo amin'ny tontolo voajanahary manodidinana azy ny zanabibiandriakomanjaka. Manampy sy mampivelatra ny asa fiveloman'ny mponina izany. Mavesa-danja taminy ny niaina tamin'ny natiora sy ny fandavorariana ny fifandraisana tamin'ireo hery tsy hita izay inoany fa mamaha ny olana sedrainy amin'ny fanatontosana ny asa foto-pivelomany.

Fatra-panaja ny hasin'ireo hery tsy hita eo amin'ny tontolo manodidina azy ity vondrom-piarahamonina ity. Manamarika izany ny fomba fanaony izay tsy maintsy mifampiraharaha amin'ny natiora sy ny hery tsy hita mialoha ny hanaovan-draharaha na hamaky tany na hikapa ala.

Nomen-kasina ary tsy azo notsinontsinoavina ny Zanahary sy ny Razana izay heverina fa izy ireny no fototra niavian'ny zavatra rehetra ary tompon'ny zavaboaary ka afa-mamolaka ny natiora manodidina. Ny finoana izany no manery ny olona hanatanteraka sorona rehefa hisantatra

lahasa na an-tanety io na an-tanimbary. Fangataham- pitahiana sy hahamora ny fanefana ny lahasa ary ny hahavita izany soa aman-tsara no anton'izany. Mahatsapa ho tsy manana hery ampy sy tsy feno hoenti-mamolaka ny tontolo manodidinana azy mantsy ny olombelona ; hany ka miantsampy amin'ireo hery tsy hita izay ekeny fa fanoitra hampahomby ny fiatrehany ny zava-manahirana na ny olana sedrainy eo amin'ny fiarahamonina sy ny tontolo manodidina azy.

### 3-1-2- Fitaovam-piarovana

Mivelona sy mihary harena amin'ny alalan'ny tontolo voatr'olombelona sy ny tontolo voajanahary ny olona. Misedra olana sy mandalo fotoan-tsarotra anefa izy indraindray ka mitady fiarovan-tena sy fananana amin'ny Zanahary sy ny Razana izay manana hery hoenti-miady amin'ny hetraketraky ny natiora sy ny ankaso ataon'ny hafa.

**Fiarovan-tena**

Zava-tsarobidy amin'ny zanak'olombelona ny aina ka nankinina tamin'ny Zanahary sy ny Razana ny fiarovana izany. Izany no antom-pisian'ny sorona ; atao fiarovan-tena amin'ny aretina maro samihafa indrindra fa ny fahafatesana. Angatahin'ny raim-pianakaviana na ny Lohavohitra amin'ny tonom-bavaka ataony ny mba tsy ho faty ny marary fa isinda haingana kosa ny aretiny.

Ny ràn'ny omby vonoina atao sorona no iarovana ny ain'ny olona sy ny mpanefa sorona mandritra ny fitokanan-java-baovao toy ny trano, fasan-drazana sns ; raha tsy isoronana mantsy ireny zavatra ireny dia mety handresy tompo na haka olona na koa handripaka ny fianakaviana. Ho fiarovana amin'izany ny ranomahery sy ny fototra afafy amin'ny olona mpanatrika sy mpanefa ny sorona. Ny tonon'andro mantsy hoy ny Ntaolo tsy maha lehilahy ka tsy hay izay mety tsipik'andro ka tsy maintsy sorahana dieny mialoha izany mba tsy hanambaka ny aina.

Manan-kasina sy ambony loatra ny Zanahary sy ny Razana ka tsy mba azo vazivazina fa manafay izay maniratsira azy ary tezitra amin'izay minia mandika ny fady. Manosika ny olona hanao sorona ny tahotra izany. Matetika ny olona lasan-davitra mandeha mila ravinahitra amin'ny vondrom-piarahamonina na foko voasarika manaraka ny fanaon'ny hafa noho ny fifampikasohana ka manjary mandika ny fadin-drazana sy ny fanaon-drazany. Mahatezitra an'ny Zanahary sy ireo Razana anefa izany ka mety hahafaty ny olona nanao izany na koa ny fianakaviany izay mijanona an-tanindrazana. Ny fanaovana sorona ihany no fitaovana mahomby ialana amin'izany. Amin'ny alalan'io fivavahana io ihany no angatahana sy italahoana amin'ireo hery tsy hita ny mba hiarovany an'ireo mpila ravinahitra lasan-davitra tsy ho resin'ny fahafatesana, na ho vonoin'ireo fahavalo fa mba ho ela velona ka ho tody soa eo an-tanindrazana.

**Fiarovana ny fananana**

Midika ho fiarovana ny fananana sy ny tanindrazana ary ny vohitra ny sorona. Lahara-pahamehana eo amin'olona ny manao sorona mialohan'ny taom-pambolena ny vary be mba hangatahana fitahiana avy amin'ireo Razana sy hampahomby ny voka-bary. Natao isorohana ny loza voajanahary izay fahavalon'ny fambolem-bary toy ny havandra, ny tondra-drano, ny hain-tany izany. Amin'ny maha foto-piveloman'ny foko zanabibiandriakomanjaka ny fambolem-bary dia mampiasa fiarovana antsoina hoe « fiaro » izy amin'izany. Ilaina hamasinina izany mialohan'ny ametrahana azy eny an-tanimbary ka mandrindra ny fotoam-pivavahana angataham-pitahiana sy fiarovana ny fambolena no hanamasinana sy hakana ny « fiaro ». Fiarovana natokana ho an'ny fambolena na ny voly irery ihany ny « fiaro ».

Tsy amin'ny fambolena ihany anefa no ampiasana ny fiarovana toy izany fa amin'ny biby fiompy sy ny vohitra onenana ihany koa. Ho fiarovana ny fiompiana sy ny fananana amin'ireo fahavalo mpanani-bohitra no antony ampiasaina ny « famato ». Ny famato dia tsy inona fa ody namboarin'ireo mpimasy nampiarahana amin'ny tanimasina. Inoan'ity fiarahamonina ity fa fitaovana mahomby iarovana amin'ireo fahavalo mpanani-bohitra sy mpangatra omby ny famato ka apetrany eny an-jorom-bala sy manodidina ny tanàna. Anampiany izany ny fanoafany ny laona hazo eo akaikin'ny varavaram-be. Soloina isan-taona io famato io ka amin'ny alalan'ny sorona hatrany no hanamasinana azy.

Tsy fihetsika na fomba vao noforonina akory izany fa efa riba nolovain'ireo zanabibiandriakomanjaka tamin'ireo Razam-beny. Tsy mahagaga intsony ny mahita ny ody kely miantona amin'ireo toerana maro samihafa ao amin'ity vondrom-piarahamonina ity. Mitahiry ny ody antsoina hoe « ramorabe » izay ody natao hanangonan-karena ihany koa ny olona ka na mividy na mivarotra dia ampiasaina izany hanamora ny fahazoan-javatra sy hampandeha ny varotra no anaovany izany. Matetika hahosotra amin'ny tanàna sy ny lohan' ny olona izany raha hividy zavatra izy ; mba hahazoana zavatra amin'ny vidiny mora no anaovany izany. Afafy amin'ny zavatra amidy kosa ny ody raha hivarotra ka raha vao mikasika na manontany izany, hono, ny mpividy dia voasarika hividy avy hatrany.

### 3-1-3- Fikajiana ny fadin-drazana sy ny tontolo iainana

Fitaovana mahomby natao ikajiana sy iarovana ny tontolo manodidina ny fivavahan-drazana toy ny sorona. Voaaro sy voakolokolo ny tontolo manodinana ary voatandrina ihany koa ny fadin-drazana maro samihafa noho ny tahotra an'ny Zanahary sy ireo Razana izay inoan'ny olona fa mahita ny ao amin'ny miafina rehetra.

Tompon'ny hery sy fahefana rehetra ny Razana ka omen'ny olona hasina ny zavatra rehetra enti-mifandray aminy. Arovana ny biby, ny hazo, ny vato, ny tany ary ireo zavatra maro samihafa satria inoana fa miaro ny ain'ny foko. Hasinina ireo toerana masina fanatanterahana ny fivavahan-drazana. Tsy ataotao foana anefa izany fa mitaky fanajana ireo fady napetraky ny Razana amin'ny fanaterana ny fanatitra.

Mifankazatra loatra amin'ny zavaboaary sy ny tontolo manodidina azy ny Zanabibiandriakomanjaka ka mora taminy ny mahalala izay mety ho fiovan'ny toetr'andro na fisiana sehon-javatra mampiahiahy eo amin'ny faritra misy azy. Tsy miandry ny loza ny olona fa avy hatrany dia manao izay hamerenana ny tontolo iainana amin'ny laoniny. Midika ho fahatezeran'ny Zanahary sy ny Razana ny fiantonan'ny orana koa heverina fa ny fanefana sorona no vahaolana haingana ialana amin'izany.

Midika ho ota fady ny fanimbazimbana sy fanaovana tsinontsinona eny amin'ireny toerana masina izay itobian'ny fanahin' ireo hery tsy hita maro samihafa mpiantoka sy mpandavorary ny fahaveloman'ny olona. Natahoran'ny olona mafy sy notandremany fatratra ny toerana toy ireny satria mahavoa tsiny. Noho izany voakajy sy voaaro ny fadin-drazana sy ny tontolo iainana.

### 3-1-4- Fanamafisana sy fanorenam-pihavanana

Iraisan'ny foko maro ny fiheverana ny sorona ho fitaovana fanamafisana sy fanorenam-pihavanana. Eo ny fanorenam-pihavanana amin'ireo mpiara-belona eo amin'ny foko na fiarahamonina manodidina ; eo ihany koa ny fihavanana amin'ireo hery tsy hita izay inoana fa masina.

#### Fanorenam-pihavanana amin'ny mpiara-belona

Fombam-pivavahana manamafy ny fifamatoram-pihavanana eo amin'ny mpiara-belona ny sorona. Natao andrindrana sy anatsarana ny fihavanana efa nisy izany ho an'ny olona ao amin'ny foko zanabibiandriakomanjaka. Antsoina mandrakariva ireo hery tsy hita ho vavolombelon'ny fifamelana eo amin'ireo olon-droa nisy disadisa. Arahin'ny Lohavohitra vavaka sy tsodrano ny mba hifankatiavany sy hifamaliany soa.

Anorenana na ananganana fihavanana amin'ireo olona hafa ivelan'ny foko na fiarahamonina hafa ny sorona. Amin'ny alalan'ny fiantsoana an'ny Zanahary sy ny Razana hanatrika ny fivavahan'ireo Lohavohitra sy ny tsitsika ifanaovan'ny andaniny sy ny ankilany no anatontosana izany. Mijoro eo anoloan'ny toeram-pisoronana ireo mpifanangana sady mifanao

velirano ny hifanisy soa, hanaja ny hafatry ny Razana, hankato ny fadin-drazana rehetra ary hitana ny teny nomena ka tsy hivadi-panekena hatrany hatramin'ireo taranaka fara mandimby.

Andaminana ny savorovoro na ny korontana miseho eo anivon'ny fiarahamonina na ao amin' ny fianakaviana ihany koa ny sorona. Heverina ho tompon'ny fahefana fara-tampony ny Fehiloha ka nankinina taminy ny fandaminana ny raharaha nanahirana ny Lohavohitra. Ny fisoronana ihany no vahaolana amin'izany ao amin'ity vondrom-piarahamonina ity. Baiko avy amin'ny Fehiloha no anatanterahana izany sy iantsoana an'ny Zanahary sy ny Razana hamitrana ny fihavanana. Toe-javatra natahoran'ny olona mafy ny toy izany ka ekeny tsy misy fepetra ny fampihavanana atao amin'izany.

**Fanamafisana sy fanorenam-pihavanana amin'ireo hery tsy hita**

Ho fitandroana ny fihavanana amin'ny Razana dia miera aminy aloha ny taranany vao mampiasa ny fitaovana navelany. Raha sendra tra-pahasahiranana aza ka hivarotra ny lova navelany dia tsy maintsy misorona omby mialohan'ny anaovana izany. Mari-panajana sy fikolokoloana ny fihavanana amin'ireo Razana no anton'izany ; tsy mba natao ambanin-javatra izany satria miantoka ny fahombiazan'ny fiainana sy ny fahaveloman'ny olona ny fahatsaran'ny fihavanan'ny velona sy ny Razana

Mangataka alalana na miera amin'ireo hery tsy hita ihany koa rehefa hamaky vato na hikapa ala manakaiky ireo toerana masina. Tanterahana amin'ny alalan'ny fivavahana toy ny sorona ny fomban-drazana atao amin'izany. Atao ala faditra ny omby ary ambara amin'izy ireo ny fikasana hampiasa na haka ireo zavatra. Ny ràn'omby alatsaka atao sorona eo amin'ny faritra angatahana iny dia maneho ny fifamatoram-pihavanana eo amin'ny velona sy ny hery tsy hita sady ho fikajiana ny fihavanana misy eo amin'ny andaniny sy ny ankilany.

### 3-2- Ny finoana iorenan'ny sorona

Fatra-mpandala ny finoana amam-pivavahana nentim-paharazana ny Malagasy. Zary foto-pisainana raiki- tampisaka ao aminy ny finoana an'ny Zanahary izay mpahary ny olombelona ; ny Razana ivavahana sy angataham-pitahiana ; ny hery sy ny fanahy mitoetra ao amin'ny zavaboaary ary ny fianteherana sy fahatahorana ny hery ivelan'ny tena toy ny vintana.

#### 3-2-1- Zanahary

Hery manentana sy manainga ny olona hivavaka ny finoana. Izany no manery ny feon'ny fieritreretany hihaino, hankato, hitsaoka ary hamaly ny antson'izay heveriny ho masina. Manana

ny foto-pivavahana izay ninoany ny Malagasy fahiny. Porofon'izany ny mbola anefan'ny olona ny sorona, ny fanatitra, ny ala faditra ho an'ireo hery ivavahany.

Mpahary ny olombelona ny Zanahary ka tsy mba hadinon'ny olona ny manao fanompoam-pivavahana aminy. Fomba enti-maneho ny finoana amam-pivavahana aminy ny fanaovana sorona ary ho mari-panajana sy ho fankasitrahana an'ny Zanahary no antony iantsoana azy rehefa manatanteraka lanonam-pivavahan-drazana na fomban-drazana hafa.

Manam-pahefana amin'ny zavatra noforoniny ny Zanahary. Mandrindra sy mandamina ny fiainan'ireo zavaboaary izy. Raha sendra mibirioka ny olombelona na misy tsy mety ny ataon'ny fiarahamonina dia mila manao fanompoana Zanahary amin'ny alalan'ny fanaovana sorona ; iantsoana an'ny Zanahary hanaisotra sy hanadio ny olona ho afaka amin'ny fahotana na fahadisoana.

Tsy hay tohaina ny herin'ny Zanahary. Mpahary tongotra aman-tanana ny olombelona sady mpamorona ny zavaboaary izy. Tsy takatry ny sain'ny olona izany ka manangan-javatra izy izay apetrany sy omeny endrika ho Zanahary. Noho izany misy ny ataony hoe Zanahary be sy Zanahary kely. Amin'ny alalan'ny lanonam-pivavahana toy ny sorona no entin'ny olona manompo sy mifandray amin'izy ireo.

### 3-2-2- Ny Razana

Hery tsy hita inoan'ny Malagasy ny Razana. Nomen-kaja manokana ary natahorana mafy mihitsy ny fanahin'ny olona maty izay efa vita fanandratana ho Razana. Ivavahana sy angataham-pitahiana izy ireny. Ka ny sorona no fitaovana hoentina manatona sy iantsoana azy. Heverina fa mivezivezy sy miriria any ankoatra ny Razana amin'ny maha fanahy azy. Ho famoriana sy fampiomanana ny Razana hanatrika ny lanonam-pivavahana no antony itsofana mozika eny amin'ny vavahadin'ny tanàna sy ny fasan-drazana rehefa hanatontosa sorona ny olona.

Mino ny hasin'ny Razana ny Malagasy. Loharano nipoirana, loharanon-karena ary mpiahy ny fiainan'ny olombelona izy. Mivela ao an-tsaina ary tsy voakosika ao am-pon'ny olona izany toe-javatra izany; ka mamolavola sy manefy ny toe-tsainy hifikitra amin'ny fomban-drazana. Maneho izany ny fomba fiharian'ny mponina. Avy amin'ny Razana ny vola, ny fananana, ny harena. Mampitombo sy manatsara ny fiharian-karena ary mampahomby ny fitadiavana ny fahazotoana mivavaka na misorona ho fangataham-panambinana amin'izy ireny. Mahery ny fitahiana sy fiarovan' ny Razana ka tsy mba soparan'ny fahavalo na ny natiora ny fananan'izay mivavaka aminy. Mikorosy fahana, ripaka, rava, lany tamingana kosa ny fananan'ireo manao tsinontsinona ny hasin'ny Razana.

Miahy ny fiainan'ny olona ny Razana. Heverina ho tompon'ny aina sy ny fahavelomana izy. Koa raha misy marary ao amin'ny fianakaviana na eo amin'ny fiarahamonina dia antsoina ny Razana hangatahana hanasitrana sy hampahery ny marary. Matetika dia mamono omby atao sorona mihitsy ny olona rehefa mivaly ny fivavahany.

Ny fombam-pivavahan'ny Razana Malagasy taloha dia nifikitra tamin'ny finoana amam-pivavahana tamin'ny fanahin'ny olona efa maty na ny Razana mpanjaka, na taolambalon'ireo havany na ray aman-dreniny na koa olon-kafa izay inoany fa hitera-doza sy hamoa-tsampona taminy ny fanimbazimbana na tsy fankatoavana azy ireny.

### 3-2-3- Ny Natiora

Inoan'ny olona ho manam-panahy ny natiora manodidina azy. Misafidy ny toerana sy ny fonenana tiany ipetrahana ny fanahy ao amin'ny natiora manodidina. Najarian'ny olona sy nivavahany ireny toerana na zavatra ireny. Ohatra amin'izany ny loharano anaty kirihitra, ny dobo anaty antsana, ny ala mikitroka be, ny vatolampy na vato lahy, ny hazo, sns. Heverin'ny mponina ho manan-kery ny fanahy ao amin' ireny zavatra ireny ka afaka manampy azy amin'ny olana sedrainy eo amin'ny fiainana.

Heverin'ny Malagasy fa ny fanahy monina amin'ireny toerana ipetrahany ireny no tompon'ny tany sy ny zavatra rehetra eo na an-tanety na anaty rano. Nomen-kasina manokana sy hajaina fatratra izy ireny ; ka raha hampiasa ireny zavatra ireny ny olona dia tsy maintsy manefa sorona ho fangatahan-dalana amin'ireo hery amam-panahy ao amin'ny Natiora mba ho hambinim-pahasoavana ary hahomby amin'izay atao rehetra.

Tompon'ny harena an-kibon'ny tany ihany koa ny hery sy ny fanahy ao amin'ny Natiora. Vavolombelon'izany ny fanaovan'ny olona sorona omby jaolahy mena eny amin'ny toerana hangadiana volamena ; iantsoana ireo hery sy fanahy angatahana alalana sy anome fitahiana amin'ny fitrandrahana atao ka hahefa izany soa aman-tsara.

### 3-2-4- Ny vintana

Ny vintana dia maneho fa ny tontolo iainana dia mametra ny toetry ny olombelona sy izay anjarany ary ny zavatra ao amin'ny faritra itoerany dia misy firindrany miafina amin'ny zavaboaary ao amin'ny natiora manodidina. Heverina fa samy manana ny vintany ny olona tsirairay saingy tsy fantany sady tsy hainy kosa ny mamantatra ny mety ho vintany sy ny firindran'izany amin'ny tontolo manodidina azy ka manatona mpimasy na mpanandro hatrany izy mamantatra ny vintana mba ialana amin'izay mety ho loza ateraky ny tsy fahalalany.

Hery hafa, hery ivelan'ny olombelona ny vintana[19] ka natahoran' ny olona mafy satria heverina fa hamoa-doza na hampikorontana ny fiainany. Ny finoan'ny zanabibiandriakomanjaka izany no mahatonga azy hanao sorona rehefa misy zaza teraka vava alakaosy. Heverina ho ratsy vintana na mifanonto vintana amin'ny ray aman-dreniny mantsy ilay zaza ka atahorana sao handresy azy ireo ka ilaina fanamboarana ny vintany. Andraikitry ny mpimasy ny manarina izany ifanandrify sy ifanaraka amin'ny vintan'ny mpianakavy. Toe-javatra tena natahoran'ny Malagasy ny toy izany satria mety haharava fananana na hahafolaka an-datony na hanambaka ny aina. Nafainganina araka izany ny fotoana anaovana ny sorona fanarenana vintana. Raha ohatra aza tsy ampy ny hoenti-mananan'ilay tompon-janaka dia ny fianakaviana no miara-misalahy amin'ny fanomanana ny fitaovana rehetra ampiasaina amin'ny fanatontosana ny sorona. Ny ampisy ny filaminana sy ho fiarovana ny fahavelomana no tsinjovina amin'izany.

Amin'ny finoan'ny Malagasy mbola arahin'ny maro ankehitriny dia ny mpanandro sy ny mpimasy no mahalala ny lalàna miafina mifehy ny tontolo iainana, ary izy ihany koa no afaka misoroka ny loza mety hiseho sy manarina izay vintana mitongilana na ratsy.

### 3-3- Ny soatoavina na fahendrena ilafihan'ny sorona

Endrika fiombonam-pinoana ateraky ny fifandraisan'ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy ny fivavahana. Amin'ny fombam-pivavahan-drazana toy ny sorona dia misy ny soatovina na fahendrena fototra milafika. Tsikaritra indrindra izany mandritra ny fanatontosana ny lanonam-pivavahana satria misongadina amin'io ny soatoavina maha malagasy izay maneho fihavanana sy firaisan-kina ; mirakitra ny haren-tsaina ; mitahiry sy mamelo-maso ny vako-drazana ary aina ho an'ny fiarahamonina.

#### 3-3-1- Maneho fihavanana sy firaisan-kina

Fivavahan-drazana ahitana taratra ny fihavanana sy ny firaisan-kina malagasy ny sorona. Miara-mientana ny rehetra amin'ny fanefana ny adidy aman'andraikitra amin'ny fanatontosana izany. Iombonan' ny isam-batan'olona ny asa aman-draharaha rehetra. Mivondrona ny mponina amin'ny fanatanterahana ny fivavahana ka avohitrany amin'izany ny fihavanana sy ny firaisan-kina izay mampifamatotra ny tsirairay avy.

Mifono fanajana sy fankatoavana ireo ray aman-dreny ny sorona. Maneho izany ny faneken'ireo olona ny lamina rehetra ifampitondrana sy ifampifehezana mandritra ny fotoam-

[19] RANDRIAMAROLAZA (L .P), 1979, « Ny vintana sy ny tendry » in Hiratra n° 01, STELARIM : « Ny vintana dia fiaikena ny fisian'ny hery ivelan'ny olombelona ». p.138

pivavahana. Tandindon'ny firaisam-po amam-panahin'ny mponina ny fifanotronana sy ny fiaraha-misakafo.

Mirindra sy milamina ny tsimbalivaly mampifandray ny velona amin'ireo hery tsy hita maso. Mampahomby ny tonom-bavaka asandratr'ireo Lohavohitra ny fanatrehan'ny fokonolona ary heverina fa tena ankasitrahan'ny Zanahary sy ny Razana. Tsy tonga lafatra kosa izany raha misy fahabangana na tsy fiombonan'ireo hery velona mahaleo mahalasana ny sorona ireo.

Mahazo vahana ny fiombonam-po sy firaisan-tsaina ny olona rehefa manao ny fivavahana amin'ny Razana. Tsy lefin'ny fotoana mifandimby izany fa vao mainka aza manamafy ny fihavanana sy ny firaisan-kina eo amin'ny mponina. Tsy misy noho izany ny fisaraham-bazana na ny volo manoha-randrana fa mifankatia sy mifampatoky ny tsirairay ka mirindra ny fiarahamonina.

Mamitrana ny fihavanana misy eo amin'ny olona samy olona sy amin'ireo hery tsy hita ny sorona ; sady manamafy orina izany. Manamporofo izany ny sakafo iombonan'ny mpanatrika rehetra sy ny hena ifampizaran'ny tsirairay. Taratry ny fiombonan'aina sy mampiharihary ny tsy misara-mianakavy izay soatoavina Malagasy izany.

### 3-3-2- Aina mamelona ny fiarahamonina

Foto-piveloman'ny zanabibiandriakomanjaka ny fambolem-bary sy fiompiana. Araka izany mifamatotra tanteraka ny kolontsaina sy ny ny fiharian-karen'ny mponina noho izy miantehitra amin'ny finoana ny fivavahan-drazana amin'ny fikarakarana sy fanatontosana ny asa aman-draharaha rehetra ataony.

Antoky ny fahavelomana sy aina mamelona ny fiarahamonina ny sorona. Noho izy zary fitaovam-piarovana izay manafy hery ny olona ho afa-miatrika ny olana na ny fahasahiranana maro samihafa toy ny aretina, fahavoazana, lany harena, sns. Mampitombo sy manatsara ny vokatra io fivavahan-drazana io satria sady fanoitra hoenti-miady amin'ny hetraketraky ny natiora no fitaovam-piarovana hikajiana ny voly sy ny fananana.

Fomba iray handavorarian'ny mponina ny fiainana sy hifandraisany amin'ireo hery tsy hita maso ny sorona. Mihevitra ity fiarahamonina ity fa ny fahatsarana sy ny firindran'ny fihavanana amin'ireo Razana no antoka mampahomby ny fihariany sy ny fahavelomany. Midika ho fitsimbinana ny aina sy fitsinjovana ny faharetana, ny fitohizana ary ny ho avin'ny taranaka ny fombafomba atao sy ny fanandratana ny vavaka ataon'ny Lohavohitra mandritra ny fiantsoana ny Razana.

### 3-3-3- Mitahiry ny vako-drazana

Mirakitra ny vakomanitra navelan'ireo Razana ny fomba fivavahan-drazana toy ny sorona. Matetika amin'ireny lanonan-drazana miavaka ireny no hanehoan'ireo mpanatalenta ao amin'ny foko ny fahaizany miangaly ny hainteny, ny vako-drazana na ny aponga vilany izay ifaninanan'ny isam-bohitra ; eo ihany koa ny lalaon-tsaina ifanaovan'ireo lehilahy lehibe sy ny fifaninana rary sy tenona ampanaovin'ireo vaviantitra an'ireo tanora.

Ilafihan'ny vako-drazana Malagasy ny sorona. Maneho miharihary izany ny mbola fahitana ny zava-maneno fampiasan'ireo Ntaolo teo aloha toy ny sodina, mozika, ny aponga, ny angorodao sns ; ampiarahiny amin'ireo dihy izay nanavanana ny Razana toy ny vela-tanana sy ny dihy soroka izany rehefa milanonana. Tsy mati-maso ireny hanitra nentim-paharazana ireny fa mbola ankafizin'ny maro hoenti-manefa fomban-drazana.

Ampiasain'ity foko ity ho fankalazana lanonana atao amin'ny famadihan-drazana ihany koa izany rehefa mamono ny omby atao sorona eo amin'ny fasana ny Ntaolo taloha fa hangai-drazana. Kolontsaina tena mitahiry ny hanitra nentin-drazana tokoa ny sorona sady mamelo-maso ny soatoavina sy ny haren-tsaina Malagasy.

### 3-3-4- Mirakitra fanabeazana sy fampitana ny hery anaty

Fomba iray hanefena ny fiarahamonina hanana toetra mendrika sy vanona ny sorona. Mitahiry ny fanabeazana nentim-paharazana sady fampitana anatra amin'ireo taranaka ihany koa izany. Mandritra ny fanatanterahana ny fivavahan-drazana no hampatsiahivana ireo fadin-drazana sy ny fitsipika mifehy ifampitondrana ao amin'ny fiarahamonina. Natao ampahafantarana ny fomba amam-panaon'ny Razana amin'ireo taranaka fara aman-dimby ny sorona satria isaka ny manao io lanonan-drazana io dia tsy maintsy hazavaina sy haverina ny soatoavina ilafihan'ny sorona sy ny antom-pisiany.

Fanta-daza amin'ny fananana hery anaty enti-mitsabo sy hanasoavana ny mpiara-belona ny zanabibiandriakomanjaka. Maneho ny maha izy azy ny fahaizany manokana manody sy mitsabo ny olona may sy ny lanin'ny biby. Heverina fa hery sy fahefana avy amin'ny Razana no hahaizan'ny mponina izany. Fitaovana nataon'ity fiarahamonina ity hampitana izany amin'ireo taranany ny sorona ; amin'ny fotoana isoronana no hanandratan' ny Lohavohitra vavaka amin' ny Razana mba itoeran'ny hery anaty amin'ireo taranaka ary itsofany rano azy ireo hanatanteraka izany ho fanasoavana ny mpiara-belona.

### 3-4- Ny sorona sy ny fampandrosoana

Avohitra ato amin'ity zana-pizarana ity ny fiarahan'ny finoana amam-pivavahana nentim-paharazana sy ny kolontsaina vao izay irosoana sy imatimatesan'ny fiarahamonina maro eto amin'ny firenena. Hovahavahana ato ny mikasika ny sorona manoloana ny fampandrosoana sy ny fampitahana izany amin'ny finoana amam-pivavahana hafa. Hojerena ato ihany koa ny mety ho avin'ny sorona. Amaranana azy kosa ny tombana sy ny tolo-kevitra hoenti-manatsara ny sorona.

#### 3-4-1- Ny sorona manoloana ny fampandrosoana

Ny toe-tany ny toetr'andro na ny tontolo iainana no mamindra amin'ny olombelona sy mihatraika aminy, ka manova miandalnaa ny fomba amam-panaon'ny foko na fiarahamonina iray. Manoloana ny fibosesiky ny riba vahiny eto amin'ny nosy, tsy maharesy tosika azy ny fomba amam-panao nentin-drazana. Mihena ny olona manatanteraka ny sorona fa mirona amin'ireo randram-bao maro samihafa nentin'ny vahiny ny mponina.

Ny tontolo iainanan'ny olombelona dia mamolavola, manamboatra ary mametra tanteraka ny toetrany sy ny fiainany manontolo. Manefy ny toe-tsain'ny olona izany sady manery azy hiala na hanadino tanteraka ny fomba sy ny fanao mahazatra azy. Ohatra taloha heverin'ny fiarahamonina fa manao sorona ho fiantsoana an'ny Zanahary sy ny Razana no fanao rehefa misy zava-manahirana na zava-mampiahiahy ; amin'izao fotoana izao heverina ho seho hafahafa na henatra eo amin'ny fiarahamonina ny fanaovana izany.

Manoloana ny fidiran'ny kolontsaina vahiny eto amintsika. Maro ireo antokom-pivavahana kristianina mitsangana eny amin'ny fiarahamonina. Vokatr' izany mila ho sarona ny fivavahana nentin-drazana toy ny sorona fa mirona manaraka izany ny ankamaroan'ny olona. Manjary miampifipify ny olona manaraka ny fomban-drazana sy manao sorona. Manampy trotraka izany koa ny fisian'ireo foto-drafitr'asa maro izay mitaiza sy manabe ny olona ka manendaka miandalana ny fomban-drazana ao an-tsain'ny olona fa mampiditra kosa ny fanao vahiny. Adikan'ny hafa ho fomba amam-pivavahana lany andro izany ary heveriny fa tsy fivoarana sy tsy fandrosoana ny fanatanterahana sorona.

#### 3-4-2- Ny sorona mitaha amin'ny fivavahana hafa

Na dia eo aza ny sorona izay finoana nentin-drazana narahin'ny Malagasy dia hita miroborobo sy mahazo vahana eto amin'ny Nosy ihany koa ny finoana amam-pivavahana kristianina izay nentin'ireo vahiny. Vokatra izany tsy marin-toerana ny finoana nentin-drazana sy ny finoana kristianina fa ampiharain'ny olona.

Fanoitra mahomby nentin'ireo mpitondra fivavahana kristianina hisintonana tsikelikely ny sain'ny mponina ny fampiarahany ny fampielezana ny filazantsara sy ny fanaovana asa fanasoavana ny vahoaka. Atsangany ireo foto-drafitr'asa maro samihafa toy ny sekoly, ny toeram-pitsaboana, ny akany fibeazana sy fianarana asa tanana. Taominy ny olona anatona izany ka amin'izay no andreseny lahatra ny olona anaraka ny fivavahana kristianina. Ao ny resiny lahatra ka manaraka izany tanteraka fa ao kosa ny mampirafy ireo fombam-pivavahana roa ireo. Misy kosa anefa ireo mifikitra tanteraka amin'ny fomba fivavahan-drazana tanteraka ka manao fady ny fidirana amin'ireny toeram-pivavahana ireny. Andanin' izany anefa ireo mpanaraka ny fivavahana kristianina, mandresy lahatra ny olona hamela ny riba mahazatra ny razana ; tsy manatrika ny sorona ; tsy mihinana ny hena na ny sakafo atao amin'ny sorona. Tsy mino izay ambaran'ny mpanandro sy mpimasy ary tsy mitoky amin'ny fanahy ao amin'ny zavaboaary.

Kolontsaina roa samy manana ny hanitra ho azy ny sorona sy ny fivavahana kristianina. Tsy misy azo lazaina ho ratsy na tsara ihany koa fa ny olona mino sy manaraka izany kosa no manome hasina sy lanja azy. Noho izany tsy azo disoina ny mitoky sy manaraka ny sorona izay fivavahan'ireo Razana teo aloha ary tsy melohina ihany koa ireo mino sy mivoy ny fivavahana kristianina.

### 3-4-3-Ny ho avin'ny sorona

Manoloana ny fanatontoloana izay tsy azontsika ihodivirana. Soatoavina sy riba vahiny maro no tafiditra eto amin'ny firenena ; mora andairan'izany ny mponina indrindra ny olona mifikitra amin'ny finoan-drazana. Lafin-javatra maro no manery ny olona hiova toe-tsaina, anisan'izany ny fitiavam-bola, harena, ny fitiavan-tena. Izany no misolo toerana ny fihavanana izay soatovina mamin'ny Ntaolo malagasy fahiny. Niova noho izany ny toe-tsain'ny olona ary efa maro ireo manao tsinontsinona sy manivaiva ny fomban-drazana ka sahy mamaky fasana, mangalatra taolam-paty, manginy fotsiny ny fandrobana ny harena sy ny fananan'ny olona amin'ny vohitra na tanàna.

Na eo aza anefa izany, tsy lefy ny fotoana ny fombam-pivavahan-drazana toy ny sorona. Soatoavina mafy orina sy lalim-paka teo amin'ny fiarahamonina malagasy hatrany am-piandohana izany ka sarotra ny mamafa sy mikosika azy ao an-tsain'ireo taranaka mifandimby. Na misy aza ireo karazan-javatra maro manohintohina ny sorona ankehitriny noho ny fivoarana misy eto amin'izao tontolo izao dia tsy ho foana tanteraka akory izany fa mety hiova endrika kosa.

Ivalamparan'ireo fireham-pivavahana nentin'ireo vahiny ny fiarahamonina malagasy. Manintona sy misarika ny sain'ny maro izany. Ny fisian'izany anefa tsy manakana ny olona tsy hivavaka amin'ny Zanahary sy ny Razana. Porofon'izany ny mbola hanaovan'ireo foko na

vondrom-piarahamonina sorona na fombafomba mitovy amin’izany. Noho ny fahasarotan’ny fiainana sy ny fahasahiranana maro samihafa anefa dia hahenan’ny olona ny fandaniana amin’ny hoenti-manana amin’izany, ohatra hahena ny omby vonoina atao fanatitra amin’ny sorona.

### 3-4-4- Tombana sy tolo-kevitra

Ilaina mandrakariva ny manombana ny asa fikarohana natao mba hahafahana mandravona sy manao jery todika ny zavatra voalaza  ka hahafahana  mandroso tolo-kevitra.

**Tombana**

Foto-pisainana raiki-tampisaka amin’ny Malagasy ny finoana ny hery tsy hita maso takarana any ankoatra sy ny hery ivelany rantoina avy amin’ny zavaboaary sy ny tontolo manodidina. Maneho izany miharihary ny sorona izay fivavahan-drazan’ny Zanabibiandriakomanjaka ao Soavinandriana Itasy. Mitaiza sy mamolavola ny mpiara-monina izany finoana amam-pivavahany izany ka avohitrany sy asongadiny mandritra ny fotoana anaovana ny lanonam-pivavahan-drazana. Raha tombanana ity fivavahan-drazan’ny zanabibiandriakomanjaka ity dia toa heverina ho miaina amin’ny haizina ny fiarahamonina toy izany. Amin’ny sehatry ny haiolona kosa anefa dia toe-javatra mari-pototra sy mitombina ny fanehoana ny kolontsaina sy ny foto-pinoana toy izany.

Tsy maningana amin’ireo foko na vondrom-piarahamonina maro eto Madagasikara akory ny foko Zanabibiandriakomanjaka raha manao loha laharana ny   sorona sy ny fanompoana Razana eo amin’ny fiainany ; fa efa  finoana amam-pivavahana velom-pototra ao am-pon’ny Malagasy mihitsy ny mivavaka amin’ireo hery tsy hita.

Mitazona sy miaro ny ain’ny fiarahamonina ny fivavahan-drazana. Mitohy ny taranaka. Mifankafantatra ny mpiray tanindrazana ary mahafantatra ireo Razana niandohana ny taranaka. Manabe sy mitaiza ny taranaka ho olom-banona hahay hikajy sy hitandrina ny lova iombonana navelan’ny razana ny sorona. Misarika ny mponina  hanaja sy hiaro ny tontolo iainana sy ny natiora manodidina.

Mivoatra manaraka ny toetr’andro sy ny tontolo manodidina azy ny olombelona.  Efa hita ny fifangaroan’ny  riban-drazana sy ny riba vahiny na dia niorim-paka sy lali-pototra teo amin’ny fiarahamonina malagasy aza ny sorona. Izany akory tsy midika fa  voakosoka tao an-tsain’ny Malagasy ny finoana amam-pivavahan-drazana toy ny sorona sy ny hafa mitovy aminy.

**Tolo-kevitra**

Kitro ifaharan'ny fiarahamonina na firenena iray ny kolontsaina sy ny finoana amam-pivavahana miaina ao aminy. Zary lamina sy rafitra maharitra izany ka mitera-boka-tsoa eo amin'ny firenena. Anasongadinana izany no androsoana tolo-kevitra eo amin'ny lafiny siantifika, kolontsaina, sôsialy, ary ny toe-karena.

**Eo amin'ny lafiny siantifika**

Sehatra iray manana ny maha izy azy azo ampiharana ny fomba fandinika siantifika ny fiarahamonin'ny zanabibiandriakomanjaka. Foko azo alain-tahaka tokoa eo amin'ny fifikirana sy fanajana ny fomban-drazana, ny fiarovana ny lova navelan'ny Razana ( tanimbary, tanety, lohasaha,…). Mendri-piderana ihany koa ity fiarahamonina ity eo amin'ny fahaizany mitahiry ny soatoavina sy ny haren-tsaina malagasy. Noho izany ilaina mandrakariva ny manompana ity fikarohana ity amin'ny fomba fandinika haiolona mba hampahomby ny fikarohana atao.

**Eo amin'ny lafiny kolontsaina**

Fitaovana natao hanapariahana ny fahendrena sy ny fihavanana malagasy ny asa fikarohana toy izao fa manome aina ny kolontsaina, mampivelatra ny fomban-drazana sy ny finoana amam-pivavahana malagasy ary fanoitra maneho ny fijoroana sy ny fiizian'ny vako-manitra eo amin'ny firenena. Ny fisian'ny kolontsaina velona toy ny sorona eo amin'ny fiarahamonina sy ny fiaraha-mientan'ny mponina amin'ny fanatontosana izany dia fomba iray enti-mikolo sy fanandratana ny fomban-drazana ho amin'ny toerana ambonimbony sy hampaharitra azy.

**Eo amin'ny lafiny sôsialy**

Manefy ny fiarahamonina hanana toetra mendrika sy vanona ny finoana amam-pivavahany. Ny fahafantaran'ny mponina anatiny sy manodidina ny foko iray ny fomban-drazany dia ampy hitari-dalana azy amin'ny zava-misy iainany andavanandro na vanim-potoana miavaka. Manabe sy mitaiza ny olona ho tan-dalàna sy hanaja ary hanome hasina ny ray aman-dreny ihany koa izany sady mamolavola ny mahaolona. Manampy ny olombelona amin'ny fandavorariny ny fiainam-piarahamonina izany sady manatsara ny fifandraisana eo amin'ny olona samy olona sy eo amin'ny foko sy fiarahamonina hafa.

**Eo amin'ny lafiny toe-karena**

Mampivelatra ny toe-karen'ny mponina ny finoana amam-pivavahan-drazana satria efa misy ny rafitra napetraka tokony hankatoavina sy harahana eo amin'ny fanatontosana ny asa aman-draharaha. Ny fiaraha-mientan'ny besinimaro amin'ny fanefana izany dia mampandroso ny faritra na foko iray. Noho izany tokony hahatsiaro tena ny isam-batan'olona hanao ny adidiny mba hahalavorary ny fiainan'ny mponina sy hamelona indray ny vako-drazana izay fototra iray iankinan'ny fampandrosoana ny hari-karem-pirenena.

# FEHINY

Ny hevitry ny sorona izay fombam-pivavahan-drazan'ny Zanabibiandriakomanjaka no nazavaina tato amin'ny fizarana fahatelo. Ny fandinihana izany no nahafahana nanome ny hevitry ny sorona izay andram-pamaritana ny fivavahan-drazana malagasy. Tsy vitsy ny Malagasy no manaiky fa midika ho fiarovana ny aina ny sorona. Antoky ny fahaveloman'ny olombelona ka nokajiany sy notandremany fatratra. Nankinina tamin'ireo hery tsy hita maso ny fiarovana izany satria heverina ho manana hery hiantohana ny fahaveloman'ny olona izy ireny.

Mamelona ny finoana mampiavaka ny foko na vondrom-piarahamonina ny sorona sady maneho miharihary ny fombam-pivavahana ilafihan'ny finoan-drazana malagasy. Mahatsapa ho tsy ampy hery hoenti-miatrika ny fiainana ny olona ka miantsampy amin'ireo hery tsy hita toa ny Zanahary, ny Razana, ny zavaboaary hanampy azy amin'ny fandavorariana ny asam-pivelomana. Kitro ifaharan'ny finoana amam-pivavahana nentin-drazana ny sorona sady andry iankinan'ny soatoavina amam-pahendrena malagasy.

Ny sorona izay fomba fivavahan'ny zanabibiandriakomanjaka dia maneho miharihary ireo foto-pinoana sy ny fivavahan-drazana narahan'ireo fiarahamonina tranainy teto amin'izao tontolo izao dia ny « animisme », ny « totémisme », ny « analogisme », ary ny « naturalisme ». Azo hitarafana ny endri-pivavahan'ny fiarahamonina ihany koa ny sorona sady hahazoana manakatra sy mampivohitra ny famaritana ny atao hoe fivavahan-drazana malagasy.

# TENY FAMARANANA

Miankina sy mifandray amin'ny tontolo manodidina ny olombelona amin'ny maha manan'aina azy. Endrika maro no isehoan'izany fifaningorany izany ka manangana na mamorona fomba sy riba enti- manasongadina izany ny foko sy vondrom-piharahamonina maneran-tany. Ny lohahevitra nohadihadiana tamin'ity asa fikarohana ity ny hoe : « SORONA SY FOMBA FIVAVAHAN'NY ZANABIBIANDRIAKOMANJAKA AO SOAVINANDRIANA ITASY. ANDRAM-PAMARITANA NY FIVAVAHAN-DRAZANA ETO MADAGASIKARA ». Foto-pivavahana tranainy iray mbola miaina sy velom-pototra eto Madagasikara ny sorona. Fototra iorenan'izany ny finoana an'ny Zanahary, ireo Razana ary ny natiora manodidina izay notafiana hery mba hanehoana ny tsy hita maso.

Ny haitsikera « Analyse sur un large front » izay novoizin'i Konrad LORENZ no nentinay nanorenana izao asa izao. Ity haitsikera ity dia mametraka hatrany ny zavatra dinihana hanana toetra vondrona iray, ahitana singa mifandray sy mifampiankina ary mifampiako koa raha voahetsika ny singa iray dia isehoam-piovana ihany koa ny vondrona.

Notsinjaraina telo ity lohahevitra ity. Fanolorana ny seha-pikarohana no ambara ao amin' ny tapany voalohany. Foko mbola mitazona sy manoa ny rafi-piarahamonina tranainy ny Zanabibiandriakomanjaka. Zava-dehibe amin'ity vondrom-piarahamonina ity ny fivavahana sy ny finoan-drazana izay fiantsampazany matetika rehefa tojo zava-tsarotra na misedra olana izy. Manaja ny rafitra ara-pirazanana sy ara-panjakana izay mijoro ao an-toerana koa anefa ity vondrona ity.

Miompana amin'ny famelabelarana mikasika ny sorona sy ny tandindon'ireo fitaovana ampiasaina ary ny fomba amam-pihetsika anatontosana ny sorona kosa ny fizarana faharoa. Ny trangan -javatra miseho sy mahazo ny olombelona no manosika ny olona hanatanteraka ny sorona. Ho fisorohana ny loza izay mety hiteraka fahavoazana na tsy fahombiazana no antom-pisian'ny fivavahana iantsoana an'ny Zanahary sy ny Razana. Amasinina sy omen-kasina ny natiora sy ireo Zavaboaary mba hahatomombana tsara ny fotoam-pivavahana amin'ny Razana. Tsy azo tsinontsinoavina ihany koa ny tsirairay fa omena ny haja sy ny hasina maha izy azy noho izy ireny mitahiry ny fahefana sy ny hery anaty avy amin'ny Razana. Ezahana mandrakariva ny ampifandrindrana ny hetsika rehetra mba hahatomombana ny sorona araka ny tokony ho izy.

Ny fizarana fahatelo kosa no nanolorana ny hevitry ny sorona. Navohitra tamin'izany ny dikan'ny sorona ka notakarana avy tamin'izany ny famaritana ny fivavahan-drazana eto Madagasikara. Heverina fa lamim-piarahamonina mifototra amin'ny finoana ny fivavahan-drazana ka natao ho fitaovam-piarovan-tena sy fiantohana ny fahavelomana. Miorim-paka ao am-pon'ny

olona noho izany ny finoana ny Zanahary, ny Razana, ny Natiora ka tsy azo hozongozonina. Mitahiry sy mirakitra ny soatoavina sy ny fahendrena malagasy izany ka sady ain'ny fiarahamonina no mamelo-maso ny vako-manitra nentin-drazana malagasy.

Manoloana ny fahasarotan'ny fiainana sy ny fidiran'ny riba vahiny ary ny fijoroan'ireo foto-pinoana amam-pivavahana maro be ankehitriny, mety hisy ny fihemoran'ny olona sasany hanaraka izany. Saingy sarotra kosa ny hino ny fisarahan'ny olombelona amin'ny tontolo manodidina azy sy ny hikosoka na hanongotra ao am-pon'ny Malagasy ny finoana sy ny fivavahana amin'ny Razana, raha mbola misy sy hampiharana eo amin'ny fiahamonina ny fombam-pivavahana toy ny sorona sy ireo hafa mitovy aminy.

# LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA

ABINAL et MALZAC, 2000, *Dictionnaire malgache-français*, Antananarivo, Ambozontany-Analamahitsy.

ABRAHAM (K.), EDWARD (P.), 1961, *Introduction à l'ethnologie*, Paris, éd. Gallimard.

AKADEMIA MALAGASY MISAHANA NY HAIKANTO SY NY HAISORATRA ARY NY HAIRAHA, 2005. *Rakibolana raki-pahalalana*, Antananarivo.

ALTHABE (G.), 1972, *Aperçu anthropologie*, extrait « guide bleu » de la République Malgache, Orstom.Tananarive.

ANDRIAMBELO(JJ), may 1955, *Rakitry ny elan'ny Zanabiby* (Soratanana)

ANNEAUX BAROQUE, 1978, *Encyclopaedia* Universalis, France Paris.

AUJAS (L.), 1929, « *Les rites du sacrifice à Madagascar* », Mémoire de l'Académie Malgache.

AUZOU, 2010, *Dictionnaire Encyclopédie*, Paris, éd. Auzou.

CHAMPAGNE (P.), 1998, *La sociologie*, Paris, ed. Milan

CALLET (R.P), 1908. *Tantara ny Andriana eto Madagasikara,* tome I, Antananarivo, Presy katolika.

COLLEYN (J.P.), 1988, *Les éléments d'anthropologie sociale et culturelle*, Bruxelles, éd. Université

COULESQUE (J.), 1970, *Eléments d'étude pour une anthropologie malgache*.

COUSINS (W.E.M.A) : 1963, *Fomba Malagasy*, Antananarivo, Trano printy Protestanta Imarivolanitra.

CRESSWEL (R.), 1975, « *Eléments d'une problématique* » `Eléments d'ethnologie n° 1, Col. U. Armand Colin.

DESCHAMPS (H.), 1959, *Les migrations intérieures passées et présentes à Madagascar*, Paris, éd. Berger-Levrault.

DICTIONNAIRE DE L'ETHNOLOGIE ET DE L'ANTHROPOLOGIE, PUF, Paris, juillet1992

DOMENICHINI (J.P.), 1984, POIRIER (J.), RAHERISOANJATO (D.), 1984, *Ny razana tsy mba maty, culture traditionnelle malgache*. Antananarivo, Ed de la librairie de Madagascar.

DURKHEIM (E.), 1912, *Les formes élémentaires de la vie religieuse*, Paris, PUF, Bibliothèque philosophique France.

ELIADE (M.), 1949, *Le sacré et le profane,* Paris, Payot.

ELLI (L.), 1993, *Une civilisation de bœuf : les bara de Madagascar*, Fianarantsoa Ambozontany.

EVANS-PRITCHARD (E.), 1950, *Anthropologie sociale*, Paris, Payot.

FRAZER (GJ.),1915. *Le rameau d'or*, Paris, Geuthner.

FREUD (S.), 1966. *Totem et tabou*, Paris, Petite Bibliothèque Payot.

GODELIER (M.), 2007, *Au fondement des sociétés humaines,* Paris, Col. Bibliothèque Albin Michel, éd. Albin Michel.

GRANDIDIER (A.), 1917, *De la religion des Malgaches*, extrait de l'anthropologie, Paris, Imprimerie Nationale.

IZARD (M.), in GODELIER (M.), 1982, *Les sciences de l'homme et de la société en France, Analyse proposition pour une politique nouvelle* : la Documentation française.

JACQUES (L.) 1994, *Introduction à l'ethnologie,* Paris, Armand Colin

JAOVELO-DZAO (R.), 1996, *Mythes, rites et transes à Madagascar*, Fianarantsoa, éd Ambozontany

KOHLER (L.), 1936, *Théologie des anciens testaments*, Paris, Karthala.

LAPLANTINE (F.), 1995, *Clef pour l'anthropologie,* Paris, éd. Seghers.

LORENZ (K.), 1970, « Le tout et la partie du comportement animal et humaine », in *Trois essais sur le comportement animal et humain*.

LOWIE (R.), 1971, *Histoire de l'ethnologie classique*. Col. Petite Bibliothèque Payot.

MALINOWSKI (B.), 1922, *Les argonautes du Pacifique Occidental*, Paris.

MEMEL ( F.), 1962, *La civilisation animiste*, Colloque sur les religions, Présence Africaine.

MENSHCING (G.), 1951, *Sociologie religieuse*, éd. Bibliothèque scientifique, Paris, Payot.

MONDAIN (G.), 1991, *Des idées religieuses des Hovas avant l'introduction du christianisme,* Paris.

MONOGRAPHIE DE LA COMMUNE URBAINE SOAVINANDRIANA ITASY, Janoary 2012.

NDEMA (J.), 1973, *Fomba Antakay*, Fianarantsoa, Ambozontany.

OBADIA (L.), 2007, *L'Anthropologie des religions*, Col "Repères", Paris.

PAULME (D.), 1953. *Les civilisations africaines*, Paris, Petite Bibliothèque Payot.

PAUL (M.), 1966, *Histoire de l'Anthropologie,* PUF, Paris

RADILOFIE (I.), 2008, *Ny joro tsimihety, fivavahan-drazana maneho ny fifamatoran'ny olombelona sy ny tontolo manodidina*, Mémoire de D.E.A. DLLM, Antananarivo.

RAINANDRIAMAMPANDRY, 1971, *Tantara sy fomban-drazana*, Madagascar print – press company, Tananarivo.

RAJEMISA-RAOLISON (R.), 1985, *Rakibolana Malagasy*, Fianarantsoa Ambozontany.

RAKOTONAIVO (F.), 1988, *Riba malagasy*, Fianarantsoa Ambozontany.

RAKOTOMANOLO (S.), 1981, *Ny foko manendy*, monasitera Ambohimanjakarano Mahitsy.

RAKOTONIRAINY (J.), 1954, *Fisainana malagasy, sombin-tantaran-drazana:Malagasy fahagola,* Antananarivo.

RAZAFIARIVONY(M.), 2006, *Harivolana na lahateny nentin-drazana, ain'ny fiarahamoninaMalagasy-Masikoro,* Trano Printy Fiangonana Loterana Malagasy, Antananarivo.

RAZAFINTSALAMA (A.), 1978, *Ny finoana sy ny fombany. Famotopotorana fomban-drazana*, boky II, Antanananarivo.

RAZAFINTSALAMA (A.), 1996, *Tari-dalana hoenti-manadihady ny finoana sy ny fomba malagasy*, Antananarivo.

RIVIERE (C.), 1995, *Introduction de l'anthropologie*. Col. Hachette supérieur. ROBERTSON (SW.), 1907. *La religion des sémites ( the religion of the semite*), the Macmillan Compagny London, New York.

SAPIR(E.), 1921, *Anthropologie,* éd. de Minuit, collection. Le sens commun, Paris.

TYLOR (EB.), 1871. *La civilisation primitive*, traduction française : REINWALD, 1876-1878. Paris, Murray London.

VAN GENNEP (A.), 1910, *Tabou et totémisme à Madagascar,* Gallimard Paris. VARAGNAC (A.), 1948. *Civilisation traditionnelle et genres de vie*, Albin Michel. Paris.

VIG (L.), 1975, *Croyances et mœurs des Malgaches*, Antananarivo.

VIET (J.), 1966, *Les sciences de l'homme en France*, Imprimerie en France, Paris

# WEBOGRAPHIE

DESCOLA (PH.), 2005, *Par delà nature et de la culture,* in http:// p2pfoundtion.net/ Matrices_ ontologiques_ Philippe_Descola.

# TOVANA

**FIVAVAHAN' NY MPIHADY VOLAMENA**

Avy mangataka izahay,

Mangataka amin'Andriamanitra,

Mangataka amin'Andriananahary,

'Zay tompon'ity tany ity.

Ao ianao Rasoalao ;

Ao ianao Rangorimanana,

Ao ianao Rafaravavy, Raolompohy, Rabesarondro

Ratsorabolamena, Rabekorontana, Ralenditsaka,

Rabetanimena, Razafihisoka, Andrianaivorapeto,

Ramenahesoka, Ramenabe, Ramaitsoakanjo :

Mangataka ny volamena izahay,

Fa ny tsy fanananay no alehanay aty ;

Nialana tany amin'ny tanindrazana.

Enjehin'ny fahoriana amin'ny tsy fananana,

Misalaka raty, mielo ampanga;

Misalaka lolo tonona, verim-boamena,

Miantsena ihomehezan'ny namana,

Mandeha an-kavoriana mindran-damba vao afaka.

Ka mba alao izany fahorianay izany,

    Mba hahazo izahay.

Fa ny tsy fanananay no alehanay aty

    Ka mba te hitovy amin'olona,

    Ka dia mangataka izany izahay.

Mangataka ny any atsimo,

Mangataka ny any avaratra,

Mangataka ny any andrefana,

Mangataka ny any atsinanana,

    Ny any Anorombato, ny any Andolomasina,

Ny any Ambojijanahary, ny any Ambohitantely,

Ny any Jonjonomby, ny any Manazary,

Ny any Ambohitrandriamanitra,

Ny any Ambaravaranala, ny any Mahavavy.

Mangataka izany harena izany izahay

Fa ianareo no ipetrahan'izany Vazimba izany ;
Ka mba alao izany fahorianay izany ;
Mba hahazo moramora izahay.
Izany no angatahinay amin'ny lolon'ity tany ity sy ny Vazimba,
Ka izao hataka hataonay izao,
Na ny any atsimo, na ny any avaratra ;
Na ny any atsinanana, na ny any andrefana,
Indrindra fa ny eto ampovoan'ny tany,
Dia mba hahasoa anay.
Mba hahazoanay harena sy hahazoanay vola ;
Ka mba hahazo moramora izahay.
Mba hahavaky volamena,
Andriamanitra, Andriananahary.

*Nangonin'I Rev. L. DAHLE, Nalahatra sy nahitsy ary nampian'i J. SIMS, Anganon'ny Ntaolo, Trano Printy Loterana Antananarivo, 1984, p 205-206.*

**FAMPANDRESANA**

SORON'ANDRIAMBOLAFOTSY

MIANTSOARIVO

Ny terak'Andriabibiandriakomanjaka, izay itambaran'ny mponina amin'ireto amin'ireto vohitra ireto: Andrainarivo, Miantsoarivo, Andraibiby sy ireo avy eo Soavinandriana tampon-tanàna, dia manao ny soron'Andriambolafotsy eto Miantsoarivo ny alarobia 22 sy ny 23 may 2013. Izao no atao dia ho fahatsiarovana an'Andriambolafotsy sy ireo vako-drazana hatramin'ny razambe teo aloha ka ho tarazoan'ny taranaka mandimby ankehitriny ary ho fiarovana ny vohitra sy ny fananana ary ny tanindrazana iombonana.

Koa ho fanamafisana ny fihavanana sy firaisan-kinan'ny terak'Andraibibiandriankomanjaka dia antsoina isika zanabiby ivelam-bohitra sy ireo zana-tany vahiny ho tonga hamonjy izao sorona izao mba hihaona sy hitafa amin'ireo razantsika.

RAZAFIMANDIMBY Edmond

Mpitantsoratry ny zanabiby Andrainarivo

**TONOM-BAVAKA FANAO AMIN'NY SORONA RAHA HAMAKY TANY NA HISANTATRA ASA.**

Ny raim-pianakaviana no manao ny vavaka, mijoro eo afovoan'ny tany.

Andriamanitra andriananahary, lolohavina an-tampon'ny loha.Ao ianao Andraibibiandriakomanjaka, ao ianao Andriambolafotsy Andriakomanjakabe sy ianareo razana masina rehetra tompon'ny tany.Miantso anareo izahay zanakareo fa hanavi-draharaha.Koa mangataka alalana aminareo tompon'ny tany izahay terakareo mpanjaka nonina teto. Manatreha re izao ka ekeo ny fanirianay. Tsy animbazimba ny tany izahay. Itandrina ny fady napetrakareo. Tsy ivadi-panekena fa hanaja velirano. Itana ny hafatra sy ny fady nambaran'ireo raiman-dreny. Mitahia re! mba ho hambinina ny zanakareo, hiasa hahatontosa, hamboly hahavanona sy hahavokatra; ka ho andriamanarivo, andriamanalina tokoa izahay. Indro atolotray anareo ny akoho ho mari-panekena sy ho fehim-pihavanana. Koa tahio re Ra….sy ny fianakaviany, mba tsy ho tojo zava-tsarotra na ady mafy amin'ny fitrandrahana ny tany izay nomenareo anay mba ho lavorary ny asanay, ho salama tsy hanahy anie izahay mianakavy kely.

RAKOTONDRANGORY, 70 taona raiamandreny monina ao Andrainarivo.

**FINOAN'NY SAKALAVA AN'ANDRIAMANITRA**

Araka ny fomba ny Sakalava izay nentim-paharazana, dia manao joro izy. Ary izany joro ataony izany, dia misy ireto zavatra ireto : emboka, lovia madio, ravina, zavatra aterina toy ny omby, akoho, sns. Io emboka io dia afo, ka atao amin-javatra avo tongotra, izay asiany vainafo ka ataony eo alohan'ny zavatra ateriny. Ary ny lovia madio na ravina dia ataony eo andaniny roa an'io emboka io, ary ao anatin'io dia asiany volamena na vola ariary tsy vaky ka rarahana fandrama, dia anidinany rano na toaka mahery.

"Ary izay zavatra ateriny ataony joro amin-janahary, dia ampandriny eo am-pototr'ireo zavatra rehetra ireo. Koa rehefa tomombana avokoa izany, dia miantso an'andriamanitra izy ka manao hoe; manantso, manantso, manantso anao Andriamanitra anambo, izahay, mitondra ny emboka tsara hanitra, ny vola madio tsy vaky, lovia kopy madio, fandrama mamy, toaka mahery, akoho fotsy, omby maava loha; koa ny antony itondranay ireo dia ho haja amam-boninahitrao. Fa tonga mangataka ny tsara, mangataka ny maeva aminao Andriamanitra, aminao andriananahary izahay, fa ianao no nanao ny fofok'aina."

RAMBELO, Teny Soa, Mars 1913 p.41-42

**SATA SY FITSIPIKA MIFEHY NY ZANABIBY**

Toy izao voalaza manaraka izao ny sata sy fitsipika mifehy ny zanabiby araka ny hafatra napetraky ny mpanjaka:

- Mitana ny fahamarinana.
- Miray hina.
- Tsy mizahozaho.
- Tsy manao zava-dratsy.
- Tsy mangalatra, tsy misoloky.
- Tsy mampiady olona na mampisara-bazana.

Raha fintinina dia tsy tia zava-dratsy ny mpanjaka Andriambolafotsy ary tsy mitahy izay manao izany fa miaro sy manambina izay rehetra manao ny tsara kosa.

ANDRIAMBELO Jean Jacques, Rakitry ny elan'ny Zanabiby, 1955.

**FADY MANDRITRA NY FANAOVANA NY SORON'ANDRIAMBOLAFOTSY SY NY SORONA MASAY**

Fotoana masina ny andro hanaovana sorona ka maro ireo zavatra tandremana sy fadina toy ireto manaraka ireto:

- Tsy azo atao ny mivoaka miantsaha na miasa tany.
- Tsy mampiantrano vahiny.
- Tsy mahazo misotro toaka.
- Tsy mahazo mifamaly.
- Tsy misikina lambaoany, tsy mitafy lamba ny vehivavy ary tsy misampy lamba ny lehilahy.
- Tsy azo atao ny mamoaka omby raha tsy efa vita ny sorona.

ANDRIAMBELO Jean Jacques, Rakitry ny elan'ny Zanabiby, 1955

**FOMBA AMAM-PANAON'NY TSIMIHETY**

Misy karazam-biby maromaro izay fadiny mafy ny mamonovono azy foana, ary heveriny ho masina sy fambara. Heveriny fa misy ambim-panahin'ny razana mitoetra amin'ireny biby ireny, ka hatrany hatrany dia lavorary toçkoa ny fitandremany azy. Ny malaza indrindra amin'ireo biby ireo dia ilay atao hoe "do", biby misoratsoratra vanga tsara tarehy indrindra. Mety ho lehibe noho ny fe izy na mihoatra, ary ny halavany dia misy hatramin'ny roa metatra mahery aza indraindray.

Raha mahita azy amin'ny toerana mazavazava, hono, na raha mahita azy mitsivalana amin'ny arabe ka mihetsika izy, na ilay sendra mandady iny kosa izy no hita ka tsy mijanona, dia milaza izany fa misy maty na misy marary ny Havana akaiky. Raha tsy maninona izy ireny ka vonovonoina foana dia hankarary na hahafaty ilay namono, na olona iray ao amiin'ny fianakaviany, na hampitranga loza hafa.

Miorim-paka lalina tokoa ny finoany izany ary fatratra ny tahony azy, ka tsy hahita Tsimihety iray akory sahy hamonovono "do" foana ianao na oviana na oviana. Ary inoany fa tsy aminy ihany no manan-kery izany fady izany fa amin'ny olona rehetra na Vazaha na Hova, izany hoe: sady fadin-drazany no fadin-taniny, ka tokony hotandreman'izay mandia azy.

STEPHANIA, "Fomba amam-panaon'ny Tsimihety", Teny Soa, Mai 1913, p 75

**FINOANA MARO SAMY HAFA: Ny fanahy, ny ody**

Fanahy, atao hoe Zanahary, lolo, avelo, angatra, maimbo, ny fanahy rehefa maty ny olona.

Misy an-tokony roa ireo: ny fanahin'ny razany avy izay manamasina ny ody, manasitrana ny aretina, mampionona ny ory, sns; no atao hoe Zanahary ka toy ny andriamaniny.

Ny lolo, angatra sy ny maimbo kosa dia ny fanahin'ny mpisompatra izay "manao tano fa azo, tsindrio fa resy".

Ny marary mafy asiany lahoina ho velona, raha tsy tsara zanahary. Ary amin'ny zavatra rehetra na inona na inona, izay mahatanteraka, mahatontosa, ambinina na mahazo izay ilainy dia voatahin'ny razana izy, tsara ny zanahariny. Fa ny ratsy vintana rehetra kosa dia ratsy Zanahary.

Maro karazana ny ody. Ny finoany azy ireny dia isan'izay tafaorina lalina tokoa ao ampony, amin'ny fampianaran'ny ombiasy. Ny ody dia ampiasaina hankarary na hamono izay tsy tiany, na hahazoany zavatra misy tombon-tsoa na hiaro azy amin'izay manimba, sns. Ny fanafody kosa dia atao hanasitranana ny aretina, saika misy odiny avokoa ny zavatra rehetra, nefa tsy ary ho voalaza daholo.

Misy olona inoany ho mahay mankarary na mahafaty izay tsy tiany, na dia tsy mikasika na manome zavatra azy akory aza. Noho izany dia vitsy mihitsy izy no mifampahatoky na dia izy samy izy ihany aza. Misy koa heveriny ho mahay mandatsa-baratra hahavoa izay kendreny. Ao koa anefa ny ody famahanana azy. Taona vitsivitsy, indray fahavaratra izay, nisy olona roa maty nilatsahan'ny varatra tao Mandritsara, renivohitry ny Tsimihety. May kila niaraka tamin'ny trano nisy azy ireo olona ireo. Talohalohakelin'io dia nisy nifanditra mafy tamin'ireo olona ireo, ary ny faharenesan'ny Tsimihety izany dia ampy ho ninoany fa vokatry ny odin'ilay andaniny no nampilatsaka ny varatra ka nahafaty ny fahavalony.

Ao ny ody fandatsahana orana raha tahiny mila hihantona na ho tratra aoriana izy, ao koa ny ody fampihantonana azy raha mahatratra ny vary jeby (vary aloha). Saro-pady indrindra ity ody vary aloha ity, fa raha sendra lena ny fatana anendasana azy, dia latsaka miaraka amin'izay ny orana.

Vitsy amin'ny Tsimihety no tsy manana ny atao hoe "ody andro" na ody fampahazoana harena sy varotra, na izay zavatra hafa atao hahazoana harena, fa tsy hisy vanona, hono, ireny raha tsy ao io ody io.

Fafazana an'io ody io avokoa ny zavany rehetra: omby, akoho, ny entam-barotra, ary na inona na inona ataony hahazoany vola, na di any tenany aza dia mandro aminy.

STEPHANIA, Teny Soa, Janvier 1913, p74.

**TONOM-BAVAKA FANAON'NY ZANABIBY AMIN'NY SORONA TSANGAN-KAVANA**

Ny lohavohitra no manao ny vavaka, mijoro eo ambony lavabaton'Andriambolafotsy ary mandohalika manatrika azy kosa ny hanangan-kavana sy ny hatsangana.

Eny Andriamanitra Andriananahary sy hianareo razana masina tompon'ny vohitra telo.Hipoahan-tsatroka, hialàna salohy fito. Avy mangataka aminareo re izahay zanakareo; fa hanangan-kavana hiditra ato an-tanàna. Koa aza lavinareo ny fangatahanay zanakareo fa ny olona hatsanganay dia vonon-kanaja ny fanekena. Hitàna ny hafatry ny Ray aman-dReny. Hanoa ny fadin-drazana napetrakareo. Koa raha sitrakareo atsangano re mba ho isan'ny zanakareo Ra…ka mba hahita fitia eo imasonareo tokoa anie izy. Ho mamy hoditra eo amin'ny fiarahamonina. Ho ambinin-java-manasatra tokoa anie izahay mianakavy.

ANDRIAMBELO Jean Jacques, Rakitry ny elan'ny zanabiby, 1955.

**Fafana 1: Ny karazam-piangonana hita ao Soavinandriana Itasy**

| FIANGONANA | ISANY |
|---|---|
| FJKM | 24 |
| EKAR | 14 |
| FFJT | 09 |
| ADVANTISTA | 04 |
| VAVOLOMBELON'NY JEHOVAH | 01 |
| FJM | 02 |
| FPVM | 01 |
| FLM | 02 |
| JESOSY MAMONJY | 02 |
| ANGLIKANA | 01 |
| ARAPILAZANTSARA | 01 |
| HERIN'ANDRIAMANITRA | 01 |
| ASSEMBLEE DE DIEU | 01 |

**Loharano : M-DEV 2014**

# FILAZALAZANAMOMBA NY BOKY

Lohateny : **SORONA SY FOMBA FIVAVAHAN'NY ZANABIBIANDRIAKOMANJAKA AO SOAVINANDRIANA ITASY. ANDRAMPAMARITANA NY FIVAVAHAN-DRAZANA ETO MADAGASIKARA**

Haizava : « Analyse sur un large front »

Isan'ny takila : 88

Isan'ny fafana : 01

Isan'ny sary pika : 05

Isan'ny sarin-tany : 03

Isan'ny takilan'ny tovana : 11

Teny fototra : foko, finoana, fivavahana, kolontsaina, fihariana, fomba amam-panao, sorona, zanabibiandriakomanjaka

Mpitarika : RAZAFIMAHEFA, Maître de Conférences

Mpanatontosa : RAVAOJANAHARY Jeannine

Adiresy : Porte 52A, CU Ankatso I, Antananarivo 101.

Mailaka : jeannninerisy@gmail.com

Finday : 0342144794